

Nanōkatra ny sain'ireo Izy



Knut Holter

Nanokatra ny sain'ireo Izy :

**Ny Misiolojia sy ny
Testamenta Taloha**

Knut Holter

© Knut Holter

Knut Holter : Nanokatra ny sain'ireo Izy : Ny Misiolojia sy ny Testamenta
Taloha

Translated by Razafindrakoto A. Georges and Andosoa Ramiaramanana.

Stavanger : Tasta Academic Press, 2019.

ISBN : 978-82-691289-1-8.

Printed in Madagascar by Trano Printy Fiangoana Loterana Malagasy,
Antananarivo.

Distribution in Madagascar : Trano Printy Fiangoana Loterana Malagasy,
Antananarivo, impluth@yahoo.fr

Distribution outside Madagascar : Tasta Academic Press, Stavanger,
tasta.academic.press@gmail.com

Fanoroam-pejy

Sasin-teny	5
Toko voalohany :	
Fitarihanteny : Misy azo resahina momba ny misiolojia ve ao amin'ny Testamenta Taloha?	7
Toko faharoa :	
Ny teksta sy ny fotokevity ny Testamenta Taloha izay anorenana ny teolojian'ny asa misiona faobe	17
Toko fahatelo :	
Ny tekstan'ny Testamenta Taloha sy ireo fotokevitra momba ny teolojian'ny fifindramonina	43
Toko fahefatra :	
Ny teksta sy fotokevity ny Testamenta Taloha momba ny teolojian'ny fivavahana	66
Toko fahadimy :	
Ny teksta sy fotokevitra ao amin'ny Testamenta Taloha momba ny teolojia an'i Afrika	80
Toko fahenina :	
Mizara traikefa ara-kolontsaina amin'ny Isiraely fahizay	101
Toko fahafito :	
Mizara Soratra Masina sy tradisiona ara-pivavahana amin'ny fivavahana Silamo	114
Toko fahavalo :	
Famaranana : Manan-kambara momba ny Misiolojia ny fandinihana ny Testamenta Taloha	127
Loharanom-boky	145

Sasin-teny

Ny lohatenin'ity boky ity hoe "Nanokatra ny sain'ireo Izy" dia nalaina avy amin'ny Lioka 24 : 45, izay anatin'ny tantara maneho an'i Jesosy ho fahatanterahana sy ivon'ny Soratra Masina Hebreo, ny Testamenta Taloha amin'ny Baiboly Kristiana. Rehefa mitohy ny tantara ao amin'ny misiona faoben'ny Fiagonana, izay milaza fa "hotorina amin'ny anarany any amin'ny firenena rehetra ny fibebahana sy famelan-keloka" (and. 47), dia mbola manan-kery hatrany ny fotokevitra maha-fahatanterahana sy ivon'ny Testamenta Taloha an'i Jesosy. Azo lazaina izany fa ny misiona faoben'ny Fiagonana – amin'ny anaran'i Jesosy – dia tsy hafa fa vokatry ny fomba nihaonan' Andriamanitra tamin'ny olona sy ny vahoaka ao amin'ny Testamenta Taloha.

Ny fikendren'ny boky dia ny haneho ny fomba ahazoan'ny Testamenta Taloha mandray anjara amin'ny famisavisana aramisiolojia sy atrik'asa misionera Kristiana ankehitriny. Araka ny hevitro, ny taranja teolojika rehetra dia tokony hahitana lafiny aramisiolojia avokoa; koa ity boky ity dia mikendry haneho fomba famakiana ny Testamenta Taloha ara-pomba teolojika mahomby avy amin'ny fijery aramisiolojia. Ny pastora sy ny mpianatra teolojia any Madagasikara no ao an-tsaina amin'ny fanoratana ny boky. Amin'ny maha-mpampianatra mpamangy ahy ao amin'ny SALT (Sekoly Ambony Loterana momba ny Teolojia), Fianarantsoa, dia afaka nihaona tamin'ny sasany tamin'izy ireo aho tanatin'izay ampolontaonany lasa izay. Vao avy nametraka ny foibem-pianarana momba ny Misiolojia ny SALT, koa dia neverina fa izao boky mikasika ny Misiolojia mifandray amin'ny Testamenta Taloha sy ny taranja akademikan'ny fandalinana Testamenta Taloha izao dia ho fandraisana anjara amin'io ainga vaon'ny taranja fanalahidin'ny teolojia io.

Ity boky ity dia atolotro ho fahatsiarovana ny reniko Ingrid Holter (1935-2016), iray amin'ireo vehivavy Norveziana an'aliny, izay anisan'ny nanorina tamin'ny androm-piaianany ny asa fanompoana iray tamin'ireo an'arivony teo anivon'ny sehatr'asa misiona an-toeran'ny NMS (Misiona Norveziana). Nandritra ny fivoriana tao an-trano momba izany asa misiona izany, fony aho mbola ankizy, no nanombohako nahafantatra ny amin'i Madagasikara mbamin'ny Malagasy rahalahy sy anabavy ao amin'i Kristy.

Knut Holter

Toko Voalohany

Fitarihanteny : Misy azo resahina momba ny misiolojia ve ao amin'ny Testamenta Taloha ?

Ny mombamomba ny Isiraely trrainy no fototry ny bokin'ny Testamenta Taloha, izay mifantoka indrindra amin'ny fifandraisany'ny Isiraely sy Yahweh Andriamaniny. Andanin' izany koa anefa dia mivelatra ivelan'ny Isiraely trrainy ny tontolon'ny Testamenta Taloha. Asehony mazava fa amin'ny lafiny sasany dia mifandray amin'ny olona sy firenena hafa ihany koa Isiraely sy Yahweh.

Ny fanontaniana mipetraka manoloana an'izany dia moa ve ny teksta sy ny foiben-kevitry ny Testamenta Taloha – mbamin'ny fifantohany manokana amin'ny Israely trrainy – afaka mandray anjara amin'ny fandinihana teolojikan'ny Fiagonana ankehitriny, ary indrindra ny amin'ny fahazoana ny faoben'ny ministerany. Ekena fa tsy ananan'ny Testamenta Taloha ny Didy Lehibe momba ny asa misiona ao amin'ny Testamenta Vaovao, toy ny ao amin'ny Matio 28 : 18-20. Tsy hita soritra ao koa izay mba asa misiona “faoben”ny Isiraely tamin'ny olona sy firenena hafa. Araka izany dia toa azo heverina avy hatrany ho tsy hahitam-bokatra loatra ny fikarohana mikasika izay misiolojian'ny Testamenta Taloha. Na izany aza anefa dia hasehon'ity boky ity fa mana-kambara tokoa momba ny fandinihana misiolojika Kristiana ankehitriny sy ny pratikan'ny asa misiona ny Testamenta Taloha.

Antony telo ihany no aoka hasongadiko eto amin'ity dingana voalohany ity. Voalohany, mana-kambara momba ny misiolojia ny Testamenta Taloha noho izy anisan'ny Baiboly Kristiana. Noheverin'ny Fiagonana mandrakariva ho sarotra ny Testamenta Taloha. Na izany aza anefa dia tsy nanaraka ny nataon'i Marcion tamin'ny taonjato faha-2 AD izy, izay nandà ny Testamenta Taloha manontolo. Na teo aza ireo olana

marolafin'ny Testamenta Taloha dia voatana ho anisan'ny Baiboly Kristiana izy sady nitana anjara toerana fototra hatrany tamin'ny teolojia Kristiana sy ny litorjia ary ny fotoampivavahana. Noho izany dia tokony havela handray anjara ihany koa ny Testamenta Taloha amin'ny fandinihana ara-teolojia momba ny antso faoben'ny Fiagonana. Faharoa, manan-kambara momba ny fandinihana misiolojika Kristiana sy ny pratikan'ny asa misiona ny Testamenta Taloha satria fantatra ao amin'ny Testamenta Vaovao fa fahatanterahan'ny venti-kevitra sasan'ny Testamenta Taloha ny asa misiona faoben'ny Fiagonana. Ao amin'ny asa-soratr'i Lioka, ohatra ny Asa. 13 : 46-47, dia tanisain'i Paoly ny Isaia 49 : 6 hanamarinany ny fanampahankeviny “hitodika amin’ny jentilisa”.

Ankoatr'izany, ao amin'ny faran'ny Filazantsara araka an'i Lioka, Jesosy dia mametraka ny tenany ao an'ivon'ny Testamenta Taloha ka milaza hoe “tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin'ny lalàn'i Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo (Lio 24 : 44)”. Ary dia mitohy ny teksta hoe : “Dia nosokafany ny sain'ireo hahalala ny Soratra Masina” – momba an'i Jesosy – “... ary mba hotorina amin'ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin'ny firenena rehetra” (and. 45-47). Fahatelo, manan-kambara momba ny fandinihana misiolojika Kristiana sy ny pratikan'ny asa misiona ny Testamenta Taloha satria ireo teksta maro ao aminy sy ny karazany avy – toy ny fitantarana sy ireo tekstan-dalàna, ireo hira fiderana sy fitarainana, ary ny maro hafa – dia samy efa naneho fa afaka miteny mivantana amin'ny fo sy fiainan'ny olona maro avy amin'ny tontolo samihafa. Ny Testamenta Taloha, araka izany, dia manana anjara asa fototra amin'ny fampiorenana sy fandikana ny kristianisma amin'ny konteksta ara-kolotsaina sy ara-sosiolojia vaovao.

Tsy mahagaga noho izany, raha toa ka mitana anjara asa betsaka sy lehibe amin'ny fandinihana misiolojika sy ny pratika misionaly teo anivon'ny fiagonana nandritra izay roa arivo taona nisiany izay ireo

teksta sy ny hevitra fonosin'ny Testamenta Taloha. Ny fanadihadiana antsipirany ara-tantara mahakasika izany anjara asan'ny Testamenta Taloha izany dia tsy ho voafintina sy voalaza ato anatin'ity boky ity daholo. Na izany aza anefa, dia tsara hambara fa ny Didy Lehibe, toy izay hita ao amin'ny Matio 28 : 18-20, dia tsy nipetraka foana ho ilay hany teksta fanalahidy mazava hanamarinana sy hanorenana ny asa misiona araka ny mety hiheverantsika azy ankehitriny. Hilaza ohatra iray isika; ny Otodoktsia Protestanta tamin'ny taonjato faha fito ambinifolo dia nilaza fa ny Didy Lehibe dia nomena ireo Apostoly ihany, ary ny Apostoly no nanatanteraka izany sy nitory ny Filazantsara tamin'ny tany rehetra (cf. Romana 10 : 18). Ny Pietisma – nanomboka tamin'ny faraparan'ny taonjato faha fito ambinifolo – dia naneho fisokafana tsaratsara kokoa momba ny fahazoana ny maha zava-dehibe mitohy ny Didy Lehibe. Eny fa na dia tamin'ny faraparan'ny taonjato faha valo ambinifolo, izay fotoana nanombohan'ny hetsiky ny asa misiona Protestanta (Protestant mission movement) moderna (nifantoka tamin'ny “société des missions”) niaraka tamin'i William Carey, dia mbola niadian-kevitra foana ny anjara asan'ny Didy Lehibe. Tamin'izany i Carey mihitsy no nandray ny teksta faminaniana avy amin'ny Testamenta Taloha (ohatra, Isaia 54 : 2-3, Zakaria 12 : 10) hoentiny manazava sy manohana ny tsy maintsy hitorian'ny Kristiana “ankehiriny” ny Filazantsara hatrany amin'ny faran'ny tany.

Noho izany, ara-tradisiona, ny fifandraisan'ny Testamenta Taloha sy ny asa misionan'ny fiangonana maneran-tany dia lasa nahazo toerana tao amin'ireo boky sy fitarihanteny akademika momba ny taranja misiolojia. Ambara mazana fa i Gustav Warneck (Alemaina) no mpanorina ny misiolojia Protestanta moderna. Tamin'ny faraparan'ny taonjato faha sivy ambinifolo sy ny voalohandohan'ny tanonjato faha roapolo, ao amin'ny fikarohana nataony mahakasika ny fototra sy izay hevity ny asa misiona manerantany ataon'ny fiangonana, no

anasongadinany manokana ilay ambarany hoe “fotora” avy amin’ny Testamenta taloha. Mba handrindrana ara-sytematika ny teksta sy ireo fotokevitra ao amin’ny Testamenta Taloha, dia navoitran’i Warneck ny momba ny “universalism” (Andriamanitra dia mifandray amin’ny firenena rehetra) sy ny “particularism” (Isiraely ihany no ifandraisan’ Andriamanitra manokana); ary asehony amin’izany, fa amin’izy roa ireo, dia ny fijery “universalistic” no trrainay indrindra sy fotora ao amin’ny Testamenta Taloha. Ny fijery “particularistic” izay maneho fa nify an’Isiraely manokana mba ho azy Andriamanitra na dia eo aza ireo firenena hafa, dia manana hevitra pedagojika ihany fa tsy teologika velively. Amin’i Warneck, ny tanjon’Andriamanitra, amin’ny lafiny rehetra, dia ny hametraka ny firenena rehetra eo ambany fitahiany (Warneck 1892 : 136-139).

Izany fomba fiasan’i Warneck izay mandrindra ny hevity ny tekstan’ny Testamenta Taloha izany dia hita taratra ao amin’ireo boky momba ny misiolojia nivoaka taty aoriana nandritra ny taonjato faha roapolo. Tsapa koa fa ampolo taona vitsivitsy lasa izay, ny Testamenta Taloha dia nomena anjara asa samihafa. Ohatra, ny bokin’i Johannes Verkuyl (Holandy) *Contemporary Missiology : An Introduction* (1978) no boky be mpampiasa indrindra tamin’ny taona 1980 sy 1990. I Verkuyl dia mampiasa ny fotokevitra maromaro avy amin’ny Testamenta Taloha hanorenany ara-teolojia ny asa misiona Kristiana maneran-tany. Omeny sehatra goavana amin’izany ny fijery “universalistic”; ary izy aza dia mirona bebe kokoa amin’ny fahitana fa misy fiantsoana mazava hanao asa misiona ao amin’ny Testamenta Taloha (Verkuyl 1978 : 90-100). Ny ohatra manaraka dia i David J. Bosch (Afrika Atsimo); ny *Transforming Mission : Paradigm Shifts in Theology of Mission* (1991) izay nosoratany no boky momba ny misiolojia naharesy lahatra indrindra teo amin’ny sehatra iraisam-pirenena nandritra ny roapolo taona lasa. Raha ampitahaina amin’ny

Warneck sy Verkuyl, i Bosch dia tena nanalefaka ny anjara asan'ny Testamenta Taloha; na izany aza anefa dia nanaiky izy fa misy fomba fi Jerry “universalistic” ao amin’ny Testamenta Taloha, ary izany dia manana anjara asa koa amin’ny fandinihana misiolojika ankehitriny (Bosch 1991 : 16-20).

Tsy ny mpahay misiolojia ihany no nandinika momba ny fifandraisian’ny Testamenta Taloha sy ny asa misiona maneran-tany ataon’ny fiangonana. Nandray anjara tamin’izany koa ny mpikaroka amin’ny taranja biblika. Antsasaka taonjato lasa izay, i Robert Martin-Archard (Frantsa) dia namoaka ny *A Light to the Nations: A Study of the Old Testament Conception of Israel’s Mission to the World* (1962), izay namakafakany araka ny fomba fi Jerry “ara-tantara-kritika” ny teksta fanalahidy sasantsasany avy amin’ny Testamenta Taloha mahakasika ny “universalism”. Roapolo taona taty aoriana, i Donald Senior sy Carol Stuhlmueller (Etazonia) dia namoaka ny *The Biblical Foundations for Mission* (1983). Ao no iresahan’i Stuhlmueller – izay niandraikitra ny ampahany mahakasika ny Testamenta Taloha ao amin’ny boky – momba ny traikefa ara-tantara ny amin’ny nahafantaran’Israely fahizay fa manana anjara hanao asa misiona amin’ny mponina sy firenena hafa izy ireo.

Vao tsy ela akory izay, i Walther C. Kaiser (Etazonia) ao amin’ny *Mission in the Old Testament : Israel as a Light to the Nations* (2000) no maneho fomba fiasa evanjelika, izay aompany bebe kokoa amin’ny fi Jerry “universalistic” araka ny Testamenta Taloha. Milaza izy fa ny Tekstan’ny Testamenta Taloha dia maneho mazava ny fanirahana hanao asa misiona. Ny ohatra fahatelo dia i Howard Peskett (Angleterea) sy Vinoth Ramachandra (Sri Lanka) ao amin’ny *The Message of Mission : The Glory of Christ in All Time and Space* (2003), izay anoloran’izy ireo fanadihadiana mivelatra be momba ny fototra biblikan’ny asa misiona. Ireo fotokevitra ao amin’ny Testamenta

Taloha eto dia mitana anjara asa lehibe toy ny famoronana ny olona araka ny endrik'Andriamanitra, sy ny fifidianana an'Isiraely hanao asa fanompoana manoloana ireo firenena hafa.

Angamba koa ny toetra manan-danja indrindra mampiavaka ny misiolojia sy ny fandinihana ara-baiboly amin'izao vanin'andrantsika izao dia ny tsy maha avy amin'ny ezaka nataon'ny Tandrefana madiodio ireo taranja akademika ireo. Ireo firenena avy amin'ny faritra hafa izay mpandray fotsiny ny misionery sy ny teolojia Tandrefana teo aloha, dia lasa mpamokatra misionery maro sy teolojia ary fandikana ny hevitry ny Baibiboly (biblical interpretation) koa ankehitriny. Mandray anjara amin'ny fandinihana ataon'izy ireo momba ny fototra sy ny hevitry ny misiolojia ireo resaka mahakasika ny tontolo manodidina ny Testamenta Taloha. Avy any Azia ohatra no nipoiran'ny asa-soratr'i Jakob Kavunkal sy F. Krangkhuma (India) *Bible and Mission in India Today* (1993), fiaraha-miasa iray, izay anehoan'i Thomas Emprayil ny fomba anehoan'ny Testamenta Taloha ny fiheverany momba an' Andriamanitra amin'ny alalan'ireo fomba fijery sy hevitra notovozina tamin'ny kolontsaina andavan'andro sy ny fivavahana (Emprayil 1993). I Prasad Pinto kosa dia manindry ny amin'ny fomba ahafahana mampiasa ny hevitra voizin'ny Testamenta Taloha mahakasika ny fifidianana an'Isiraely ho toy ny modely amin'ny fomba ifandraisan' Andriamanitra amin'ny firenena rehetra (Pinto 1993). Avy any Afrika indray no nahitana tao amin'ny asa-soratr'ilay avara-pianarana filozofa sady teolojiana Kenyana Jesse N.K. Mugambi, izay manamafy, ao amin'ny *The Biblical Basis for Evangelization : Theological Reflections Based on an African Experience* (1989), fa ny fivavahana Kristiana dia ara-tSoratra Masina, ary mampisongadina ihany koa amin'ny toerana hafa (toy ny ao amin'ny Mugambi 2001) fa misy fifandraisany akaiky ny traikefam-piainana sy ara-pivavahana teo amin'ny Afrikana sy ny Testamenta Taloha.

Ny fanehoan-kevitra vao haingana indrindra – ary mety ho azo lazaina fa feno indrindra mahakasika ny fandinihana momba ny asa misiona sy ny Testamenta Taloha izay azo ampiasaina ankehitriny – dia ny an'i James C. Okoye's (Nijeria, Etazonia ankehitriny) *Israel and the Nations : A Mission Theology of the Old Testament* (2006). I Okoye dia tsy mampiasa ny teksta avy amin'ny Testamenta Taloha tahaka ny biriky atambatambatra sy ho toy ny tao-trano feno ara-teolojia systematika, fa manao kosa famelabelarana momban'ny teksta fanalahidy maromaro; indrindra fa ireo izay mamofompofona “universalism”. Na izany aza anefa dia sarotra ihany ny hiala amin'ny sehatra ara-teolojika; ny famelabelarana ny teksta dia manomboka amin'ny famoronana (Genesisy 1, Salamo 8), ary mitohy amin'ny fitahian'Andriamanitra (Genesisy 12, Eksodosy 19), avy eo amin'ny fanoherana faminaniana (Amosa, Jona) sy ny fanompoam-pivavahana tao Ziona (Salamo, Isaia 2), ary mifarana amin'ny faneke na mahafaoka ny maro (inclusive covenant) (Isaia 19) sy ny “fahazavana ho an'ny firenena rehetra” (Isaia 40-66).

Fehiny, ny tekstan'ny Testamenta Taloha sy ireo hevitra fonosiny dia tena manan-kambara sy mitana anjara asa maro amin'ireo lahateny momba ny misiolojia ankehitriny. Hiresaka momba izany anjara asa izany ity boky ity, ary koa hanandrana hanazava ny fomba ahafahan'ny teksta sy ny fotokevity ny Testamenta Taloha mandray anjara amin'ny fandinihana misiolojika sy ny pratika misionaly Kristiana.

Ahitana fizarana roa lehibe ity boky ity, izay miezaka mampifanatona ny fifandraisan'ny “asa misiona” sy ny “Testamenta Taloha” amin'ny alàlan'ny fomba fijery roa samy hafa. Ny fizarana voalohany dia hifantoka amin'ny fandinihana ny teksta, izany hoe hanokatra sehatra ahafahan'ny tekstan'ny Testamenta Taloha sy ny fotokeviny miteraka sy mandray akony amin'ny resaka sasantsasany

mahakasika ny misiolojia amin'izao andrantsika izao. Voalohany, ny toko faharoa dia miresaka momba ireo azo heverina ho lasitra fototra avy ao amin'ny Testamenta Taloha mahakasika ny fifandraisan' Andriamanitra amin'ny olona. Inona no hevit'Andriamanitra mahakasika ireo firenena sy foko marobe ireo, ahoana no fomba itsinjarany ny fitahiany amin'izy ireo, ary hatraiza ny andraikitr'izy ireo manoloana an'Andriamanitra? Dinihina ao ireo lafin-javatra lehibe ao amin'ny Testamenta Taloha izay maneho ny fifandraisan'Isiraely sy ny firenena hafa, ary ambara fa ireo lafin-javatra ireo no maneho ny fototra ara-tSoratra Masina momba ny fiheveran'ny Testamenta Vaovao ny asa misiona maneran-tany. Aorian'izany, ny toko fahatelo dia miresaka momba ny lohahevitra misiolojika iray izay tsy nitsahatra nahasarika olona nandritra ny folo taona farany, dia ny fifindra-monina (migration) izany. Azo antoka fa tsy zava-baovao ny fifindra-monina na dia tsapa aza fa ny fanatontoloana, amin'ny endriny ankehitriny, no tena nampirongatra ny fifindra-monina isambatan'olona na ao anatin'ny vondron'olona. Manoloana izany, ny mpahay misioljia dia mahatsapa fa ny fifindra-monina no efa sy mbola antony lehibe iray nahatonga ny fiparitahan'ny fivavahana Kristiana. Noho izany, ny toko fahatelo dia miresaka momba ireo tekstan'ny Testamenta Taloha sy ireo fotokeviny – miampy ireo fahazoana ny fomba niainana azy – izay afaka mandray anjara amin'ny fanorenana ny teolojia Kristiana momba ny fifindra-monina. Manarak'izany, ny toko fahefatra dia miresaka momba ny olana lehibe iray mahakasika ny misiolojia ankehitriny; izany hoe ahoana no ahafahana mahazo (understand) ny finoan'ny fivavahana hafa. Io lafiny iray io dia manandanja tokoa eo amin'ny sehatry ny misiolojia saingy isan'ny manahirana indrindra koa teo amin'ny adihevitra misiolojika nandritra ny taonjato faha roapolo; ary tsy azo heverina ho tsy toa izany intsony ny amin'ity taonjato faha iraka ambiniroapolo ity. Ny Testamenta Taloha dia maneho konteksta ara-

pivavahana maroloko, ary Isiraely fahizay dia tsy nitsahatra ny niatrika olana momba ny fomba fifandraisany amin'ireo firenena manodidina azy mahakasika ny fomba fijery sy ny pratika niainan'izy ireo teo amin'ny lafiny ara-pivavahana. Eo ampieritreretana izany, ny toko fahefatra dia miresaka momba izay ahafahan'ny teksta sy fotokevitry ny Testamenta Taloha mandray anjara amin'ny teolojia Kristiana momba ny fivavahana. Farany, ny toko fahadimy dia maneho izay ambaran'ny Testamenta Taloha momba an'i Afrika sy ny Afrikana. Ny firesahana ny maha izy azy ny Kristiana araka ny fomba fijery Afrikana dia haika (na fanamby) lehibe ho an'i Afrika taorian'ny fanjanantan-tany, ary ny Baiboly – indrindra ny Testamenta Taloha – dia nandray anjara lehibe tamin'ny firesahana io lafiny io. Noho izany, ny toko fahadimy dia maneho ny lafiny izay heverina fa mahakasika ny Afrikana ao amin'ny Baiboly; izany no fandraisana anjara amin'ny adihevitra mahakasika ny toetra manokana ananan'ny teolojia sy misiolojia Afrikana.

Manarak'izany, ny fizarana faharoa dia misarika ny maso hiala amin'ny fifantohana amin'ny teksta, fa mamela kosa ny fandinihan'ny mpamaky ny konteksta handray anjara azo tsapain-tanana kokoa. Voalohany indrindra, ny toko fahenina dia maneho fa araka ny fandinihana, ny fiarahamonina nentindrazana Afrikana – isan'izany Madagasikara – dia misy lafiny ara-kolontsaina maro itovizany amin'ny an'Isiraely fahizay, araka ny anehoana azy ao amin'ny Testamenta Taloha. Tena mahakasika olana misiolojika lehibe izany, dia ny fametrahana ara-konteksta ny hafatra Kristiana, mba tsy hanaovana dika mitovy fotsiny ny finoana sy ny fomba fivavahana Tandrefana; fa kosa hanekena fomba afaka mamaka sy maka tsiro amin'ny tany lonaka Afrikana – sy Malagasy – amin'ny lafiny rehetra. Aorian'izany, ny toko fahafito, dia miresaka momba ny toe-javatra iainan'ny Kristiana maro ankehitriny, indrindra fa ireo izay monina mifanila – amin'ny lafiny ara-

jeografia sy ara-sosiolojia – amin’ireo mpanaraka fivavahana arat Soratra Masina hafa, dia ny Silamo izany.

Ny fifandraisana ara-tantara eo amin’ny Kristiana sy ny Mozolmana – indrindra noho ny firesahan’ny Korana betsaka momba ny Testamenta Taloha – dia manokatra adihevitra lehibe momba ny misiolojia amin’ny sehatra maro eo amin’ny fiainana sy ny finoana. Farany, ny toko fahavaloxosa dia manome valim-panontaniana momba ny fitarihanteny : Eny, manan-kambara betsaka momba ny misiolojia ny Testamenta Taloha. Tamin’ny alalan’ny resaka mahakasika ny fomba telo nandikan’ny Afrikana ny “fahantrana” ao amin’ny Testamenta Taloha no ahafahana milaza fa ny taranja akademika izay ianarana ny Testamenta Taloha dia tsy tokony hohevrina intsony ho mpanolotra akora ho an’ny taranja toy ny misiolojia, fa tena manana izay hambarany momba ny haika (na fanamby) atrehan’ny fiangonana sy ny firahamonina ankehitriny.

Fehiny, ity boky ity dia natao ho fitarihanteny ihany. Na izany aza anefa dia irina izy ho boky hanovozan’ny mpianatra teolojia sy pastora hevitra mahasoa momba ny fandraisany Testamenta Taloha anjara amin’ny fandinihana sy pratika misiolojika ankehitriny. Entanina ary ny mpamaky handinika sy hitsikera ny toko tsirairay sady hamantatra hoe hatraiza amin’ny kontesta manokan’ny fiainany no mety hovoakasik’ ireo zavatra resahin’ity boky ity.

Toko Faharoa

Ny teksta sy ny fotokevitry ny Testamenta Taloha izay anorenana ny teolojian'ny asa misiona faobe

Nambarantsika tao amin'ny toko teo aloha fa ny Testamenta Taloha dia tsy manana teksta mirazotra amin'ny Didy Lehibe malaza, araka ny hita ao amin'ny Testamenta Vaovao – toy ny Matio 28 : 18-20 – izay miresaka momba ny asa misiona maneran-tany. Noresahintsika tao koa fa tsy ahitana soritra ny fahatsapan'Isiraely momba ny asa misiona sy ny adidiny mahakasika izany amin'ny olona sy firenena hafa ao amin'ny Testamenta Taloha. Na izany aza, ireo bokim-pampianarana momba ny misiolojia ho an'ny olona miaina amin'izao androntsika izao – araka ny nosoratan'i Warneck taonjato iray lasa izay – dia mahatsapa fa ilaina ny manoritsoritra ny “tontolo manodidina” sy ny “fotora” eo amin'ny tontolon'ny asa misiona Kristiana maneran-tany, izay tsy avy aiza akory fa notovozina tamin'ny alalan'ny famakiana ny Testamenta Taloha.

Fomba maro no mety hanaovana ny fandinhana ireo teksta momba ny “fotora” ireo; eny na dia betsaka aza ireo mpahay misiolojia no manorina ny fandinhany amin'ireo sokajy roa nambaran'i Warneck, dia ny “particularism” sy ny “univesalism”. Ireo sokajy roa ireo dia mbola hampiasaina ihany amin'ity toko ity, araka izao famaritana izao : ny teny hoe “particularism” dia nampiasaina hanehoana ny fomba fijery mahakasika ny Testamenta Taloha izay milaza fa ny Andriamanitr' Isiraely – Yahweh – na dia teo aza ny olona sy firenena hafa, dia nifidy an'Isiraely banana fifandraisana manokana aminy; rahatoa ka ny teny hoe “universalism” kosa dia nampiasaina hanehoana ny fomba fijery mahakasika ny Testamenta Taloha izay mialaza fa Yahweh, na dia eo aza izany voalaza izany, dia Andriamaniry ny olona sy ny firenena hafa

ivelan'Isiraely koa. Ireo takila manaraka, noho izany, dia miezaka hamantatra ireo lafin-javatra misongadina ao amin'ny Testamenta Taloha ka maneho ny fetra ahatakanan'Isiraely ny fifandraisany amin'ny olona sy ny firenena hafa. Ireo teksta ireo dia hozaraina araka ny fizarana telo mahazatra ao amin'ny Testamenta Taloha : ny Lalàna, ny Mpaminany, ary ny Soratra.

Ny Lalàna

Ny Lalàna – na ny Pentatioka, izany hoe ireo boky dimy voalohany araka ny hilazana azy manaraka eto – dia ny ampahany amin'ny Testamenta Taloha izay nekena ho kanona voalohan'ny Soratra Masina. Ankehitriny, ny ahafantarana ny Pentatioka dia ny maha asa-soratra voaprinty sy voatonta azy ka mitahiry ireo tradisiona teolojika isankarazany tamin'ny vanim-potoana rehetra teo amin'ny tantaran' Isiraely fahiny. Ireo mpandinika ny Testamenta Taloha dia nanao ny ainy tsy ho zavatra hamantarana ireo tradisiona na ireo loharano nipoiran'ireo teksta ananantsika ankehitriny. Na izany aza, dia tsy azo lazaina fa azo antoka tanteraka ny vokatr'ireo fikarohana natao, na eo amin'ny lafiny mahakasika ny fomba nanatanerahana azy na teo amin'ny lafiny fomba nampiharana ara-pratika azy. Tsy ho afaka hiditra antsipirany mahakasika izany resaka izany anefa isika ato amin'ity toko ity. Na eo aza anefa izany, dia ilaina ihany ny mahafantatra fa ireo tekstan'ny Testamenta Taloha dia avy amin'ny tontolo sy fotoana samihafa. Indrindra rehefa tonga amin'ny resaka mahakasika ny fahatakanan'Isiraely ny fomba tokony hifandraisany amin'ny firenana hafa, dia tena ilaina tokoa ny ahafantarana izany. Tsapa, teo amin'ny fifandraisany Isiraely ara-politika tamin'ny olona sy firenena hafa, ny fisian'ny fiovaovana nandritra ny tantaran'Isiraely; ary tsy tokony hahagaga raha toa, tamin'ny lafiny sasany, ka tsapa tamin'ny fahazoana ara-teolojikan'ny zava-nisy tamin'ny vanim-potoana samihafa izany.

Ny fanazavana tsara iaingana, raha toa isika te hamantatra ny fomba anehoan'ny Pentatioka ny fomba nahazoan'Isiraely ny fifandraisany tamin'ny olona sy ny firenena hafa, dia ny fampitahana ireo fizarana roa lehibe ao amin'ny Genesisy, dia ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao (Genesisy 1-11) sy ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka (Genesisy 12-50). Ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo izao no maneho fa Andriamanitra no Mpahary ny razan'olombelona tokana sy ny olona ary ny firenena rehetra. Tsapa anefa fa ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao dia miala tsikelikely amin'ny fanindriana ny fananan'ny rehetra razana iombonan'ny mankany amin'ny fansongadinana firenena iray, dia i Abrahama sy ny taranany. Noho izay, dia andeha hojerentsika akaiky ireo fitantarana roa ireo sy ny fomba fijery mampiavaka azy tsirairay.

Ireo toko roa voalohany ao amin'ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao dia mifantoka tanteraka amin'ny fahariana, ary ireo toko roa ireo no maneho fa ny fahariana ny olombelona no asa lehibe indrindra. Ao amin'ny Genesisy 1, ny fahariana ny olombelona no aseho ho asa farany nataon'Andriamanitra tamin'ny fahariana; ny andininy 26-28 dia mampivoitra ny toerana manokana ananan'ny olombelona, araka ny anambarany azy hoe nohariana araka ny endrik' Andriamanitra sy nomena fahefana hanjaka amin'ny zavaboahary rehetra amin'ny anaran'Andriamanitra. Ao amin'ny Genesisy 2 indray kosa, dia ny nahariana ny olombelona no voaresaka voalohany; eto ny toerana manokana ananan'ny olombelona dia aseho amin'ny fananany fifandraisana amin'ny zavaboahary hafa rehetra (and. 8), ary voamarika mazava fa nanaovana vady sahaza azy izy (and. 21-24), nodidiana hiasa sy hitandrina ny saha izy (and. 15), ary nanome anarana ireo biby rehetra (and. 19 sy 20).

Noho izany, ireo olombelona roa nohariana voalohany, araka ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao, dia noharina ho razan'ny olombelona rehetra. Ireo fitanisana ny zava-nisy ao amin'ny Genesisy 5, 10, ary 11 no entina hanehoana manokana izany. Ny fotokevity ny

Genesisy 1 : 26-28 izay milaza fa nohariana araka ny endrik' Andriamanitra ny olona dia naverina indray ao amin'ny 5 : 1-2 ho toy ny fototra iaingana amin'ny fanehoana ny olombelona manomboka amin'i Adama hatramin'i Noa (5 : 3-32). Ny fahariana araka ny endrik' Andriamanitra dia tsy tombontsoa ho an'ny olombelona voahary voalohany irery ihany, fa lovain'ny taranaka mandimby koa. Noho izany, ny Fitanisana ny Firenena rehetra ao amin'ny Genesisy 10 dia mbola mivoy izany hevitra izany amin'ny alalan'ny fanehoana ankapobeny ireo firenena rehetra eto ambonin'ny tany – araka ny fahafataran'ny Israelita fahizay azy – ary izy ireo dia ambara fa taranak'ireo zanak'i Noa telo mirahalahy, 10 : 31-32. Farany, ny Genesisy 11 : 10-26 dia mbola maneho izany hevitra izany amin'ny alalan'ny fanehoana ankapobeny ny taranak'i Noa, izany hoe ny an'i Sema, hatramin'i Abrahama, izay tonga razan'Isiraely. Rehefa mamaky ny Genesisy 5, 10 ary 11 miaraka isika, dia hita mazava fa ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao dia mampifamatotra ireo olona roa noharina voalohany amin'ny olombelona rehetra ho iray. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ireo toko irakambinifolo voalohany ao amin'ny Baiboly dia mitahiry hafatra lehibe mahakasika ny fifandraisian'Isiraely sy ny firenena hafa. Asehon'ireo toko ireo fa hatramin'ny fahariana, Isiraely dia tsy hafa noho ny firenena rehetra. Isiraely dia tsy inona akory fa iray amin'ireo firenena maro izay noharin'Andriamanitra.

Izany fahatsapan'ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao momba ny maha voaharin' Andriamanitra ny firenena rehetra izany dia mirazotra amin'ny fahatsapany fa ny firenena rehetra dia samy nandray anjara tamin'ny fihodinana taminy avokoa. Izany fihodinana izany dia nanomboka tamin'ireo razan'olombelona iombonana. Ny Genesisy toko 3 dia miresaka ny amin'ny fahotan'i Adama sy Eva sy ny famaizan'Andriamanitra azy ireo naterak'izany, izany hoe ny fandroahana azy hiala tao Edena. Izany fitantarana izany dia natao hanehoana ny fototry ny fahotana mahazatra sy ny ohatry ny famaizana

amin'ny alalan'ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao. Ny toko 4 dia mitantara ny namonoan'i Kaina an'i Abela rahalahiny, ka ny fomba namaizan'Andriamanitra azy tamin'izany dia ny maha mpanjenjena sy mpirenireny eto an-tany azy (4 : 12). Ny toko 6 dia mahasahana ny fomba fijery rehetra momba ny olombelona. Lasazaha vahana tamin'ny fiainan'olombelona ny haratsian-toetra ka nanapakevitra ny handringana azy Andriamanitra; i Noa sy ny fianakaviany ihany no afaka tamin'izany fandringanana izany. Taorian'ny safodrano, dia niely manerana ny tany rehetra ny taranak'i Noa (Genesisy 10), nefy mbola nikomy tamin'Andriamanitra ihany ny firenena rehetra – tao Babela – ka nahatonga ny famaizana tamin'ny fifangaroan'ny fiteny (11 : 1-9).

Aorian'izany, rehefa niala tamin'ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao, dia miditra amin'ny Fitantarana ny Fianan'ny Patriarka (Genesisy 12-50), izay ahitana mazava tsara ny fiovan'ny fomba fijery. Tsy miompana intsony amin'ny fitantarana araka ny maha iray ny olombelona rehetra eto an-tany, fa mifantoka amin'ny tantaran'olon- tokana, dia i Abraham sy ny firenena taranany izay antsoina hoe Isiraely aty aoriana. Andriamanitra dia niantso an'i Abraham ho any Kanana (Genesisy 12), ary amin'ny alalan'ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka no ahitantsika ny fomba nahatonga an'i Abraham sy ny fianakaviany hifamatotra tsikelikely tamin'io firenena io. Fitohitohizan'ny tantaram-pianakavina iray no mandrafitra ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka, ary amin'ny faraparan'ny fitantarana vao aseho fa ny taranak'i Abraham dia voafaritra ho firenena iray (Genesisy 49). Na izany aza, ny sasany amin'izany tantaram-pianakaviana izany dia ahitana resaka momba ny fahazoan'Isiraely ny fifandraisany amin'ny firenena hafa. Manana ny toerany manokana ny tantara ao amin'ny toko 14 momba ny nanapahan'i Abraham hevitra hanolotra ny ampahafolon'ny harena azony, taorian'ny nambaboany ireo mpanjaka efatra, ka nitso-drano azy i Melkizedeka, Mpanjakan'i Salema (Genesisy 14 : 17-24). Izany

tantara izany dia maneho ny fifandraisana ara-politika sy arapivavahana nisy teo amin'i Abrahama sy ny Kananita sasany. Ny fahitana ny "Andriamanitra Avo Indrindra"-n'i Melkizedeka tao amin'i Yaweh-n'i Abrahama (14 : 22) dia manamafy izany fomba fijery izany koa.

Misy tantara hafa koa izay maneho ny patriarka – Abrahama, Isaka, ary Jakoba – sy ny ankohonany mifandray amin'ny sasany tamin'ireo firenena izay lasa mpifanolobodirindrina na fahavalon' Isiraely taty aoriana. Nifampikasokasoka tamin'i Farao i Abrahama tany Egypta (12 : 14-20), ary izy sy Isaka zanany dia samy nanao fanekena tamin'ilay Filistina antsoina hoe Abimeleka avokoa (21 : 22-34 sy 26 : 23-33). Ny tantaran'i Josefa (Genesisy 37-50), mahakasika ny naha ministra tao amin'ny governemantan'i Farao azy no nahatratrarana ny faratapony amin'izany fifandraisana ara-politika izany (41 : 37 snm). Ekena fa misy olana maro mahakasika izany tantara izany, ary mety novan'ny traikefa politikan'Isiraely taty aoriana ny fitantarana azy. Na izany aza, dia lehibe sy sarobidy tokoa izy ireo amin'ny maha loharano ahafahantsika mahazo ny fifandraisant'Isiraely sy ny firenena hafa azy. Ireo tantara ireo no maneho fa na dia ny teksta mitantara ny fahatsiarovan'Israely momba ny vanim-potoanan'ny Patriarka aza dia ahafahana mandinika ny fifandraisant'Isiraely amin'ny firenena hafa.

Ny vondrona teksta hafa, izay manan-kambara mahakasika ny fifandraisant'Israely amin'ny firenenana hafa, ao amin'ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka, dia ireo teksta izay mitantara ny fomba nanorenan'ny Patriarka ny fomba fivavahana amin'i Yahweh teo amin'ireo toerana fivavahan-drazan'ny Kananita toa an'i Sekema sy Betela. Ombieny ombieny isika dia mahita fa amin'ny fotoana ahatongavan'ny patriarka eo amin'ny iray amin'ireo "toerana" (masina) ireo no isehon'Yahweh sy anambarany tena aminy. Vokatr'izany, ny patriarka dia manorina alitara ho an'i Yahweh ary mivavaka aminy eo (12 : 6-8, 13 : 4), sy manangana tsangambato ary mivoady amin'i

Yhaweh (28 : 18-22). Lafiny maro no mampanan-danja ireo teksta ireo; nefo ho anay, dia manandanja manokana izy ireo satria misarika ny saina handinika ny fifandraisana nisy tamin'ny fivavahan'ny patriarka sy ny an'ny Kananita.

Hatreto, ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka no ahitana voalohany sy betsaka indrindra ireo tantara momba an'Isirael sy ny fihaviany. Izany dia mitantara ny fomba nifidianan'i Yahweh an'i Abrahama sy ny nanaovany fanekena taminy (Genesisy 15 sy 17), ny amin'ny teny fikasana hahatonga an'i Abrahama maro taranaka toy ny vovoka eny amin'ny tany (13 : 16) sy ho toy ny kitana eny an-danitra (15 : 5), ary momba ny ho fiainan'izany firenena izany ao Kanana (12 : 1, 13 : 15, 26 : 3, ary 28 : 13). Arak'izany, ny fifandraisian'Isirael sy ny firenena hafa dia tsy ho zavatra hafa ankoatra ny fanampin'ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka ihany. Ny fomba fijery momba ny "universalism" dia efa hatramin'ny andron'ny patriarka; na dia mibahan-toerana amin'ireo teksta ireo aza ny resaka "particularism". Ny fanontaniana mipetraka, noho izany, dia hoe ahoana no fomba ifampitohizan'ireo fizarana roa lehibe ao amin'ny Genesisy ireo; izany hoe ny Fitantarana ny Fiandohan'Izao Tontolo Izao (toko 1-11) sy ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka (toko 12-50)? Andeha isika hijery lafin-javatra roa izay afaka hanampy antsika hahazo izany fifampitohizana izany.

Voalohany, ao amin'ny faran'ny Fitantarana ny Fiandohan' Izao Tontolo izao dia ahitana teksta tetezamita mampitohy ny fitantarana roa. Ny Fitansana ny Firenena rehetra ao amin'ny Genesisy 10 dia mifafara tahak'izao manaraka izao (and. 32) :

Ireo no mpianakavin'ny zanak'i Noa, araka ny taranany, amin'ny fireneny; ary avy tamin'ireo no niavakavahan'ny firenena tambonin'ny tany taorian'ny safo-drano.

Eto, ny firenena rehetra dia ambara ho avy amin'ny zanak'i Noa telo lahy avokoa. Ny toko manaraka, Genesisy 11 : 10-32, dia miresaka

manokana momba ny iray amin'izy telo lahy ireo, dia i Sema, izay mitohy hatramin'i Abrahama. Ho fanomanana mahakasika ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka no antonyiresahana izany tetiarana izany. Mitovy lanja amin'izany ihany koa anefa ny fikendrena mba hanehoana ny fifandraisan'i Abrahama/Israely amin'ny firenena hafa. Na dia nantsoin'Yahweh ho amin'ny toerana manokana hifandray aminy aza i Abrahama sy ny taranany, araka ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka, dia asehon'Israely ny fahafantarany fa iray amin'ny firenena maro izy, ary mifamatotra amin'ireo firenena ireo izy.

Faharoa, ao amin'ny fiandohan'ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka dia ahitana teksta tetezamita izay mampitohy ireo fizarana roa lehibe ireo koa (Martin-Archaard 1962 : 33-37, Okoye 2006 : 43-55). Ao amin'ny Genesisy 12 : 1-9 no ahitantsika momba ny fiantsoan'i Yahweh an'i Abrahama. Amin'izany i Yahweh dia mampanantena an'i Abrahama fitahiana amin'ny alalan'ny tany sy taranaka, araka izao manaraka izao (and. 3) :

Ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany.

Eto no ahafahantsika mahita tsara ny fifandraisan'i Abrahama sy Israely amin'ny firenena hafa; izay azo jerena koa ao amin'ny 18 : 18, 22 : 18; 26 : 4 ary 28 : 14. Izany fomba fijery izany dia nivelatra avy amin'ny teny fikasana mahakasika ny tany sy taranaka ao amin'ny andininy 1-2 ho amin'ny teny fikasana hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany ao amin'ny andininy 3. Sarotra ny hiheverana hoe fifanandrifianjavatra ihany ny nametrahana izany teny fikasana izany any amin'ny fitarihanteny ho an'ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka. Izany dia mampifamatotra ny firesahana ny firenena rehetra ao amin'ny Fitantarana ny Fiandohan'izao Tontolo Izao (cf. ny Fitanisana ny Firenena rehetra, Genesisy 10) amin'ny firesahana ny nifidianan'i Yahweh an'Israely ao amin'ny Fitantarana ny Fiainan'ny Patriarka. Na

amin'ny lafiny voalohany, na amin'ny faharoa, i Isiraely dia andrandraina hampita ny fitahian'i Yahweh amin'ny firenena hafa. Tsy midika anefa izany fa foana ny fifandrordan'ny "universalism" sy ny "particularism" izay tena mbola misy tokoa. Na izany aza, ireo fitantarana roa tonta ireo dia niniana nampifandraisina, ary ny vahaolana ho an'ny fifandrordanana misy dia miankina amin'ny fiheverana fa i Isiraely dianofidin'Yahweh mba hampita ny fitahiana amin'ny firenena hafa.

Izany fifandrordanana izany dia tsapa sy hita ao amin'ny Pentatioka manontolo koa; i Isiraely dia mahalala fa manana fifandraisana akaiky amin'ny firenena hafa izy. Amin'ny lafiny iray dia miverina amin'ny rohim-pihavanana tamin'ny andron'ny Patriarka (cf. Deoteronomia 26 : 5), ary amin'ny lafiny faharoa dia aseho fa mifamatotra amin'Isiraely amin'ny alanan'ny fomba samihafa ny olon'ny firenena (cf. Eksodosy 12 : 38). Na izany aza, dia tsy hadino ny toerana manokana izay ananan'Isiraely. Ny Isiraely dia "firenena izay mitoka-monina sy tsy mihevitra ny tenany ho isan'ny firenena hafa" (cf. Nomery 23 : 9). Tsy afaka hiresaka izany antsipiriany anefa isika. Hoferantsika amin'ny ohatra roa ihany ny fomba nahitana ny fifandraisan'Isiraely amin'ny firenena hafa. Vao hitantsika teo ny fomba anehoan'ny Genesisy 12 : 3 an'Isiraely ho toy ny fantsona mampita ny fitahian'Yahweh amin'ny firenena hafa. Ao amin'ny Eksodosy 19 : 5-6, dia mahita fomba hafa anehoana izany hevitra izany koa isika :

Koa ankehitriny, raha hihaino ny feoko tokoa ianareo ka hitandrina ny fanekeko, dia ho rakitra soa ho Ahy mihoatra noho ny firenena rehetra ianareo; fa Ahy ny tany rehetra. Dia ho fanjaka-mpisorona sy ho firenena masina ho Ahy ianareo. Ireo teny ireo no holazaina amin'ny Zanak'Isiraely.

Eto dia voafaritra mazava tsara ny anjara asan'Isiraely manoloana ny firenena hafa. Isiraely dia fananan'Andriamanitra

manokana, izay nofidiny ho mpisorony. Teo amin'Isiraely fahizay, ny mpisorona dia mpanelanelana teo amin'Andriamanitra sy ny olona. Eto kosa dia Isiraely amin'ny maha firenena azy no lazaina fa fanjaka-mpisorona. An'Andriamanitra ny tany manontolo, araka ny voalaza, nefo nifidy an'Isiraely izy mba hisahana ny asan'ny mpisorona eo anelanelany sy ny firenena hafa (Martin-Archaard 1962 : 37-40, Okoye 2006 : 118-128).

Endrika maro anefa no mety hisehoan'ny fahatsapana izany anjara asa izany manoloana ny firenena hafa. Ny fampitahana ny Eksodosy 19 : 5 sy ny Deoteronomia 7 : 6 no ahafahana manazava izany. Ao amin'io teksta farany io, dia aseho ihany koa ny maha fananan'Andriamanitra manokana an'Isiraely saingy ny asa maha mpisorona na mpanelanelana azy kosa dia tsy voalaza :

Fa firenena masina ho an'i Jehovah Andriamanitao ianao; fa ianao efa nofidin'i Jehovah Andriamanitao ho firenena raktitra soa ho Azy mihoatra noho ny firenena rehetra ambonin'ny tany.

Io teksta farany io no fanalahidy teo amin'ny teolojia Deoteronomista, izay nanana endrika fihetsiketsehana na sekoly iray manontolo mihitsy teo amin'ny Isiraely fahizay (600-500 BC), ka nikendry ny hamahana ireo olana noheverina ho goavana indrindra teo amin'Isiraely, indrindra ny fanafangoana fivavahana (synkretisma). Ao amin'ny teolojian'ny Deoteronomista, dia tsindriana ny fananan' Isiraely toerana manokana, ary avoitra ihany koa fa rehefa nofidian' Andriamanitra Isiraely ho fananany manokana, dia tsy noho ny maha lehibe sy maha manan-kaja azy, fa noho ny maha mahatoky an'Andriamanitra izay manatanteraka ny teny fikasana nataony tamin' ny razan'izy ireo (Deoteronomia 7 : 7-8, 9 : 4-5). Ny Deoteronomia koa dia maneho ny fifandraisan'Isiraely amin'ny firenena hafa. Manoloana izany fifandraisana izany, tsy tahaka ny anehoana an'Isiraely, amin'ny ankapobeny dia aseho amin'ny sary ratsy ireo firenena hafa, ka lazaina

fa tao anatin'izy ireo no nifidianana an'Isiraely, ary izy ireo mazana no nitarika an'Isiraely tamin'ny fakampanahy hiala amin'ny finoany (Deoteronomia 14 : 1-2). Iaraha-manaiky fa voalaza mazava ao amin'ny teolojia Deoteronomista ny tokony hitandrem'an'Isiraely manoloana ireo mpifindra monina (Deoteronomia 14 : 18-19). Azo ambara noho izany, fa tsy ahitana resaka momba ny maha mpanelanelana na mpisorona eo anelanelan'Yahweh sy ny firenena hafa izany.

Hamaranana azy, tsy maintsy ekena fa ny Pentatioka dia manolotra sary maro momba ny fomba nahatsapan'Isiraely ny fifandraisany amin'ny firenena hafa. Samy voaresaka ao avokoa ny amin'ny "univesalism" sy ny "particularism". Amin'ny lafiny izay ahitana mazava fa misy fifandrortana amin'ireo fomba fijery roa ireo, dia voavaha ny olana amin'ny alalan'ny fiheverana ny fifidianan' Andriamanitra an'Isiraely ho fitaovana hizarany ny fitahiany amin'ny firenena hafa.

Ny Mpaminany

Ny fizarana manaraka ao amin'ny Testamenta Taloha izay ekena ho Soratra Masina dia ny Mpaminany. Voaresaka ao anatin'izany avokoa ny "mpaminany taloha" (Josua, Mpitsara, Samoela, Mpanjaka), sy ny "mpaminany ankehitriny" (Isaia, Jeremia, Ezekiela, sy ny bokin'ny Mpaminany Roambinifolo).

Ireo boky izay mandrafitra ny "mpaminany taloha" dia mahenika ny fotoana manandanja sy nanana ny akony teo amin'ny tantaran'Isiraely, izay vanimpotoana nanomboka tamin'ny nambaboana an'i Kanana teo ambany fitarihan'i Josua (Josua 1 snm.) hatramin'ny nandravan'ny Asyriana ny fanjakan'Isiraely Avaratra (2 Mpanjaka 17) ary ny nandravan'ny Babyloniana (taonjato VI BC) ny fanjakana Atsimo tao Joda (2 Mpanjaka 25). Tsy azo lazaina, farafaharatsiny amin'ny antsipirany, fa mazava ny fifandraisana anatin'ireo boky ireo. Ireo teksta faraparany dia toa mifototra amin'ny loharano marina maro.

Na izany aza, ny boky rehetra, na heverina ho ngeza na kely, dia nipoitra avy amin'ny fanangonana sy fanontana izay nataon'ny fihetsiketsehana Deoteronomista avokoa. Rehefa tonga eo amin'ny resaka fototra izay dinihintsika, izany hoe ny fahazoan'Isiraely ny fifandraisany amin'ny firenena hafa, dia hita mazava fa ny Deoteronomista – indrindra ireo boky voatanisa ireo – dia fantatra amin'ny fananany ny toetran'ny “particularist”. Ny fifidianan'Andriamanitra an'Isiraely no ivony, raha toa ka ny firenena hafa kosa aseho ho toy ny fahavalon'Isiraely, izay maka fanahy azy hiala amin'Andriamanitra. Na izany aza dia tsy tena mazava ny fomba fanehoana an-tsary. Ny Deoteronomista dia fantatra tamin'ny fifikirany tamin'ny fototra ara-pirazanany, ary tena vitsy ireo ohatra mahakasika ny finiavana te hisokatra amin'ny firenena hafa na dia ao amin'ny “mpaminany taloha” aza.

Ny bokin'i Josoa sy ny Mpitsara no ahitana ireo tradisiona nanomboka tamin'ny fidirana tao Kanana hatramin'ny fiforongan'ny firenen'Isiraely voalohany. Ny sary hita amin'izany dia Isiraely izay miady amin'ny Kananita, nefo amin'ny sehatra sasany koa dia Isiraely izay mifangaro amin'izy ireo. Ny andraisana izany fotoana izany dia tsaroana ho ilay fotoana nampivadi-pinoana ny Isiraely. Ny Mpitsara 2 : 6 snm. dia manazava ny fomba nanadinoan'ireo taranaka taorian'i Josoa an'Yahweh ka nanompoany an'i Bala; raha toa ka ny Mpitsara 3 : 1-2 dia milaza fa navelan'Yhaweh hijanona tao amin'ny tany Kanana ny Kananita mba hizahaha toetra an'Isiraely sy hanazarana azy ireo hiatrika ady. Amin'ireo teksta ireo, Andriamanitra dia aseho tokoa ho ilay Andriamanitr'Isiraely irery. Nefo eo an-kilany koa, dia mety naseho ho manam-pifandraisana amin'ny firenena hafa sy ny andriamanitr'izy ireo koa izy. Ny poezian'i Debora ao amin'ny Mpitsara 5 dia midera an'Andriamanitra noho ny nidirany antsehatra hanavotra an'Isiraely tamin'ny fotoana nilana izany. Amin'ny lafiny hafa indray anefa io poezia io dia miantsy ny mpanjaka sy andriana Kananita hihaino izany hira ho an'Yahweh izany (Mpitsara 5 : 3). Amin'izany, izy ireo dia aseho tahaka ny mpijery fampisehoana izay manatrika ny

fanehoan'Yahweh ny heriny, tsy ho an'Isiraely ihany fa ho an'ny firenena hafa koa.

Matetika no maneho ny fampisehoana ny herin'Yahweh tahak'izany ny bokin'i Samoela sy ny Mpanjaka. Ny tena tiana hovoizina amin'izany dia matanjaka noho ny firenena hafa sy ny andriamanitr'izy ireo Yahweh. Ny ohatra iray maneho amin'ny endrika maneso ny fahakelezan'ny andriamaniry ny firenena eo anatrehan' Yahweh, dia ny tantara ao amin'ny 1 Samoela 5 momba an'i Dagona, ilay andriamaniry ny Filistina, izay nilavo lefona teo anatrehan'ny fiaran'ny faneken'Yahweh. Tamin'ireo ady maro nifanaovan'ny Israelita tamin' ny Filistina, dia nisy fotoana nahazoan'ny Filistina babo ny fiaran'ny fanekena ary napetrak'izy ireo tao amin'ny tempolin'i Dagona tao Asdoda izy io. Tsy fantatsika izay antony nametrahana azy tao. Mety azo heverina hoe nampidirina am-ponja ao amin'ny tempolin'ny andriamanitra mpandresy ny andriamanitra resy, na mety azo heverina koa hoe te hivavaka amin'Yahweh ny Filistina (cf. 2 Tan. 25 : 14). Na izany aza, ny vokatr'izany dia nilavo lefona teo anatrehan'ny fiaran'ny fanekena i Dagona, tahaka ny fiondrehan'ny andevo manoloana ny tompony. Mazava fa Yahweh no mahery indrindra.

Misy ihany koa fomba hafa toa mifono eso tahak'izany izay maneho fa mora ho an'Yahweh ny mandresy ireo andriamaniry ny firenena hafa, araka ny hita ao amin'ny 1 Mpanjaka 18, momba an'i Elia tao amin'ny tendrombohitra Karmela. Matotra tanteraka ny zavaniseho tamin'izany fotoana izany. Nanjaka tao Isiraely tamin'ny andron'ny Mpanjaka Ahaba sy ny Mpanjaka vavy Foenisiana Jezebel (antsasaky ny taonjato IX BC) ny synkretisma (fanafangaroana fivavahana amin'Andriamanitra sy fanompoan-tsampy), satria nahitana mpaminanin'i Bala 450 ary mpaminanin'i Aseraha 400 “izay nihinana teo amin'ny latabatr'i Jezebel tao” (and. 19). Na dia izany aza dia niatsy ireo mpaminany ireo hiakatra eo antendrombohitr'i Karmela i Elia mba hifaninana hahalalana hoe andriamanitra iza no tena

Andriamanitra. Mazava ny fikendren'ny fitantarana. Nandritra ny andro manontolo, ny mpaminanin'i Bala sy Aseraha dia nanandrana nandresy lahatra ny andriamanitr'izy ireo hanoina, nefo tamin'ny fotoana niantsoan'i Elia an'Yahweh ihany vao nisy zava-nitranga; ary tamin'izay ny olona dia nahatsapa sy namaly hoe “Yahweh, Izy no Andriamanitra” (and. 39).

Amin'ny lafiny maro, izany toe-javatra izany, dia fahita teo amin'ny tantaran'Isiraely, araka ny anehoana azy ao amin'ny “Mpaminany Taloha”. Misavily amin'izy roa ireo ny olona (1 Mpanjaka 18 : 21), ka mahafinaritra azy ireo ny mampifangaro ny fanompoana an'Yahweh sy ny fivavahana hafa. Mijoro hanohitra izany ny mpaminany, tsy nitsahatra nandresy lahatra ny olona hifikitra amin' Yahweh irery ihany. Tsy sarotra ny mahazo ny antony mahatonga izany toetra ratsy izany hanamarika ny fifandraisan'Isiraely tamin'ny firenena hafa, araka ny anehoan'ny “Mpaminany taloha” azy. Ho an'ny Deoteronomista dia ilaina ny maneho fa ny anton'ny fahalavoan' Isiraely (720 BC) sy Joda (587 BC) dia ny fialan'izy ireo tamin'Yahweh ka nanarahany ny “fanaon'ny firenena jentilisa izay noroahin'Yahweh tsy ho eo anoloan'izy ireo” (2 Mpanjaka 17 : 7-12).

Misy ihany koa anefa fomba fijerin'ny “Mpaminany Taloha” izay ahitana fironana tsaratsara kokoa manoloana ny fifandraisana amin'ny firenena hafa, farafahakeliny tamin'ny fotoana nanjakan'i Davida sy Solomona Mpanjaka (manodidina ny 1000-920 BC, cf. 1 Samoela 16 hatramin'ny 1 Mpanjaka 11). Tamin'izany fotoana izany, Isiraely amin'ny maha firenena matanjaka indrindra tamin'iny faritra iny azy dia afaka nisokatra tamin'ny firenena manodidina, ary tsapa fa nanampy betsaka tamin'ny fanorenana ilay fanjakana vaovao ny fifandraisana tamin'ny any ivelany. Niadian-kevitra foana ny hoe hatraiza ny fanjakan'Isiraely voalohany no nampiasa ny ideolojiam-panjakana ankapobeny izay niainana tamin'iny faritra Atsinanana

Akaiky Tranainy iny (Ancient Near Eastern). Teo amin'ny tantaran'ny fandikana ny zava-nisy (interpretation), dia maro ireo ohatra momba ny fitovitoviana azo tsapain-tanana izay nomen-danja. Tsy azo inoana hoe tsy misy hevitra avy amin'ny firenena hafa izay namela akony teo amin'Isiraely. Hitantsika indrindra ny fifandraisana nisy tamin'ny fotoana nanorenana ny tempolin'i Solomona, izay tsy ny mpiasa sy ny fitaovana ihany no nafarana avy any ivelany fa ny fomba nentina nanorina izany koa (1 Mpanjaka 5-7). Izany fisokafana amin'ny hevitra avy any ivelany izany dia miara-dalana mazava tsara amin'ny fisokafan'ny teolojia mahakasika ny fahazoana ny fifandraisan'Isiraely sy ny firenena hafa. Ohatra mazava azo ambara ny momba ilay vavaka nataon'i Solomona tamin'ny fanokanana ny tempoly (1 Mpanjaka 8); ambaran'izany fa tsy olona hafa firenena vitsivitsy ihany no ho tonga ao amin'ny tempoly, fa tena ny "mponin'ny tany rehetra" no hahafantatra fa Yahweh no Andriamanitra (and. 41-43 sy, araka ny tanisaina etsy ambany, 59-60).

Ary aoka izany teny nifonako teto anatrehan'i Jehovah izany ho ao amin'i Jehovah Andriamanitsika andro aman'alina, mba hanomezany rariny ho ahy mpanompony sy ny Isiraely olony araka izay tandrifiny ho azy isan'andro, mba ho fantatry ny firenena rehetra ambonin'ny tany fa Jehovah no Andriamanitra, fa tsy misy afa-tsy Izy.

Matetika ny "Mpaminany taorianana" dia alahatra araka ny vanim-potoana niasany toy ny taloha, nandritra sy taorian'ny fahababoan'i Joda tany Babylona (taonjato VI BC). Misy amin'ireo mpaminany talohan'ny fahababoana no miresaka mahakasika ny fahazoan'Isiraely ny fifandraisany amin'ny firenena hafa. Ao amin'i Amosa, ilay voalohany amin'ireo izay nanoratra boky mitondra ny anarany (manodidina ny 760 BC), dia mahagaga ny mahita fampitataha an'Isiraely sy ny sasantsasany avy amin'ny firenena hafa (Amosa 9 : 7).

“Moa tsy toy ny taranaky ny Etiopiana va ianareo raha amiko, ry Zanak’Isiraely?” hoy Jehovah. “Tsy ny Isiraely va no nentiko nivoaka avy tany amin’ny tany Egypta. Ary ny Filistina avy tany Kaftora, Ary ny Syriana avy tany Kira?”

Tahaka ny hoe mandà ny toerana manokana ananan’Isiraely i Amosa eto (Okoye 2006 : 67-79). Voalohany, dia ampitahaina amin’ny firenena hafa i Isiraely – ny Etiopiana (Kosita) izay Afrikana – fampitahana amin’ny fomba izay mametraka azy ireo ho amin’ny toerana mitovy. Avy eo, ny fitondrana an’Isiraely hiala tany Egypta, izay zava-dehibe indrindra amin’ny asam-panavotana ao amin’ny tantaran’Isiraely, no ampitahaina amin’ny traikedfam-pianan’ny firenena hafa, ny Filistina sy ny Syriana. Hevitra manandanja ao amin’i Amosa ny fanehoana an’Yahweh ho Andriamanitra ny firenena hafa koa fa tsy an’Isiraely irery ihany. Ohatra mitovy amin’izany ihany koa ny hita ao amin’ny Amosa 1 : 2-2-16, izay mampilahatra an’Isiraely sy Joda hitovy amin’ny firenena hafa mifanolobodirindriana taminy amin’ny fanehoana fa, voalohany ny mpifanolobodirindrina (1 : 2-2 : 3) avy eo i Joda sy Isiraely (2 : 4-16), dia tsy maintsy hovalin’Yahweh araka ny nataony avokoa. Manoloana an’izany anefa, i Amosa dia mametraka mandrakariva ny toeran’Isiraely ho manokana mahakasika ny fifandraisany amin’Andriamanitra. Ny Amosa 3 : 2 dia manamafy fa Isiraely dianofidina “tao anatin’ny firenena rehetra eto an-tany”, nefazany fifidianana izany dia mitaky andraikitra koa. Ny firenena rehetra dia hadinin’ Yahweh avokoa araka ny nataony, saingy Yahweh kosa dia manantena betsaka avy amin’Isiraely noho ny firenena hafa!

Isaia (manodidina ny 745-700 BC) indray no mpaminany talohan’ny fahababoana izay nisahirana niresaka momba ny fifandraisany’Isiraely amin’ny firenena hafa. Ao amin’ny toriteniny, dia ambarany fa mitana andraikitra maro ny firenena hafa (Kaiser 2000 : 51-63). Amin’ny lafiny iray, dia aseho ho toy ny fahavalon’Yahweh miavonavona izy ireo (ohatra ny 10 : 12-19 sy ny 14 : 3-22). Amin’ny lafiny faharoa indray, dia azo aseho ho toy ny fitaovana eo

ampelatanan'Yahweh hanafaizana an'Isiraely izy ireo (Isaia 9 : 8 snm., ary 10 : 5 snm.). Ny zava-dehibe ao amin'ny fampianaran'Isaia dia ny fampitandremana manoloana ny fiaraha-dia ara-politika. Amin'Isaia dia Yahweh no tokony hitokisan'i Joda fa tsy ny firenena hafa. Hitantsika koa ny fifandraisan'izany amin'ny ady Syro-Efraimita tamin'ny 730 BC, raha toa ka norarana i Joda tsy hiankina amin'ny Asyria (toko 7, cf. 2 Mpanjaka 16 : 5 snm.). Taty aoriana dia mbola miverina ihany izany tranga izany (cf. 14 : 28-32, 30 : 1 snm. Ary 31 : 1 snm.). Na izany aza, ao amin'io fizarana amin'ny bokin'Isaia io (toko 1-39), dia ahitana ihany koa teksta izay maneho fomba fijery metimety kokoa momba ireo firenena hafa. Amin'ny fotoana hoavy izay hisian'ny famonjena, Yahweh dia hampiseho ny fiahany ireo firenena hafa koa. Ny be mpahafantatra amin'izany dia ny teny ao amin'ny Isaia 2 : 3 momba ny hiakaran'ny firenena hafa ao amin'ny tempolin'Yahweh any an-tendrombohitr'i Ziona ao Jerosalema (Okoye 2006 : 109-117) :

Eny, maro ny firenena no hiainga ka hanao hoe : “Andeha isika hiakatra any an-tendrombohitr'i Jehovah, Ho any an-tranon’ Andriamanitr'i Jakoba, Mba hampianarany antsika ny amin'ny lalany, Ka handehanantsika amin'ny atorony”; Fa avy any Ziona no hivoahan'ny lalàna, Ary avy any Jerosalema ny tenin'i Jehovah.

Izany fotoam-pamonjena izany dia ambara ho andron'ny fiadanana, andro izay hahatonga ny lefona ho fangady noho ny fanatrehan'Yahweh ao Ziona, andro izay tsy hianaran'ny olona ady intsony (2 : 4). Izany toe-javatra rehetra izany dia hainan'ny firenena hafa rehetra rehefa mizotra mankany amin'ny tempolin'Yahweh ao Ziona izy ireo. Misy fanambarana tahak'izany ihany koa hita amin'ny toerana hafa ao amin'Isaia, izay sady maneho ny fomba anaovan'ireo firenena hafa fivahiniana masina mankany amin'ny tempoly ao Ziona no maneho ny fizorana mankany amin'ny mpanjakan'i Ziona mbola ho avy (cf. Isaia 11 : 10).

Ary amin'izany andro izany ny Solofon'i Jese, Izay hitsangana ho fanevan'ny firenena, dia Izy no hotadiavin'ny jentilisa; Ary ny fitoerany dia ho voninahitra.

Tsy tena mazava anefa ny anjara asa tanan'Isiraely amin'izany fivahiniana masina ataon'ny firenena hafa any Ziona izany. Moa va havitrika amin'ny fampitana ny fitahian'Yahweh amin'ny firenena hafa i Isiraely? Ny Isaia 2 : 3 sy 11 : 10 dia tahaka ny manondro hoe nitodika tampoka any Zionany firenena hafa. An-kilany koa, ny Isaia 2 : 3 dia milaza fa avy ao Jerosalema no hiainga ny tenin'Yahweh. Mety ho vokatry ny farany ve ilay voalohany? Tsy milaza valiny mazava momba izany ny teksta. Ny hany azo antoka, dia misandray amin'ilay famonjena mbola hoavy ny fananan'ny firenena hafa anjara amin'ny fitahiana, ka ny fanatrehan'Andriamanitra ao Ziona (jereo Isaia 19 : 18-25 sy 25 : 6-8) sy ny mpanjaka mbola hoavy ao Ziona (cf. 9 : 2-7 sy 11 : 1-9) no fomba fiteny fanalahidy (Martin-Archaard 1962 : 46-49).

Ny mpanoratra ny Isaia 40-55 izay tsy fantatra, nefà isan'ireo mpaminany navitrika sy niaina ny fahababoana Babyloniana – tamin'ny taonjato VI BC – ka fantatra amin'ny anarana hoe Isaia Faharoa, dia hojerentsika manokana amin'ity fikarohana mahakasika ny niheverana ireo firenena hafa ity (Bosch 1991 : 18-19). I Isaia Faharoa dia nitory tamin'ireo olona izay niaritra fahoriana ara-politika sy ara-pivavahana noho ny fandravan'ny Babyloniana ny tempoly tao Jerosalema tamin'ny 587 BC sy ny nitondrana babo ny ampanan'ny mponina tao. Taorian'ny lozan'ny 587, miampy ny faharavan'ny tempoly sy ny fitondrana ankeriny ireo olona ho babo, dia tahaka ny hoe resy i Yahweh. Manoloana izany toe-javatra niaiana izany anefa, i Isaia Faharoa dia miezaka mandresy lahatra ny olona fa Yahweh dia mbola Andriamanitr'Isiraely ihany, ary tsy izany ihany, fa izy dia Andriamaniry ny rehetra. Ao amin'ny Isaia 40-45 no ahitantsika voalohany ao amin'ny Testamenta Taloha ny fireshana mazava ny amin'ny fivavahana amin'Andriamanitra tokana (monoteisma) (Martin-

Archard 1962 : 8-31). Ny filazana an'Yahweh ho ilay Andriamanitra tokana tokony hivavahana (monolatry) dia hita lany manerana ireo fizarana trrainy indrindra ao amin'ny Testamenta Taloha (cf. Eksodosy 22 : 20); fa i Isaia Faharoa kosa dia miroso lavidavitra kokoa amin'ny fanehoana an'Yahweh-n'Isiraely ho ilay hany Andriamanitra azo inoana manoloana ny hafa rehetra, ho an'ny olona rehetra (cf. Isaia 43 : 10b-11):

“Hianareo no vavolombeloko”, hoy Jehovah, “sady mpanompoko izay efanofidiko, Mba hahafantaranareo sy hinoanareo Ahy ka ho azonareo tsara fa Izaho no Izy; Talohako dia tsy nisy andriamanitra voaforona, sady tsy hisy handimby Ahy. Izaho dia Izaho ihany no Jehovah Ary tsy misy Mpampony afa-tsy Izaho.”

Ny vokatra miiba ny filazana an'Yahweh ho ilay hany Andriamanitra izany dia ny fiheverana ny andriamaniry ny firenena hafa ho tsinotsinona. Noho izany, i Isaia Faharoa dia manokana fotoana betsaka hanesoana ireo andriamanitra ireo, raha tsy hilaza afatsy ny resaka momba ireo mpanao asatanana izay manamboatra andriamanitra sy sampy (cf. ohatra Isaia 44. 9-20). Eto ny mpaminany dia tahaka ny manaitra ny sain'olombelona ihany, saingy ao ambadik'izany fanesoana izany dia misy fandinhana teolojika mafonja. Yahweh no nahary ny zavatra rehetra, na ny olona tsirairay na ireo firenena rehetra; noho izany dia tena fahadisoana lehibe ny fanaovan'ny firenena hafa andriamanitra manana endrik'olombelona (Holter 1995).

Ahoana ary, noho izany, ny fomba ahazoan'Isaia Faharoa ny mety hahafahan'ny firenena hafa manaiky fa ny Andriamanitr'Isiraely dia Andriamanitr'izy ireo ihany koa? (Okoye 2006 : 129-143). Ary inona no andraikitr'Isiraely manoloana izany? Toa tahaka ny sanganehana ihany eto ny mpaminany. Amin'ny lafiny iray, ao amin' Isaia 40-55 dia misy teksta izay lasa lavitra tokoa amin'ny fiandrindrana ny hanek'en'ny firenena hafa an'Yahweh (cf. ohatra Isaia 42 : 10-12 sy 51 : 4-6). Amin'ny lafiny hafa indray, misy koa teksta izay

mihazona mafy ny toerana manokana ananan'Isiraely, ka ny firenena hafa dia eo ambany fahefan'Isiraely (subject to Israel) avokoa (cf. Ohatra Isaia 41 : 8-16 sy 49 : 22- 26). Ohatra iray izay manazava azy roa ireo ny Isaia 45 : 14, izay maneho ny sasantsasany avy amin'ny firenena hafa tonga eo amin'Isiraely ka miteny hoe : "Marina fa Andriamanitra dia miaraka aminareo, ary tsy misy hafa; tsy misy andriamanitra hafa." Eo an-kilany koa anefa dia hitantsika ao koa fa ireo firenena ireo dia "voafatotra" no tonga teo amin'Isiraely, rehefa asaina hanana anjara amin'ny famonjen'Yahweh ireo firenena hafa ireo (cf. Ohatra Isaia 45 ; 22-23), izany hevitra izany dia mifandray amin'ny hoe tonga izy ireo sady hiankohoka eo anatrehan'Isiraely (cf. Ohatra Isaia 49 : 23).

Ny hevitra fototra ao amin'ny teolojian'Isaia Faharoa dia ny fiheverana fa amin'ny andro ho avy, Yahweh dia hiditra antsehatra hanavotra an'Isiraely amin'ny fomba tsy takatry ny sain'olombelona. Ireo babo tany Babylona, amin'ny alalan'ny asam-panavotana dia hihoatra ny fivoahana tany Egypta (cf. Isaia 52 : 11-12). I Isaia Faharoa dia toa miandrandra fa ny firenena hafa dia hanaiky an'Yahweh ho Andriamanitra rehefa mahita ny fomba idirany antsehatra hanavotra an'Isiraely (cf. Isaia 40 : 5, 41 : 17-20), cf. ireo tradisiona trrainainy momba ny maha vavolombelon'ny asam-pamonjen'Yahweh ireo firenena hafa (cf. Nomery 14 ; 15-16 sy Mpitsara 5 : 3).

Manoloana izany koa anefa, dia misy teksta ao amin'ny Isaia 40-55 izay manondro fa ny firenena hafa dia manatona an'Yahweh mba hananany anjara amin'ny fitahiana. Ny teksta sasantsasany dia miresaka momba ilay "mpanompon'Yahweh", izay toa mandray anjara betsaka manoloana ny firenena hafa, cf. Isaia 42 : 1-7 (and. 1b-4 izay tanisaina etsy ambany) :

Napetrako tao aminy ny Fanahiko; Hamoaka fitsipika ho an'ny jentilisa Izy. Tsy hiantsoantso Izy, na hanandratra ny feony, na hanao izay handrenesana ny feony eny an-dalana. Tsy hotapahiny

ny volotara torotoro, ary tsy hovonoiny ny lahin- jiro manetona; Hamoaka izay tena rariny tokoa Izy. Tsy ho reraka na ho kivy Izy, Mandra-panoriny ny rariny amin'ny tany.

Raha toa ka ny bokin'Isaia irery no ifotorana, dia sarotra ny hamantatra io "mpanompon'Yahweh" io; ireo ohatra notanisaina avy amin'Isaia 42 dia toa miresaka olona anankiray, raha toa ka ny teksta hafa dia mampiasa izany voambolana izany hilazana an'Isiraely manontolo, toy ny hita ao amin'Isaia 49 : 1-7 (Peskett & Ramachandra 2003, 140-153). Marihina anefa fa na olona tokana, na ampahany amin'Isiraely, na Isiraely manontolo io "mpanompon'Yahweh" io; ny hita miharihary dia lasa lavitra tokoa Isaia Faharoa amin'ny lafiny misokatra kokoa raha maneho ny asa fanompoan'ilay "mpanompo" manoloana ny firenena hafa izy. Ilay "mpanompo" dia entina mivoy ilay hevitra trrainy momba ny maha mpanelanelana an'Isiraely amin'ny fampitanana ny fitahian'Yahweh amin'ny firenena hafa. Rehefa miteny Isaia Faharoa hoe ilay "mpanompo" dia "hamoaka" ny rariny tokoa amin'ny firenena rehetra, dia tsapa fa lasa lavitra noho ny fahita mahazatra ao amin'ny Testamenta Taloha izy amin'ny firesahana fa ny fomba fijery ny tontolo manontolo (universaliste) dia afaka manatona ny mpahazo tombotsoa izay kendrena (outreach moves).

Raha jerena indray ireo mpaminany taorian'ny fahababoana (520 BC sy 400 BC), dia tsapa fa izany fijery tsaratsara kokoa momba ny firenena hafa izany dia nihena. Ny tolona momba ny hitazomana ny firaisansa sy ny fahadiovan'ny firenena ary ny hanorenana indray ny tempolin'i Jerosalema (cf. indrindra Hagay sy Zakaria) no tena masaka tao an-tsaina. Na izany aza anefa dia misy ihany ireo ohatra izay ahafahantsika mahita fa ny firenena hafa – amin'ny androm-pamonjena hoavy – dia hirohotra ho any Jerosalema ary handray ny anjarany amin'ny fitahian'Yahweh (cf. ohatra Zakaria 8 : 20-23 sy Isaia 60).

Mazana ny bokin'i Jona dia voaresaka rehefa manao fikarohana momba ny fifandraisany asa misiona sy ny Testameta Taloha (Martin-

Archard 1962 : 49-54, Verkuyl 1978 : 96-100, Kaiser 2000 : 65-74, Peskett & Ramachandra 2003 : 124-139, Okoye 2006 : 80-92). I Jona dia nirahina hitory ny fitsaran'Andriamanitra tao amin'ny tanànan'i Ninive. Tsy nanaiky ny iraka nampanaoavina azy izy, nefo nosamborina ka nanao izany ihany taty aoriana. Vokatr'izany dia nibebaka ny mponina tao Ninive ka nitodika tamin'Andriamanitra ary novonjen' Andriamanitra ny tanàna. Ankehitriny, tsy dia raisina ho ohatra loatra momba ny asa misiona ho an'ny tanàna ao amin'ny Testamenta Taloha ny bokin'i Jona. Na izany aza anefa, io boky io dia ohatra iray milaza fa na dia taorian'ny fahababoana aza dia nisy feo izay nanohitra ny finiavana hanilika ny firenena hafa. Ny ivon'ny fotokevity ny bokin'i Jona dia ny fanehoana fa Yahweh dia mamindra fo amin'ny firenena hafa koa fa tsy amin'Isiraely ihany. Ary amin'ity trangan'i Jona ity, dia ny fandefasan'Yahweh mpitoky tany Ninive no vokatr'izany famindrampo izany.

Ny Soratra

Ny fizarana farany izay ekena ho Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha dia ny Soratra; izany hoe ny Salamo, Joba, Ohabolana, Rota, Tononkiran'i Solomona, Mpitoriteny, Fitomaniana, Estera, Daniela, Ezra, Nehemia, ary Tantara. Misy amin'ireo boky ny Soratra ireo no ahitana teksta izay azo antoka fa miresaka ny tantaran'Isiraely tany aloha be, indrindra fa ao amin'ny Salamo. Ny maro amin'ireo boky sy ireo teksta ireo dia nosoratana taty aoriana be, araka ity fikarohana natao momba fifandraisan'Isiraely amin'ny firenena hafa ity. Midika izany fa ny ankamaroan'ireo fomba fijery ao amin'ny Soratra dia niainana tamin'ny vanim-potoana taorian'ny fahababoana.

Ny fifandrortana ao amin'ny Testamenta Taloha izay hitansika teo aloha mahakasika ny “universalism” sy ny “particularism” dia hita ihany koa ao amin'ny Soratra, indrindra fa ao amin'ny Salamo (Martin-

Archard 1962 : 54-59). Ny Salamo dia sady ahitana resaka momba ny faratampon'ny fahatezeran'Yahweh te hanafay ny firenena hafa (ohatra Salamo 79 : 6 sy 137 : 8-9), no ahitana ihany koa ireo fanasana mahafinaritra indrindra natao ho an'ny firenena hafa mba hidery an'Yahweh (ohatra Salamo 148 : 11-13). Ny ao ambadik' izany toe-javatra roa izany, dia ny filazana fa ny fifandraisian'Isiraely amin'ny firenena hafa no maneho ny fifandraisany amin'Yahweh. Ao amin'ny Salamo ho an'ny mpanjaka no tena ahatsapana izany zavatra izany. Rehefa manohitra ny mpanjakan'i Ziona ny firenena hafa dia midika izay fa manohitra an'Yahweh koa izy ireo, cf. ohatra Salamo 2 : 2-6 :

Ireo mpanjakan'ny tany mitsangana, Ary ny mpanapaka miara-mioko hanohitra an'i Jehovah sy ny Mesiany ka manao hoe : "Aoka hotosantsika ny famatorany, ka hariantsika hiala amintsika ny famehezany." Izay mipetraka any an-danitra mihomehy, ny Tompo maneso ireo. Dia hiteny azy amin'ny fahavinirany Izy ka hampangorohoro azy amin'ny fahatezerany hoe : "Izaho kosa efa nanendry ny Mpanjakako Tambonin'i Ziona, tendrombohitro masina."

Tahak'izany koa, rehefa miankohoka eo anatrehan'ny mpanjaka ao Ziona ny firenena hafa, dia midika izay fa i Yahweh no tena tompon'izy ireo, cf. ohatra Salamo 72 : 10-11 :

Ny mpanjakan'i Tarsisy sy ny nosy handoa hetra; ny mpanjakan'i Sheba sy Seba hanatitra fanomezana. Ary ny mpanjaka rehetra hiankohoka eo anatrehany; ny firenena rehetra hanompo azy.

Misy ihany koa hira fiderana izay manandratra bebe kokoa ny maha Andriamaniry ny firenena rehetra an'Yahweh, ary manambara koa fa ireo firenena ireo dia hanaiky an'Yahweh ho Andriamaniny (cf. ohatra Salamo 67 : 2 snm.). Tsy mazava anefa hoe inona no anjara asan'Isiraely manoloana ireo firenena hafa hahatontosany izany. Ny teksta sasany dia toa milaza ihany hoe i Isiraely dia mitory amin'ireo

firenena hafa, toy ny hita ao amin'ny Salamo 96 : 2-3 (Okoye 2006 : 102-108) :

Mihirà ho an'i Jehovah, misaora ny anarany; Lazao isan'andro isan'andro ny famonjeny mahafaly. Ambarao any amin'ny jentilisa ny voninahiny, ary any amin'ny firenena rehetra ny fahagagana ataony.

Tamin'izany anefa dia tsy azon'Isiraely velively hoe fiantsoana azy hitory amin'ny firenena hafa io. Misy ihany ireo teksta hafa izay maneho ny fahatsapan'Isiraely fa Yahweh dia Andriamaniry ny firenena hafa koa, ary izany fahatsapana izany dia miharihary amin'ny fanompoam-pivavahana ataon'Isiraely. Eo ankilan'izany koa, ireo teksta ireo dia manondro ny androm-panavotana hoavy, rehefa manaiky an'Yahweh ho Andriamanitra ireo firenena hafa.

Araka ny efa noresahintsika, ny vanim-potoana taorian'ny fahababoana dia nomarihin'ny tolona anaty hitandroana ny firaisana sy ny fahadiovan'ny firenen'Isiraely. Nanjaka tanteraka ny fomba fijery miaro ny an'ny tena manokana (exclusiviste), indrindra araka ny ahitantsika azy ao amin'ny bokin'i Ezra sy Nehemia. Ireo boky ireo dia maneho ny fomba nataon'ny Jiosy hanarenana indray an'i Jerosalema. Lafo vidy anefa izany satria ny tambiny dia ny tsy maintsy nanilihana ireo zaza amam-behivavy izay tao amin'ny ankohonana nisy fifanambadian'ny Jiosy sy Jentilisa (cf. Ezra 9 : 12 snm.; 10 : 1 snm.; Nehemiah 13 : 3, 13 : 30). Izany fomba fijery miaro ny an'ny tena manokana (exclusiviste) manoloana ny firenena hafa izany dia tsy resy mihitsy mandraka ankehitriny. Ny bokin'i Rota no mamaly ny fandrarana ny fifanambadian'ny Jiosy sy ny Jentilisa. Ity boky ity no mamerina antsika amin'ny tantara amin'ny alalan'ny filazana fa vehivavy Jentilisa iray, Rota ilay Moabita, no razana nipoiran'ny dynastia davidika.

Amin'ireo boky taorian'ny fahababoana, dia ny bokin'i Daniela no mivoy koa hevitra maromaro momba ny fifandraisan' Isiraely sy ny

firenena hafa. Ny fitsaran' Andriamanitra no hevitra voizin'i Daniela tamin'ny nanambarany "izay hihatra" (2 : 45) amin'ny firenena. Ampira efatra no hitsangana ary ho rava (cf. Daniela 2 sy 7). Nefa, an-kilany koa, i Daniela dia mahita sahady ny famonjena hoavy amin'ny fotoana izay hahatonga ny firenena rehetra hakambana sy ho isan'Isiraely eo ambany fanapahan'ny mpanjaka iray izay toy ny "zanak'olona", Daniela 7 : 13-14 :

"Ary mbola nahita tamin'ny fahitana tamin'ny alina ihany aho, ary, indro, nisy toy ny zanak'olona avy tamin'ny rahon'ny lanitra, ary nankeo amin'ny Fahagola Izy, dia nampanakekeny teo anatrehany. Ary nomena fanapahana sy voninahitra ary fanjakana Izy, mba hanompoan'ny fokom-pirenena sy ny firenena ary ny samy hafa fiteny rehetra Azy; ny fanapahany dia fanapahana mandrakizay ka tsy ho tapaka, ary ny fanjakany tsy ho rava."

Fehiny

Eo ambony, ny tenako dia nanandrana nanoritra ireo hevitra fototra mahakasika ny fomba anehoan'ny Lalàna, ny Mpaminany, ary ny Soratra ny fifandraisan'Isiraely amin'ny firenena hafa. Ny zavatra tsapa amin'ny ankapobeny dia ny fisian'ny fifandroritana eo amin'ny fijery "particularistic" sy "universalistic" sy manerana ny Testamenta Taloha manontolo. Amin'ny lafiny iray, dia aseho ho toy ny fahavalon'Isiraely sy Yahweh ireo firenena hafa. Mampatahotra sy mampahory an'Isiraely izy ireo, ary maka fanahy azy hiala amin'ny fanompoana an'Yahweh. Amin'ny lafiny hafa koa anefa, dia aseho fa eo ambany fitahian' Yahweh miaraka amin'Isiraely ireo firenena hafa. Eto Yahweh dia ekena ho Andriamaniry ny firenena hafa ihany koa, ary Isiraely kosa dia heverina ho mpanelanelana manoloana an'Yahweh sy ny firenena hafa.

Ny fomba fiheverana roa samy hafa momba an'Yahweh sy Isiraely no niteraka izany fifandroritan'ny fijery "particularistic" sy

“universalistic” izany. Amin’ny lafiny iray, Yahweh dia nilaza fa Isiraely dia “rakitra soa hoa Azy mihoatra noho ny firenena rehetra”, amin’ny lafiny faharoa indray, dia milaza izy fa “azy ny tany rehetra” (Eksodosy 19 : 5). Ny zava-misy anefa, dia ny tsy finiavan’Isiraely hanakatra ny hevitra fonosin’izany mahakasika ny tokony hikelezany aina hitady ireo firenena ireo sy hitoriany aminy. Ny Testamenta Vaovao dia mampihaona izany hevitra roa izany ao amin’olona tokana, Jesosy avy any Nazareta. Izy no ilay hany tokana voafidy (particularism) izay manome fainana ho an’ny olona rehetra (universalism). Noho izany, ny Testamenta Vaovao dia afaka maneho ny asa misiona maneran-tany ho ny fahatanterahan’ny Testamenta Taloha, toy ny hitantsika amin’ny teny farany nataon’i Jesosy ao amin’ny Lioka 24 : 44 snm :

Dia hoy Izy taminy : “Izao no teniko izay nolazaiko taminareo, fony mbola tao aminareo Aho, fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin’ny lalàn’i Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo.” Dia nanokatra ny sain’ireo Izy hahalala ny Soratra Masina. Ary hoy Izy taminy: “Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin’ny maty amin’ny andro fahatelo ary mba hotorina amin’ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin’ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema. Ary ianareo no vavolombelon’izany.”

Toko Fahatelo

Ny tekstan'ny Testamenta Taloha sy ireo fotokevitra momba ny teolojian'ny fifindra-monina

Ny loharano arkeolojika sy ara-tantara dia manamafy fa ny fifindra-monin'olombelona dia zavatra fahita matetika, ary niainana nandritra ny fotoana maro sy tamin'ny toerana maro. Ny fifindra-monina dia tsy hoe fandrosoana vaovao eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona, izay nateraky ny rafitra fanjanahantanin'ny hery politika taty aoriana na koa hoe fomba moderna isehoan'ny fifindran-toerana; ny mifanohitra amin'izany no tena marina, satria efa nisy foana io hatramin'izay ary niseho tamin'ny endrika maro. Vao tsy ela akory izay, dia tsy nitsahatra nitombo ny fahafantaran'ny mpahay misiolojia ny anjara asa lehibe ananan'ny fifindra-monina eo amin'ny fielezan'ny Filazantsara sy ny fiangonana Kristiana. Ny fomba mahazatra nataon'ireo Europeana fotsy hoditra izay nanangana fiangonana ivelan'ny Europa dia nosoloina ny fomba Kristiana avy amin'ny vazantany efatra – tsy diso anjara amin'izany ny Afrikana (Ludwig & Asamoah-Gyade 2011) – izay nifindra monina tamin'ny toerana hafa ka nanorina fiangonana tamin'ny toerana nifindrany.

Ity toko ity dia hiresaka mahakasika ny fiheverana tsotra nefá manandanja momba ny fifindra-monina, araka ny fomba fijery misiolojika : ny traikefa ara-tantara sy teolojikan'ny mpifindra monina miaraka amin'ny teksta sy ny fotokevitry ny Testamenta Taloha. Zaraina telo ny firesahana izany lohahevitra izany : ny voalohany dia ohatra vitsivitsy momba ny traikefan'ireo mpifindra monina araka ny hita ao amin'ny Testamenta Taloha tamin'ny vanim-potoana roa akaiky indrindra; ny faharoa dia fanadihadiana momba ireo fotokevi-dehibe mahakasika ny fifindra-monina ao amin'ny Testamenta Taloha, ary

farany dia adihevitra momba ny fifandraisan'ireo fizarana roa voalohany ireo, izay raisina ho andrana amin'ny fandraisana anjara, araka ny fahitan'ny fanadihadiana natao ny Testamenta Taloha, ho famelabelarana ny teolojian'ny fifindra-monina ankapobeny.

Ireo trangam-pifindra-monina ao amin'ny Testamenta Taloha

Ireo traikera momba ny fifindra-monina araka ny Testamenta Taloha dia miharihary ao amin'io boky io tokoa; ohatra amin'izany ny fitantaran'Isaia ny fiverenan'ny firenen'i Joda avy amin'ny fahababoana tany Babylona araka ny fomba fanoratra sy ny fomba fahitana izay mamerina ny fitantaran'ny Pentatioka ny fivoahan'Isiraely avy tany Egypta (cf. Isaia 52 : 11-12); eo koa ny fanehoan'ny Amosa an-tsary ny fifindran'ny Filistiana avy any Kaftora sy ny Syriana avy any Kira ho toy ny mirazotra amin'ny fialan'Isiraely avy tany Egypta (Amosa 9 : 7). Mbola noferana ihany anefa ny resaka azo atao mahakasika izany noho ny mahavoafetra ny toerana azo iresahana azy. Noho ny antony ara-pragmatika (i.e. mifototra amin'ny pratika) dia afantoko amin'ny fifandraisany amin'ny Testamenta Taloha ny fandihinana ireo fifamezivezena nisy nandritra ireo taonjato vitsivitsy farany, araka ireto fifindra-monina roa lehibe ireto : ny voalohany, dia ny fifindra-monin'ny Eoropeana nandritra ny fotoan'ny fanjanahantany, ary nifanindra andalana tamin'izany (ara-potoana, ara-ideolojika, aratoekarena, sy ara-politika) ny fanondranana andevo avy any Afrika Atsinanana ho any Amerika Avaratra; ary ny faharoa, dia ny toe-javatra mifamadika amin'izay, izany hoe ny fifindra-monin'ireo tany voazanaka teo aloha mankany amin'ny tany andrefana taorian'ny fanjanahatany.

Ireo mpifindra monina avy any Eropa tamin'ny vanim-potoanan'ny fanjanahantany – ohatra nanomboka ny taonjato faha sivy ambinifolo hatramin'ny faha roapoloo – dia nateraky ny konteksta aratsosialy sy ara-kolotsaina izay fahita ao amin'ny Baiboly; tsy

isalasalana koa fa tsy zava-baovao tamin'ireo olona ireo ny fotokevitry ny Baiboly izay ampiasaina ho fototra handinihana ny maha izy azy sy ny anjaran'ny fiarahamonina na ny olona iray. Vokatr'izany, ireo mpifindra monina Europeana ireo dia nampifandray ny teksta sy ny fotokevitra biblika – isan'izany ny Testamenta Taloha – tamin'ireo traikefa niainany manokana momba ny fifindra-monina, ka lafiny roa no nisehoan'izany farafahakeliny. Voalohany, ny teksta biblika sy ny fotokeviny dia nampiasaina hanazavana *ny hafa*. Ireo “olona” izay nifanena tamin'ireo mpifindra monina tany amin’ny toerana rehetra nalehany dia nampifandraisina tamin’ny fiezahan’ny Baiboly handrafitra saritany mahakasika ny mponin’izao tontolo izao. Noho izany, ny teksta toy ny fitanisana ny firenena ao amin’ny Genesisy 10 no nampiasaina ho fitaovana (grids) nentina nandikana/nanazavana (interpret) ny karazana saritany noforonin’ny Europeana mahakasika ny mponina. Na dia efa neken’ny maro aza fa araka ny zavatra hita tamin’ny taonjato faha XV sy XVI izay milaza fa misy firenena eto antany, izay tsy azo ekena na inoana ho tafiditra ao amin’ilay lasitra ambaran’ny Genesisy 10, ny teksta biblika kosa dia tsy mitsahatra manolo-kevitra mandrakariva ireo mpifindra monina Europeana mahakasika ny fahitany “ny hafa”. Ireo Europeana tao Afrika Atsimo tamin’ny taonjato XIX ohatra dia milaza fa ireo foko izay nihaona tamin’izy ireo dia Jiosy, Egyptiana ary Arabo (LeRoux 2003 : 18-27).

Faharoa, izay tena manandanja tokoa amin’ity konteksta ity, dia ny fampiasan’ireo mpifindra monina Europeana ny teksta sy ny fotokevitra biblika hanazavana *ny momba azy ireo*, eny hatramin’ny traikefan’izy ireo amin’ny maha mpifindra monina azy aza. Tsara hotadidiana, fa izy ireo dia avy amin’ny konteksta ara- tsosialy sy arakolontsaina izay mahafantatra tsara ny Baiboly, ary tsy mahagaga raha toa ka ny fomba niainan’izy ireo ny fifindra-monina – toy ny traikefa hafa rehetra tamin’ny fiaianany – dia tokony ho hazavaina araka ny fifandraisany amin’ny Baiboly. Ny fialana avy tany Egypta sy ny fambabooana ny tany Kanana no fotokevitra avy amin’ny Baiboly

maharesy lahatra ny maro sy fampiasa betsaka raha hiresaka fifindra-monina. Ny fitantaran'ny Testamenta Taloha momba ny nanavotan' Andriamanitra ny olony teo antanan'ny Egyptiana, ny nitarihany azy tany anefitra, ary ny nanampiany azy hambabo ny Tany Nampanantenaina sy hampahory ny Kananita nonina tao, no azo raisina ho ohatra (paradigme) amin'ny fanazavana ny fifindra-monin'ny Europeana manerana izao tontolo izao. Ohatra iray amin'ireo mpifindra monina mampiasa ny fotokevitry ny fialana tany Egypta/fambaboana ny tany Kanana ireo vondron'ny relijiozy “non-conformistes” izay nandositra ny fampahoriana nataon'ny fiangonana azy tany Europa ka nitady “tany nampanantenaina” ho azy ireo tany Amerika Avaratra. Noraisin’izy ireo ho azy ny tantara misy ao amin’ny Testamenta Taloha, tsy amin’ny lafiny maha “tany nampanantenaina” vaovao ho azy ireo ihany, fa amin’ny lafiny mahakasika izay tokony hatao amin’ny “Kananita” izay vantarin’izy ireo any koa (Warrior 2006). Ny Boers tao Afrika Atsimo ohatra dia iray amin’ireo izay nampiasa ny fotokevitry ny Testamenta Taloha momba ny fialana tany Egypta/fidirana amin’ny tany Kanana mba hanazavany ny fomba niainany ny fifindra-monina. Mba handosirany ny fanjanahana nataon’ny Britanika tany Cape, ireo Boers ireo dia nandeha antongotra niditra tao Afrika Atsimo tamin’ny antsasaky ny taonjato faha XIX, ary izany “diatongotra lehibe” izany dia hazavainy araka ny filazan’ny Testamenta Taloha ny dia nataon’ny firenena voafidy hihazo ny “tany nampanantenaina”, izay aty aoriana tsy maintsy hiady amin’ny “Kananita” mponina ao hahatanteraka ny teny fikasana (Prior 1997 : 71-105).

Ny zavatra nampitovy ireo andiana mpifindra monina Europeana tamin’ny andron’ny fanjanahantany dia izy ireo nentanin’ny fanantenana sy ny fahasahiany nanapa-kevitra samirery, ka eo anatrehan’izany – araka ny teoria vaovao momba ny fifindra-monina – dia azo antsoina hoe “mpanolo-tena antsitrupo” izy ireo. Ny teny hoe “mpanolo-tena antsitrupo” anefa dia tsy tokony, farafaharatsiny araka

ny konteksta ankehitriny, hampifangaroana amin'ny teny hoe "sahisahy", izay teny mifono hevitra tsara. Ny ankamaroan'ireo Europeana izay nifindra monina "antsitrapo" ireo dia noho ny antony fandosirana ny fahasaratam-piaianana politika, sosialy, sy ny fanilikilihana ary fangejana ara-pivavahana nisy tany Europa, ka ny fotokevitry ny fialana tany Egypta/fambaboana ny tany Kanana ao amin'ny Testamenta Taloha no entiny manazava ny fanantenana nananan'izy ireo mba hanana fiainana tsaratsara kokoa any ambadiky ny ranomasina.

Na eo aza anefa izany, dia nisy ihany koa andiam-pifindra-monina tamin'ny andron'ny fanjanahantany izay "tsy nanolotena antsitrapo" na "noterena". Izany teny izany dia toa mifono hevitra fanasaziana na fanararaotana, ary ireo teny ireo dia maneho ny famindran-toerana jeografika nataon'ny manam-pahefana ara-politika sy ara-toekarena handrindrana indray ny firafitry ny mponina. Ny Testamenta Taloha, dia ahitana teksta sy fotokevitra izay mahakasika ny fiainam-pifindra-monina amin'ity tranga faharoa ity koa. Ny ohatra lehibe iray amin'izany dia ny "fandefasana" ireo olo-meloka – sy ny hafa koa – tany "amin'ny faran'ny tany", toy ny tany Ôstralia, izay nampiasain'ny Britanika ho "fonja" teo anelanelan'ny 1787 sy 1868. Izany toe-javatra izany dia tsy azo raisina ho mitovy hevitra amin'ny tany nampanantaina, fa mifandray kosa amin'ny fotokevitry ny fanasaziana ao amin'ny Testamenta Taloha momba ny fandroahana tao amin'ny saha Edena (Boer 2001).

Ny tena ohatra mazava mahakasika ny fifindra-monina "tsy antsitrapo" na "noterena" anefa dia ilay fanondranana andevo lehibe sy mahatsiravina avy any Afrika – tamin'ny konteksta Silamo, avy ao Afrika Atsinanana mankany Zanzibara sy Arabia, tamin'ny kontesta Kristiana kosa avy ao Afrika Andrefana ho any India Andrefana sy Amerika Avaratra – izay fifindra-monina nampahantra an'i Afrika noho ny fahasaratana samihafa naterany ka tsy nahafahany niarina. Ny ankamaron'ny tany Afrikana, ny tao Afrika Andrefana izay nantsoina

taty aoriana hoe Tontolo Vaovao (New World), dia tsy vitan'ny hoe nandray ny fivavahan'ireo mpividy sy mpanondrana andevo ihany fa nandray ny boky masina nananan'izy ireo koa (Wimbush 1991 : 84-85). Mihoatra noho ireo fiarahamonina hafa rehetra mpamaky ny Baiboly, ny Afrikana - Amerikana dia afaka nandray koa ny teksta sy ny fotokevitry ny Testamenta Taloha mba hanazavana ny traikefam-piainan'izy ireo sy ny fanantenany, ary ny fitakiany fahafahana miandalana. Ambonin'izany – tamin'ny alalan'ny hirany sy ny fomba fitantarany – dia nasehon'izy ireo tamin'ny fomba fijery ny fiarahamonina manerantany ny fanazavana ny fomba niainan'izy ireo (Felder 1989 ; Wimbush 2000 ; Bailey 2003 ; Callahan 2006).

Raha miala amin'ny andiany voalohany amin'ny fifindra-monina moderna (nandritra ny fanjanahantany), ka mitodika amin'ny andiany faharoa (taorian'ny fanjanahantany, fifindra-monina mivadika hatramin'ny taona 1960), dia mifanena amin'ny trangan-javatra maroloko izay sarotra azo ara-tematika sy ara-kevitry ny teny. Ny fomba entina manazava eo ambony, izay manavaka ny fifindra-monina “antsitrapo” sy ny “tsy antsitrapo”, dia hanampy antsika betsaka koa eto. Raha ny hamaroan’isany no resahina, dia ny fifindra-monina “antsitrapo”, ataon’ny tsirairay na andian’olona te hanatsara ny fomba fiaiany ara-toekarena sy politika amin’ny alalan’ny fifindrana amin’ny firenena na kontinanta hafa, no betsaka kokoa ankehitriny. Na izany aza, dia tsy sarotra ny mamantatra ireo karazana fifindra-monina “tsy antsitrapo” izay mitranga. Ny fisian’ny ady no tena antony fotra. Ankehitriny, dia misy maro ireo antokon’ny mpiavy mivondrona ho fiarahamonina madinika, avy amin’ny tany toa an’i Vietnam sy Somalia, nifindra monina amin’ireo firenena mpifanolobodirindrina aminy any Eropa sy Amerika Avaratra. Ny antony iray hafa koa dia ny fifandonana amin’ny foko sasantsasany izay mahatonga ny olona hitsoa-ponenana avy any Rwanda, Yugoslavia teo aloha, sns. Ny antony fahatelo dia ny fanondranana olona antsokosoko – indrindra eo amin’ny lafiny fivarotan-tena sy ny fampanaovana asa anterivozona – izay

mahatonga ny olona, tsy ny avy amin'ny ilabolatany atsimo ihany, fa ny avy any Europa Atsinanana koa hifindra any Europa Andrefana sy Amerika Avaratra. Na izany aza ny fifanoherana amin'ireo fomba fanazavana roa – fifindra-monina “antsitrapo” sy “tsy antsitrapo” – dia tsy manazava loatra ny endriky ny fifindra-monina ankehitriny, fa ny fanazavana araka ny antony “manintona” (pull) sy “manosika” (push) no mety kokoa; ny voalohany dia miresaka momba ireo zavatra manaitra ao amin'ny tany hifindrana, ary ny faharoa kosa dia manambara ny amin'ireo anton-javatra tsy mahatamana ao amin'ny toerana niaviana (Lee 1966 : 47-57).

Efa noresahina tetsy ambony, fa ireo mpifindra monina Europeana nandritra ny fotoanan’ny fanjanahantany dia mahalala tsara ny konteksta biblika ao amin'ny Testamenta Taloha, mety azo heverina koa aza fa ny Testamenta Taloha mihtisy no nanosika azy ireo handinika momba ny maha izy azy sy ny lahatra. Ankehitriny – ary mety ho raisina ho toy ny fanesoana ny anjara izany – dia mbola izany antony izany no manosika ireo mpifindra monina taorian’ny fanjanahantany; ny zava-misy mantsy dia maro ireo mpifindra-monina avy amin'ny tany no mahafantatra tsara sy be lavitra ny Testamenta Taloha noho ireo Europeana hovantaniny, isan’izany ireo avy any Afrika Ambanin’i Sahara (sub-Saharan). Vokany, maro ireo mpifindra monina mankany Eropa sy Amerika Atsimo, izay efa Kristiana tany Afrika, Amerika Atsimo, sy Azia Atsimo Atsinanana, no tafitohina raha mahita ny fiarahanonina any Tandrefana tsy miraharaha fivavahana, satria ny ankamaroan’ny olona dia toa miaina tsara tsy misy an’ Andriamanitra, ary na dia ireo izay miditra am-piangonana matetika aza dia toa manaiky izany fomba fiaianana tsy miraharaha fivavahana izany; ohatra manazava izany ny famoahana lalàna izay mifanohitra amin'ny Soratra Masina. Ny fanontaniana mipetraka dia : 1- ahoana no fomba ifandraisan’ny mpifindra monina amin’izany fomba fanazavana vaovao izany rehefa mijery ny Baiboly izy ireo ; ary 2- hatraiza ny fomba anazavan’izy ireo ny Testamenta Taloha mba ho tonga antony

“misarika” na/sy “manosika” amin’ny fomba iainan’izy ireo ny maha mpifindra monina any amin’ny tany Tandrefana azy ireo?

Misy fanadihadiana tranga roa izay mety hanampy amin’ny fanazavana io lafiny io. Ny voalohany amin’izany dia ny fanadihadiana nataon’i Frieder Ludwig momba ny fisian’ireo Kristiana avy any Liberia any Minnesota (USA), izay hazavaina araka ny fomba fahitana an’i Josefa ao amin’ny Genesisy 37-50, izay nosamborina sy namidy ho andevo tany Egypta (Ludwig 2011). Ny fomba fijerin’i Ludwig dia miainga amin’ny fandinihana ny tantaran’i Josefa ao amin’ny Genesisy izay mitana anjara asa lehibe mahakasika ny fanirian’ny Afrikana-Amerikana “hiverina” any Liberia tamin’ny faraparan’ny taonjato faha XIX sy ny fibosesehan’ny Liberiana hifindra monina any Etazonia indray tamin’ny faraparan’ny taonjato faha XX. Ny Liberiana dia aseho ho tahaka an’i Josefa izay namidy ho andevo, nef aafaka nanavotra ny ankohonany taty aoriana. Tahak’izany koa ny Afrikana-Amerikana dia mihevitra fa : nentina nankaty izahay mba hanampy ny olona any an-tanindrazana, ka mahatonga azy ireo hiady ho an’i Liberia. Aseho tahaka an’i Josefa ihany koa izy ireo, tsy amin’ny maha andevo anefa, fa amin’ny hareny sy ny fananany vina hahomby. Arak’izany, ireo Liberiana nifindra monina any Etazonia, ankehitriny, dia hanambara fa : nentina aty izahay ho amin’ny tanjona tokana, dia ny hahafahanay mandefa fanampiana any an-tanindrazana, tsy amin’ny lafiny ara-bola ihany, fa amin’ny lafiny ara-tsaina sy ara-pitondratena koa, mba hampanjariana ny fifampiraharahana ho amin’ny fampihavanana sy ny fandriampahalemana any Liberia.

Raha lazaina amin’ny fomba hafa, ny fitantarana an’i Jeosefa ao amin’ny Testamenta Taloha dia nanolotra sehatra hahafahanay manazava momba ny fifindra-monina mankany sy avy any Liberia, fomba fanazavana izay mifantoka manokana amin’ny fomba niainana karazana fifindra-monina roa izay maneho fikendren’Andriamanitra roa. Raha ilay fomba fanazavana araka ny antony “misarika” sy ny “manosika” no resahina, ity tranga hitantsika ity dia sady ahitana ny

voalohany no ahitana ny faharoa koa. Ny fanirian'ireo Afrikana-Amerikana "hiverina" any Liberia tamin'ny faraparan'ny taonjato XIX dia mahita ny fikendren'Andriamanitra amin'ny lafiny fahafahan'izy ireo manampy – toy ny nanavotan'i Josefa ny rahalahiny – ary ny fifindran'ireo Liberiana any Minnesota dia mahita fikendrena momba ny fahafahana manampy ireo havana any an-tanindrazana.

Ny tranga vao haingana mahakasika ny fanazavana ny anjara asan'ny Testamenta Taloha momba ny fifindra-monina ankehitriny dia ny fandinihana naton'i Kenneth Mtata mahakasika ireo zanaka ampielezana Kristiana Afrikana any amin'ny tany Tandrefana (Mtata 2011). Ny Salamo 137 : 4, "Nefa ho nataontsika ahoana no fihira ny fihiran'i Jehovah tany an-tany nivahiniana?", no iaingan'i Mtata hiresahana ny fahasamihafana misy amin'ny Kristianisma Afrikana sy Tandrefana sy hanehoana ny fahasahiranan-tsain'ny Kristiana Afrikana miaina amin'ny tany Tandrefana manoloana ny fahasamihafana misy. Ny fiainana ara-pivavahana any Afrika – izay miseho koa amin'ny fomba maro eo amin'ny Kristianisma – dia toa mifamatotra amin'ny toerana, tahaka ny toerana na zavatra masina, renirano, tendrombohitra, fasan-drazana, sns. Izany fifamatorana amin'ny toerana na zavatra izany dia miteraka olana rehefa hazavaina sy iainana araka ny konteksta Tandrefana ny fivavahana; vokany, ny mpifindra monina dia lasa mitady toerana vaovao izay tsy misy araka ny fomba fivavahana mahazatra eo amin'ny fiangonana Tandrefana. Ny fomba anehoan'i Mtata ny fahazoan'ny Afrikana Kristiana mpifindra monina – izay voatery manorina fiangonana manokana ho azy – ny fotoam-pivavahana misy amin'ny fiangonana Europeana dia mety hanana endrika mifono fanesoana ihany, nefo izany dia milaza koa hevitra momba ny fahasamihafana ara-kolontsaina (Mtata 2011 : 348) :

Ny fahitana olona iray monja mivavaka dia manaoana ny fanirian'ny Afrikana hiangona. Ho azy, ny fivavahana iarahan'ny maro dia midika fa ny isam-batan'olona dia natao hampiasa ny

feony mafy indrindra araka izay tratrany (raha manana feo izy!). Ilay adiny iray monja iangonana any Europa dia tsy mahaliana akory ny Afrikana izay zatra miangona mandritra ny ora efatra na dimy. Ny toriteny izay tsy maharitra afatsy enina minitra monja amin'ny teny tsy mahazatra, miampy ny fomba fijery hafahafa avy amin'ireo fotosy hoditra manatrika dia tsy mamaha olana. Ny Afrikana dia mandinika ny fomba fitondratenan'ireo Europeana izay ivantanany rehefa tapitra ny fotoam-pivavahana. Tsy ela akory aorian'ny fotoam-pivavahana dia efa mandrehitra sigara ny mpitoky teny ary mizara izany amin'ilay vavy antitra izay hany nazoto nihira. Ny mpitendry orga dia lasa nisotro labiera miaraka amin'ireo namany ao amin'ny bara.

Araka ny fijerin'i Mtata dia mbola lasa lavidavitra kokoa noho izany ny fahasamihafana. Amin'ny lafiny iray, dia mety hihevitra isika fa tokony hahazo aina tsara ireo Kristiana Afrikana any am-pielezana ireo rehefa tafiditra ao anatin'ny tontolo Kristiana Tandrefana, rehefa mivavaka tsara izy ireo, manatrika ireo fivoriam-piangonana samihafa, ary mandray anjara amin'ny asa fanompoana eo anivon'ny fiangonana koa. Nefa amin'ny lafiny hafa, ny fiainam-piangonana izay hitan'ny Kristiana Afrikana any amin'ny tontolo Tandrefana dia toa tsy manome fahafahampo izany zavatra voatanisa izany. Ny fiangonana Tandrefana dia tsy miasa ho loharanom-pahasalamana sy mamelona toy ny any Afrika. Noho izany, ireo Kristiana Tandrefana, rehefa tojo alahelo lalina dia tsy mankany am-piangonana mba hangataka vavaka fampaherezana, fa mankany amin'ny trano fivarotam-panafody mba hividy fanafody fampitoniana adin-tsaina. Sarobidy noho izany anefa ny asan'ny Baiboly. Amin'ny lafiny voalohany, ny Kristiana Afrikana dia mampiasa azy io betsaka tokoa ary toa mandray ara-bakiteny izay ambara ao aza, raha toa ny Tandrefana kosa dia mandray ny teksta biblika ho zava-mahatahotra sy trrainy, tsy afa-miaraka sy tsy mitovy amin'ny fivoarana ara-kolontsaina izay nisy tao anatin'ny tanonjato vitsivitsy izay. Sarotra ny mihira ny hiran'ny Tompo amin'ny tany mahavahiny ny tena, indrindra raha ny mpikambana ao amin'ny antoko

mpihira manana ny fomba fihirany izay tsy mitovy amin'ny anao. Tsy fantatra na ho sokajina ho antony "misarika" na "manosika" izany, fa ny hita miharihary kosa dia ny filan'ireo olona any am-pielezana ireo fiangonana izay hahafahany miaina ny traikefam-piainany sy ny fiainany ny Baiboly.

Ho fehiny, efa hitantsika ny fampiasana ny Testamenta Taloha mahakasika ny fifandraisany amin'ireo andiam-pifindra-monina roa : Ny nataon'ny Europeana tamin'ny andron'ny fanjanahantany, izay mirazotra tamin'ny fanondranana andevo avy any Afrika Atsinanana mankany Amerika Avaratra; sy ny fifindra-monina mitsimbadika taorian'ny fanjanahantany, avy amin'ny tany voazanaka mankany amin'ny tany Tandrefana. Hita tamin'izany fa tena afaka nitondra fanazavana mahakasika ireo lafiny roa ireo ny teksta sy ny fotokevitra ao amin'ny Testamenta Taloha hahazoana ny filan'ny mpifindra monina manoloana ny fahatakaran'izy ireo ny fiainany amin'ny maha mpifindra monina azy.

Ireo fotokevitry ny Testamenta Taloha momba ny fifindra-monina

Amin'ny lafiny maro, ny fifindra-monina dia fotokevitra manan-danja ao amin'ny Testamenta Taloha; maneho izany ny fialan'i Abrahama avy any amin'ny Oran'i Kaldea, ny fipetrahan'Isiraely tany Egypta, ny fahababoan'i Joda tany Babylona. Ity fanadihadiana ara-literatiora ity, izay manazava ny zava-nisy ara-tantara sy ara-teolojia mahakasika ireo fotokevitra manandanja ireo, dia afaka mameno ireo banga amin'ny tranomboky rehetra izay ahitana fanadihadiana biblika. Na izany aza, tao anatin'ny taona vitsivitsy lasa izay dia nahita ihany fikarohana izay mampifandray ny fotokevitry ny fifindra-monina ao amin'ny Testamenta Taloha amin'ny traikefam-pifindra-monina moderna koa isika. Misy ohatra iray ambaran'i Andrew Walls ao amin'ny asa-sorany ka anehoany ny maha izy azy ara-teolojia ny fifindra-monina izay miainga amin'ny ilay antsoiny hoe "modelin'ny" fanoratana sy

fitantarana ao amin'ny Genesisy, izay manavaka ny fifindra-monina antsitrano nentanin'ny fanantenana (teksta fototra : Abrahama mankany amin'ny tany nampananatenaina) sy ny fifindra-monina tsy antsitrano natao hanasaziana (teksta fototra : Adama sy Eva noroahina tao Edena). Ireo sokajy roa ireo dia ampiasaina hiresahana momba ny endriky ny fifindra-monina ankehitriny sy hanoritsoritana ny teolojia Kristiana momba ny fifindra-monina (Walls 2011). Ny monografie nosoratan'i J. Ahn vao tsy ela akory izay momba ny fahababoan'i Joda tany Babylona no ohatra manaraka, izay hazavainy ho isan'ny trangam-pifindra-monina noterena (Ahn 2011). I Ahn dia miresaka mahakasika ireo traikera sy fandikana sosiologika samihafa momba ny fifindra-monina noterena, ny fifindra-toerana ary ny famindran-toerana. Ireo fomba fijery ireo dia ampiasainy mba hanazavany sy hidirany ao amin'ny tekstan'ny Testamenta Taloha izay heverina fa manasongadina ny fomba fiainan'ireo andiany "voalohany" (Salamo 137), ny andiany "voalohany iray sy tapany" (Jeremia 29), andiany "faharoa" (Isaia 43), ary ny andiany "fahatelo" (Nomery 32) amin'ireo avy amin'ny firenen'i Joda nobaboina.

Noho ny antony ara-pratika sy ara-pragmatika, ity fikarohana momba ny fotokevity ny Testamenta Taloha mahakasika ny fifindra-monina ity, dia mianga avy amin'ilay teksta manokana antsoina hoe Fanekem-pinoana Ara-tantara (Historical Credo) ao amin'ny Deuteronomia 26 : 5-9 : pratika, amin'ny lafiny maha voafetran'ny toerana azy (raha ampitahaina amin'i Ahn); ary pragmatika kosa, amin'ny lafiny fahafahan'io teksta io mamela antsika hampifandray ny fotokevity ny fifindra-monina amin'ireo zava- dehibe ara-teolojika ao amin'ny Testamenta Taloha (tahaka an'i Walls, fa atambatra ho teksta fohy iray eto). Toy izao no ambaran'io Fanekem-pinoana ao amin'ny Deuteronomia 26 : 5-9 io :

⁵Dia hiteny eo anatrehan'i Jehovah Andriamanitrao ianao ka hanao hoe : "Syriana mpanjenjena no raiko, ka nidina tany Egypta izy, dia

nivahiny tany mbamin'ny olom-bitsy; ary tany izy no tonga firenena lehibe sy mahery sady maro isa. ⁶Ary nanao ratsy tamintsika ny Egyptiana ka nampahory antsika sy nampanao antsika fanompoana mafy. ⁷Dia nitaraina tamin'i Jehovah, Andriamanity ny razantsika, isika, ka nihaino ny feontsika Izy ary njery ny alahelontsika sy ny asantsika ary ny fahorantsika; ⁸ary tanana mahery sy sandry nahinjitra sy fampahatahorana lehibe sy famantarana ary fahagagana no nitondran'i Jehovah antsika nivoaka avy tany Egypta, ⁹dia nitondra antsika niditra teto amin'ity tany ity Izy ka nanome antsika ity tany ity, dia tany tondra-dronono sy tantely.

Io Fanekem-pinoana ao amin'ny Deoteronomia 26 : 5-9 io no teksta izay, amin'ny lafiny iray, mamintina ireo fintatarana lehibe momba ny dian'Isiraely mamakivaky ny tantara sy ny jeografia, ary amin'ny lafiny hafa mampifandray izany tantara izany amin'ny finoany an'Yahweh. Noho izany isika dia tokony handinika akaiky io Fanekem-pinoana io – miaraka amin'ny fijerena vetivety ny konteksta momba azy ao amin'ny Testamenta Taloha – araka izany fomba fijery izany koa, izany hoe ny fifindra-monina amin'ny maha fitantarana sy fotokevitra teolojika azy.

Misy toetra roa na telo momba ny fomba niainan'Isiraely sy ny nahazoany ny fifindra-monina – araka ny asongadina ao amin'ny Fanekem-pinoan'ny Deoteronomia 26 : 5-9 – no tokony havoittra eto. Ny voalohany dia mahakasika ny fifindra-monin'ny razambeny. Ny Fanekem-pinoana dia manomboka amin'ny firesahana an'i Jakoba, iray amin'ireo patriarka telo, ary i Abrahama sy Isaka no roa hafa. Ambarany hoe “Syriana mpanjenjena no raiko” (na, “ny raiko dia mpifindra monina Syriana”, mba hampisongadinana ny fahamarinan’izany ankehitriny). Ny fitantarana mahakasika ny patriaraka telo dia saiky hita ao amin'ny Genesisy 12-50 avokoa, izay anehoana ny fivezivezen’izy ireo, avy ao Syria mamakivaky an'i Kanana ho any Egypta, mandroso sy miverina. Tsy nipetraka maharitra tamin'ny toerana iray izy ireo na dia teo aza ny teny fampanantenan'Andriamanitra momba ny tany

(Genesisy 12 : 1-3). Ny hany ohatra tokana amin'ny tany izay novidina ho amin'ny tanjona maharitra dia ny zohin'i Makpela, izay novidin'i Abrahama – niady mafy tokoa izy mba ho afaka hividy izany – tamin'i Efrona ilay Hitita mba ho fasana handevenana azy sy ny ankohonany (Genesisy 23).

Na izany aza, ireo mpamaky ny Genesisy izay manam-pahalalana dia hahatsapa avy hatrany fa tsy kisendrasendra no nanononana ny anaran'ireo toerana nolalovan'ny patriarka, sy ny olona ary ny mpanjaka sy ny tanàna izay nifanerasera taminy. Rehefa mamaky ny Bokin'ny Genesisy miaraka amin'ny boky tantara – Samoela, Mpanjaka, ary Tantara – ao amin'ny Testamenta Taloha isika, dia hahatsapa fa misy teksta mifandray mahakasika ny fitantaran'iry voalohany ny fiainan'ny patriarka sy ny fitantaran'ireto farany ny dingana samihafa nisy teo amin'ny tantaran'ny firenena voafidy. Izany hoe, rehefa mamaky ny amin'ny fifampikasokasohan'i Abrahama (Genesisy 20) sy Isaka (Genesisy 26) tamin'ny Filistina isika, dia tsy ho afaka ny tsy hahita ny fifandraisan'izany amin'ny anjara toerana notanan'ny Filistina ao amin'ny tantaran'Israely. Torak'izany koa, rehefa mamaky ny fidiran'i Abrahama tamin'ny tanànan'ny Kananita toa an'i Sekema sy Betela (Genesisy 12) isika, na ny fihaonany tamin'i Melkizedeka, mpanjakan'i Salema (Genesisy 14), dia mahita fifamalian-dresaka momba ny rafitra jeografika sy politikan'ny firenen'Israely ao amin'ny Genesisy sy ireo teksta historika. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, na tsy nanana toeram-ponenana maharitra tao Kanana aza ny patriarka, ny teksta kosa dia isan'ireo rafitra fitantarana lehibe izay maneho ny toeram-ponenana maharitra ho olana fototra.

Ny Fanekem-pinoana ao amin'ny Deoteronomia 26 dia manondro an'i Jakoba ho nidina tany Egypta ary "nonina" tany. Ny matoateny *gur* araka ny Baiboly Hebreo, ampiasaina eto hilazana ny hoe "monina" dia mifono hevitra hoe monina mandritra ny fotoana voafetra amin'ny toerana lavitra ny tanindrazana, ary matetika izy io dia

adika hoe “mivahiny”. Ny endrika “nominal”*ger*, dia ampiasain’ny Baiboly Hebreo hanondroana ny “vahiny voaaro”, izany hoe olona iray manana ny toerany manokana eo anatrehan’ireo teratany (‘ezrach) sy ny “mpivahiny” (*nokhri*) (Kellermann 1975, Zehnder 2005). Eto amin’ny Deoteronomia, dia ambara foana fa eo ambany fiahian’ Andriamanitra ny *ger*. Araka ny fahamarinana no tsy maintsy itsarana ny vahiny (Deoteronomina 1 : 16, 24 : 17), ary tahak’izany koa ny an’ireo sahirana toy ny kamboty sy ny mananotena (Deoteronomia 14 : 29, 27 : 19). Tsy mahagaga raha ny tohin’ny Fanekem-pinoan’ny Deoteronomia 26 dia maneho ny *ger* ho tokony ho isan’ireo mifaly miaraka amin’Isiraely amin’ny tany nomen’Andriamanitra (and. 11), sy banana anjara amin’ny fahafolonkarena natokana ho an’Andriamanitra (and. 12). Ny Deoteronomia 10 : 18-19 dia lasa lavidavitra kokoa raha milaza fa Andriamanitra dia tia ny *ger*, ary Isiraely dia tokony ho tia ny *ger* koa, satria efa mba *ger* tany amin’ny tany Egypta koa izy ireo. Ny maha *ger* – mpivahiny na vahiny voaaro – noho izany dia isan’ny maha izy azy an’Isiraely. Ny maha mpivahiny dia maneho traikefa roa sosona niainan’izy ireo momba ny tany nampanantenainy. Isan’ny fanomezana mandrakizay, izay miaraka amin’ny teny fikasana mifandrohy amin’ny fanatrehan’Yahweh ao amin’ny tempoly maharitra natao tamin’ny vato izany. Nefa koa isan’ny fanantenana ny tany amin’ny tany efitra (ampielezana), miaraka amin’ny teny fikasana mifandrohy amin’ny fanatrehan’Yahweh amin’ny tabernakely azo afindrafindra sy vita amin’ny lay. Ny fanambarana farany momba ny maha izy azy an’ Isiraely araka ny maha *ger* azy dia hita ao amin’ny Jeremia (boky izay mifandray akaiky amin’ny Deoteronomia) izay manondro an’ Andriamanitra ho toy ny *ger*, Jeremina 14 : 8 :

Ry Fanantenan’ny Isiraely ô, Mpamonjy azy amin’ny andro fahoriania! Nahoana Hianao no dia toy ny vahiny amin’ny tany ary toy ny mpandeha izay manorin-day handry indray alina monja?

Ny toetra faharoan'ny fomba niainan'Isiraely sy ny fahazoany ny fifindra-monina – araka ny aseho ao amin'ny Deoteronomia 26 : 5-9 – dia ny fotokevitry ny fialana tany Egypta/fambaboana ny tany Kanana. Na dia lasa firenena lehibe aza ny taranak'i Jakoba tany Egypta, ny Fanekem-pinoana dia milaza, fa nampahorian'ny Egyptiania izy ireo. Nitaraina tamin'Yahweh izy ireo noho izany, ka henony ary nentiny nivoaka an'i Egypta “tamin’ny tanany mahery sy ny sandriny mitsotra, tamin’ny horohoro lehibe sy famantarana ary fahagagana”, ary farany, nomeny “tany tondra-dronono sy tantely” izy ireo.

Misy fomba roa ahitana an'i Egypta ao amin'ny Testamenta Taloha. Ny voalohany – izay tena mibahan-toerana sy tokony ekena – dia ny fijery miiba mahakasika ny fanehoana an'i Egypta, izay mampahatsiah扬 mandrakariva an'Isiraely ny fivahiniany tany amin'ny “tany nanandevozana” (Eksodosy 13 : 3) na “ilay fandrendreham-by” (Deoteronomia 4 : 20). Ny faharoa – izay tsy tokony hatao tsinontsinona – dia ny fanehoana miabo kokoa, tsy mahakasika ny fahatsiarovana ny “vilany feno hena” (Eksodosy 16 : 2) ihany sy ny hanim-py (Nomery 11 : 5) tany Egypta, fa ny tradisiona momba ny anaovana an'i Egypta ho tany fandosirana na fifindrana noho ny mosary na ny olana ara-politika ao Isiraely (Genesisy 12 : 10, 26 : 2, 41 : 41-57) (Cogan 1996).

Na izany aza, ny fotokevitry ny fialana tany Egypta sy ny fambaboana ny tany Kanana naterak'izany dia tena mahazo vahana tokoa, ary ny Fanekem-pinoana ao amin'ny Deoteronomia 26 : 5-9 dia ohatra iray ihany amin'ireo karazana literatiora ao amin'ny Testamenta Taloha – toy ny fitantarana (Eksodosy 1-14), hira (Eksodosy 15), raikipohy/fomba fiteny (Eksodosy 20 : 2) – izay mivoy izany fotokevitra izany. Manana ny lanjany manokana ny ohatra mahakasika ny fifindra-monina ao amin'ny teksta fototra toy ny Didy Folo. Ireo fomba roa nanoratana ny Didy Folo dia samy mamela ny fotokevitry ny Eksodosy hampahafantatra ny mpamaky an'Yahweh izay miteny : “Izaho no Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao nivoaka avy

tany amin’ny tany Egypta, tamin’ny trano nahandevalozana.” (Eksodosy 20 : 2, Deuteronomia 5 : 6). Izy roa ireo, ao amin’ny didy momba ny Sabata, dia milaza ny amin’ny *ger* koa ho isan’ireo tokony hitsahatra amin’ny andro fahafito (Eksodosy 20 : 10, Deuteronomia 5 : 14). Kanefa ny antony nanoratana ny didy dia samy hafa ao amin’ireo teksta roa ireo. Raha toa ka ny Eksodosy 20 : 11 manorina ny maha ara-dalana ny Sabata amin’ny alalan’ny firesahana ny andro fahenina sy fahafito tamin’ny fahariana, ny Deuteronomia 5 : 15 kosa dia miresaka momba ny nanandevalozana an’Israely – mazava hoa azy, tsy *ger* – tany Egypta.

Ny fotokevitry ny fialana tany Egypta/fambaboana ny tany Kanana izay manindraindra ny maha firenena voafidy an’Israely no hevi-dehibe fototra manerana ny Pentatioka, sy manerana ny boky maro ao amin’ny Testamenta Taloha. Na izany aza, dia azo atao ihany ny mahita feo mihoatra izany fijery “particularist” izany ao amin’io fotokevitra io mba hahafahana mampifandray azy amin’ny fijery “universalist” kokoa. Ohatra iray ny Eksodosy 19 : 5-6, ivon’ny perikopa momba an’i Sinay, izay ahitana ny fifandraisan’ny fifidianana an’Israely (and. 5) sy ny maha mpisorona eo amin’ny firenena rehetra (and. 6). Ny ohatra iray koa dia hita ao amin’ireo bokin’ny mpaminany, izay ahitana – ara-potokevitra, ara-pomba fanoratana, ary ara-teolojia – ny akon’ny Pentatioka/Josua ary ny fialana tany Egypta sy ny fambaboana ny tany Kanana :

Moa tsy toy ny taranaky ny Etiopiana va ianareo raha amiko, ry Zanak’Israely? hoy Jehovah. Tsy ny Israely va no nentiko nivoaka avy tany amin’ny tany Egypta. Ary ny Filistina avy tany Kaftora, Ary ny Syriana avy tany Kira? (Amosa 9 : 7).

Tsapa ao anatin’izany ny fomba firesaka “universalist”, izay mampitaha an’Israely amin’ny firenena hafa. Ny and. 7a no tena milaza izany, raha mampitaha ny Israelita amin’ny firenena Afrikana, izany hoe ny Etiopiana (Holter 2000 : 115-125). Avy eo anefa, ao amin’ny

and. 7b, dia mihatery ny fampitahana, rehefa resahina ny tranga iray misongadina amin'ny tantaran'ny Israelita – ny fialana tany Egypta/ny fambabooana ny tany Kanana – izay ampifandraisina amin'ny fifindra-monina nataon'ny Filistina sy ny Syriana mpifanolo-bodirindrina aminy. Tsy manam-paharoa izany teksta izany. Manana akony amin'ny fijery “universalist” ao amin'ny Testamenta Taloha izany, ohatra ao amin'ny toko voalohan’ny Bokin’i Amosa. Tsy misy toerana hafa ao amin'ny Testamenta Taloha izay ampifandraisana mazava ny fialana tany Egypta/sy ny fambabooana ny tany Kanana amin'ny fifindra-monin’ny firenena hafa.

Ny mety ho endrika fahatelo isehoan’ny fomba niainan’Isiraely sy ny fahatsapany ny fifindra-monina – araka ny anehoana azy ao amin'ny Fanekem-pinoan’ny Deoteronomia 26 : 5-9 – dia ny fahababoana Babyloniana tamin’ny taonjato faha VI BC. Ny antony itenenako hoe *mety* ho endrika fahatelo, dia satria tsy misy ahitana soritra mazava momba ny fahababoana ao amin’ity Fanekem-pinoana ity. Na izany aza, satria ny ankamaroan’ny literatioran’ny Testamenta Taloha dia vita amin’ny endrika ananantsika azy ankehitriny nandritra ny fahababoana na tamin’ny voalohandohan’ny fiverenana avy any Babylona, ka inoana fa nandray ny fahababoana – izay zavatra niainana ka ambarantsika hoe “fifindra-monina” – ho konteksta entina hanazavana ny fitantarana; noho izany dia azo atao tsara ny mamaky izay resahin’ny Fanekem-pinoana momba ny “Syriana mpanjenjena” araka ny fomba fijery tao anatin’ny fahababoana.

Ny fifindra-monin’ny patriarka sy ny fialana tany Egypta/fambabooana ny tany Kanana voaresaka etsy ambony dia mitana anjara asa lehibe amin'ny literatiora nandritra sy taoriane kelin’ny fahababoana. Ny ampanhan’ny bokin’Isaia izay nosoratana nandritra sy taorian’ny fahababoana no hanolotra ohatra ho antsika. Voalohany, mahakasika ny patriarka, i Abrahama (cf. Isaia 51 : 2, 63 : 16) ary tsy latsak’izany koa i Jakoba (cf. Isaia 49 : 6, 58 : 14) dia resahina amin’ny

toerana maromaro. Ny ohatra mazava indrindra dia izay hita ao amin'ny Isaia 41 : 8-9 :

⁸Fa ianao kosa, ry Isiraelly mpanompoko, sy Jakoba, izay nofidiko, Taranak'i Abrahama sakaizako. ⁹Hianao izay efa notantanako avy tany amin'ny faran'ny tany ary nantsoiko avy tany an-tsisiny ka nilazako hoe : "Mpanompoko ianao", Efa nofidiko ka tsy mba nariako.

Ilay resaka momba an'i Abrahama dia manana ny heviny manokana mahakasika ny fahababoana Babyloniana, satria izy koa – araka ny tradisionan'ny Testamenta Taloha – dia notarihin' Andriamanitra nizotra tamin'ny lalana nizoran'ireo nentina babo, avy any amin'ny Oran'i Kaldea mankany Kanana (Genesisy 11 : 31). Arak'izany, ireo mpamaky ny literatiora nandritra sy taorian'ny fahababoana dia assaina hahita ny traikefam-piainan'izy ireo ho toy izay niainan'ny razambe Abrahama koa. Torak'izany koa ny tranga amin'ny fivoahana tany Egypta/ny fambaboana ny tany Kanana. Misy teksta vitsivitsy avy ao amin'ny Isaia nosoratana nandritra ny fahababoana no toa mampiasa ny fotokevitry ny fialana tany Egypta (ary amin'ny sehatra sasany ny fambaboana ny tany Kanana) (cf. Isaia 43 : 16-21). Ny ohatra tena mazava indrindra dia hita ao amin'ny Isaia 52 : 11-12 :

¹¹Mialà, mialà ianareo, mivoaha, aza mikasika izay maloto, mivoaha avy eo aminy; madiova, ianareo izay mitondra ny fanak'i Jehovah. ¹²Fa tsy tampoka no hivoahanareo, ary tsy lositra no handehananareo; fa Jehovah no hitarika anareo eo aloha, ary Andriamaniry ny Isiraelly no ho vodi-lalanareo.

Mifanohitra amin'izany kosa no andikan'ny teksta ao amin'Isaia ny fivoahana tany Egypta. Hafa lavitra noho izay niainan'ireo tany Egypta ny zavatra hiainan'ny babo any Babylona, satria izy ireo dia tsy handao an-kamehana io tany io (Eksodosy 12 : 11). Ny mampitovy azy

anefa, dia samy hialoha lalana azy ireo sy ho eo akaikiny i Yahweh (Eksodosy 14 : 19).

Raha lazaina amin'ny fomba hafa, rehefa vakina araka ny solomason'ny fabababoana Babyloniana ny Fanekem-pinoana – raha ireo babo na ny zanany, na ireo andiany voalohany na faharoa tamin'ireo niverina no mpamaky – dia tsy horaisiny ho teksta tsotra izay mitantara ny lasa ihany izany, fa horaisiny ho teksta momba “anay” sy ny “zavatra niainanay”. Ny fandikana hoe “izahay” dia lasa ilay Abrahama izay nantsoina avy any Babylona, sy Isiraely izay niaina ny fialana tany Egypta.

Hamaranana azy, efa voaresaka fa ny fifindra-monina no fotokevitra fototra ao amin'ny Testamenta Taloha. Rehefa niainga avy amin'ilay antsoina hoe Fanekem-pinoana ara-tantara ao amin'ny Deoteronomia 26 : 5-9, dia niresaka ireo endrika telo momba ny fifindra-monina ao amin'ny Testamenta Taloha isika : ny fifindra-monin'ny patriarka, ny fivahinianan'Isiraely tany Egypta, nitohy tamin'ny fialana tany Egypta sy ny fambaboana ny tany Kanana ary ny fabababoana Babyloniana.

Fehiny

Ny fifantohan’ny misiolojia amin’ny fifindra-monina izay tsy mitsaha-mitombo dia – na, farafaharatsiny, tokony – hikaroka porofo ara-biblika hanohanany ny fampianarany izay andala-pivelarana. Noho izany, ity fizarana ity, na fohy aza dia nampivoitra ireo fomba fijery mahakasika ny fifandraisan’ny zava-misy ara-pifindra-monina sy ny teksta sy fotokevitry ny Testamenta Taloha. Antenaiko fa izany dia ampy ho fandraisana anjaran’ny fandinihana ny Testamenta Taloha ho famelabelarana ankapobeny ny teololian’ny fifindra-monina. Ny teny hoe “teolojia” dia tsy ampiasaina hanondroana ny fiverimberenan’ny teksta tsotra izao, na koa hiresahana momba ny karazana fampisarahana ny fikendrena amin’ny loharano fototra (Baiboly, fanekem-pinoan’ny

antokom-pivavahana). Mba hahazoana “teolojia” dia tsy maintsy misy fihaonan’ny “teksta” sy ny “traikefam-piainana”; na, amin’izao tranga izao, ny fotokevitry ny Testamenta Taloha dia tokony ho hita mifanaraka amin’ireo fifindra-monina niainana ao amin’ny Testamenta Taloha. Izao fomba fijery manaraka izao, izay mahakasika ny fifandraisana misy amin’ny teksta sy fotokevitry ny Testamenta Taloha sy ny zava-nitrange momba ny fifindra-monina dia resahina mba hahafahana maneho izay ambaran’ny Testamenta Taloha mahakasika ny fampivelarana ny teololian’ny fifindra-monina amin’ny taonjato faha XXI :

Ny fandinhana ny *teksta* : Ny fanazavan’ny taonjato faha XXI ny Testamenta Taloha dia manaiky fa ny hevitra ambaran’ny teksta dia mihoatra ny konteksta ara-tantara izay resahina ao. I Israely dia asehon’ny Testamenta Taloha toy ny efa nandalo dingana maromaro amin’ilay antsointsika ankehitriny hoe traikefam-pifindra-monina, nefy izany dia vakina/azo araka ny fahazoana ny traikefam-pahababoana tany Babylona. Arak’izany – nandritra ny roarivo taona sy tapany nandinhana ny tantara – ireo mpamaky ny Testamenta Taloha taty aoriana dia handray izany traikefam-piainany momba ny fifindra-monina izany araka izay ambaran’ny teksta sy ny lohahevitry ny Testamenta Taloha; paikadim-pandinhana izay mivelatra ao amin’ny Testamenta Taloha ihany no ampiasain’izy ireo. Ny Israely ao amin’ny Testamenta Taloha dia afaka mijoro vavolombelona momba ireo karazana traikefan’ny fifindra-monina, ary ny fomba fijery moderna kokoa – toy ny fifindra-monina “antsitrapo” mitaha amin’ny “tsy antsitrapo”, na ny anton-javatra “manosika” mitaha amin’ny “misarika” – dia nahitana mora foana teksta mifandray aminy.

Araka ny fomba fijery *antropolojika* : Ny fanazavana ny Testamenta Taloha amin’izao taonjato faha XXI izao dia mampivoitra manokana ny anjara asan’ny *ger* – ny vahiny voaaro – amin’ny maha mpandrafitra ny maha izy azy ny firenen’Israely azy. Ny tsy fananana

toeram-ponenana maharitra, izay haika/fanamby lehibe ho an'ny ankamaroan'ny mpifindra monina, dia aseho ao amin'ny Testamenta Taloha ho tahaka ny fitsipika sy zavatra ivelan'ny fitsipika nefafena. Ekena fa ny fananana toeram-ponenana maharitra no idealy. Ny maha babo no sehatra iassana amin'ny fanazavana ny teksta maro, ary ny maha ger, noho izany, dia aseho ho lazaina (ianareo dia ger) sy renifameno (ianareo dia tokony hanaja ny ger). Araka ny fomba fijery *teolojika*: Ny fanazavana ny Testamenta Taloha amin'izao taonjato faha XXI izao dia mampivoitra ny maha zava-dehibe ny fahazahoana manieran-jiaby an'Andriamanitra mifandray amin'ny fifindra-monina. An-daniny, Yahweh dia manaraka ny fireneny izay mifindra monina ombieny ombieny; tsy voafetra amin'ny faritra ara-jeografika tokana (ny tempolin'i Jerosalema) ny fanatrehany, fa manaraka izay ifindran'ny Isiraely izy – eo alohany sy aoriany (Eksodosy 14 : 19, Isaia 52 : 12) – ary ny olona mivavaka Aminy amin'ny alalan'ny tabernakely izay azo enti-tanana. An-kilany indray, Yahweh dia aseho ho Andriamanitry ny mpifindra monina rehetra, tsy heverina ho nahatonga ny fifindra-monin' Isiraely niala tany Egypta ihany, fa isaina ho nahatonga ny fialan'ny Filistina avy any Kaftora sy ny Syriana avy any Kira (Amosa 9 : 7).

Araka ny fijery ara-*etika*: Ny fanazavana ny Testamenta Taloha amin'izao taonjato faha XXI dia manaiky fa ny mpifindra monina – indrindra nandritra ny fanjanahantany – dia matetika nampiasa ny Testamenta Taloha hanamarinana ny fironana ara-politika sy aratoekarena narahiny, ka nampitondra faisana ny sasany tahaka ny fampijaliana sy fampahoriana nihatra tamin'ireo teratany tao Amerika Avaratra. Nandritra ny taonjato faha XX, ny manapahaizana biblika dia nahatsapa miandalana fa tsy nisy nadio ireo fandikana/fanazavana ankarihary ny hevity ny Baiboly (no innocent, public interpretation of the Bible) (Fiorenza 1999), ary ireo rehetra izay nandray anjara tamin'ny fanazavana ny hevity ny Baiboly dia tompon'andraikitra

avokoa eo amin'ny lafiny etika manoloana ny toe-javatra naterak'izany fanazavana ny hevity ny Baiboly nataony izany.

Ny Testamenta Taloha dia ahitana karazana teksta sy fotokevitra maro izay mampivoitra ny fomba niainana ny fifindra-monina, ary ireo teksta sy fotokevitra ireo dia mbola mamatotra ireo olona taty aoriana izay miaina toe-javatra mitovy amin'izany. Koa satria isika Kristiana mahatsapa ny maha zava-dehibe ny fifindra-monina teo amin'ny asa misiona fahiny sy ankehitriny, noho izany, dia tokony hanaiky isika, fa ny Testamenta Taloha dia manan-kambara betsaka ho fampivoarana ny teolojia momba ny fifindra- monina amin'izao andrantsika izao.

Toko fahefatra

Ny teksta sy fotokevity ny Testamenta Taloha momba ny teolojian'ny fivavahana

Manerana ny Testamenta Taloha dia ahitana teksta – isan-karazany : fitantarana, hira, lalàna, fahendrena, sns. – izay mampifandray ny finoana, sy ny fiainan'Isiraely fahizay amin'ireo fomba fivavahana mitovitovy izay nananan'ireo mpifanolobodirindrina taminy. Rehefa mijery amin'ny fomba fandinihana misiolojika ny Testamenta Taloha isika, dia tokony hanotany tena raha toa ka misy zavatra azontsika ianarana avy amin'ireo teksta ireo, mahakasika ny fandinihana misiolojika sy pratika misionaly izay ataontsika.

Mazava ho azy fa tranainy tahaka ny asa misiona Kristiana koa izany fanontaniana izany. Tany amin'ny toerana rehetra izay nalehan' ny fiangonana, dia tsy maintsy nifandray tamin'ny finoana, ny fanompom-pivavahana, ary ny fiainana ara-tsosialy araka ny konteksta nisy ny fiangonana. Tao Atena, i Paoly dia nandray ny kolontsaina sy ny fivavahana nisy tao an-toerana hahafahany manazava ny fanambarany an'i Kristy (Asa. 17), ary teto Madagasikara, ny misionery Britanika izay nandika ny Baiboly tamin'ny teny malagasy ny Baiboly tamin'ny 1820, dia tsy maintsy nitady voambolana teto an-toerana mba ahazoany nampita ny hafatra tiany ambara. Raha nandika ny Genesisy 1 : 1 izy ireo dia tsy maintsy nitady voambolana Malagasy izay mifandray amin'ny "Elohim" Hebreo, ary dia ny hoe "Andriamanitra" no noraisiny. Fantatr'izy ireo tsara ny olana mety haterak'izany, satria izany teny izany dia efa banana ny heviny manokana izay mifandray amin'ny zavatra hafa teo amin'ny Malagasy. Nampiasainy ihany anefa izany, ary nanantena izy ireo fa hahitsin'ny hevitra biblika izany.

Torak'izany koa, rehefa nandika ny Isaia 6 : 4, misy ny "qadosh" intelo, izay mbola ampiasaina amin'ny litorjian'ny fandraisana, dia nisafidy ny fahampiasa ny voambolana Malagasy hoe "masina" izy ireo. Mbola fantatr'izy ireo koa ny fifandraisan'izany teny izany amin'ny fivavahan-drazana, saingy tsapan'izy ireo fa izany no tandrify, ary nanantena izay ireo fa hanitsy ny fiheverana teo aloha ny hevitra biblika. Ny ohatra manaraka, tsy dia mahakasika ny voambolana loatra, izay naroson'i Lars Vig. Taonjato iray lasa izay, ao amin'ilay boky nosoratany mahakasika ny fanaovana joro teo amin'ny fomban-drazana Malagasy, dia navoitrany fa misy fifandraisany akaiky ny fomba fanaovana joro sy ny fisoronana ao amin'ny Testamenta Taloha. Amin'io lafiny io, i Vig dia milaza fa ny fomba fiheverana ny joro/sorona teo amin'ny fomba Malagasy dia tokony hampiasaina mba hanakaikezan'ny asa misiona Kristiana an'ireo mpandala ny fomban-drazana Malagasy (Vig 1913).

Tao anatin'ny dimampolo taona lasa, ny teololian'ny fahamaroam-pivavahana— izany hoe, ny fomba fandinika arasyematika mahakasika izay mety hahazoana ny fivavahana tsy Kristiana araka ny fomba fijery Kristiana – dia lasa sampana iray manandanja ao amin'ny misiolojia Kristiana. Ny fiangonana Protestanta, ohatra ny ao amin'ny sehatry ny firaism-pinoana ao amin'ny Konsily ny Fiangonana Maneran-tany (World Council of Churches), sy ny Fiangonana Katolika Romana, indrindra taorian'ny Konsily Vatican II, dia niezaka hatrany ny hahazo ny finoan'ny fivavahana tsy Kristiana. Koa satria ny Testamenta Taloha dia ahitana teksta betsaka – amin'ny endrika samihafa : fitantarana, hira, lalàna, fahendrena, sns. – izay mampifandray ny finoana, ny fomba fivavahana, ary ny fiainan'Isiraely fahizay sy ireo fomba fivavahan'ireo mpifanolobodirindrina taminy, dia mihevitra aho fa ny fandinihana akaiky ireo teksta tranainy ireo no mety ahazoantsika hevitra handrafetantsika ny teololian'ny fahamaroam-pivavahana.

Noho izany, ity toko ity dia hiresaka fohy momba ireo toetra/endrika fototra mahakasika ny fomba ahafahan'ny fiangonana mampiasa ny Testamenta Taloha hampivelarany ny teololian'ny fahamaroam-pivavahana. Ny fomba hanatanterahana izany voalohany, dia amin'ny alalan'ny firesahana ireo fomba fijery telo izay heverina fa mahasahana ireo fomba fiasa telo hoentina miatrika ny olana. Ny faharoa, dia hanolotra tsikera mahakasika ireo fomba fijery telo ireo aho.

Ireo fomba fiasa telo entina hiatrehana ny olana

Ny fomba fiasa voalohany dia antsoina hoe “inclusivism”, ka ilay mpikaroka momba ny Testamenta Taloha avy any Afrika Atsimo James A. Loader (Loader 1985) no nanolotra ny ohatra mahakasika ny fomba mety ahafahan'ny misiolojia amin'izao andrantsika izao mampiasa ireo hevitra avy ao amin'ny Testamenta Taloha hanorenana ny teololian'ny fahamaroam-pivavahana “inclusive”. Ny hevi-dehibe aroson'i Loader dia ny hoe : ilay Andriamanitra izay fantantsika ao amin'ny Testamenta Taloha hoe “Andriamanitr'Isirael” dia karazana fomba fiteny iombonana entina ilazana ireo andriamanitra avy amin'ny konteksta ara-kolontsaina hita ao amin'ny Testamenta Taloha. Tao anatin'ny taonjato maro, nisy anarana sy fiheverana momba an'andriamanitra samihafa izay nifanatona ka niombona tamin'ilay “Andriamanitr' Isirael”. Araka ny Testamenta Taloha, dia tsy misy afatsy Andriamanitra tokana, nefo io Andriamanitra io, hoy izy, dia mitovy amin'ireo andriamanitra maro avy amin'ny konteksta ara-kolontsina mitovy endrika. Mba hahatongavany amin'io fotokeviny io, i Loader dia tsy maintsy mitondra ny fanadinhana ataony ivelan'ny tektstan'ny Testamenta Taloha izay ananantsika ankehitriny, ka tsy maintsy mijery ireo tradisiona sy dingam-pivoarana nisy ao mahakasika ireo teksta ankehitriny ireo fa tsy mianina fotsiny amin'ny fanazavana ireo teksta ireo.

Andeha ary hojerentsika ny vitsivitsy amin'ireo hevitra alahany. Atomboka amin'ny fivavahan'ny Patriarka, izay iresahan'i Loader momba ny voambolana hoe "Andriamanitr'i Abrahama", "Andriamanitr'Isaka", "Andriamanitr'i Jakoba", izay heveriny fa misolotena andriamanitra maro. Ny Patriarka tsirairay, na ny lehiben'ny foko no namorona ny fomba fivavahana amin'ny Andriamaniny, noho izany ny fokon'i Abrahama dia nivavaka tamin'ny Andriamanitr'i Abrahama, ary dia tahak'izany avokoa ny sisa rehetra. Ireo Patriarka dia nonina tamin'ny tany lonaka teo amin'ny sisin'ny tany Kanana. Taty aoriana, nandritra ny fambaboana ny tany Kanana, ny foko samihafa dia nitondra ny andriamaniry ny foko isan-karazany tamin'izany faritra vaovao izany. Tamin'io fotoana io dia nisy vondron'olona sasany izay nuditra tamin'io faritra io koa. Isan'izany ireo vondron'olona avy any Atsimo, izay nitondra niaraka taminy ny fivavahana amin'Yahweh, ilay Andriamnaitra izay nanavotra azy teo an-tanan'ny Egyptiana sy nanambara tena taminy tao amin'ny tendrombohitr'i Sinay. Ireo izay nanompo an'Yahweh sy ireo nanompo ny andriamanitra-ray dia samy lasa nahafantatra ny andriamanitra Kananita, El, avokoa rehefa tonga tao Kanana. Ireo karazam-pivavahana telo ireo (ireo andriamanitra-ray, ny Yahwism, ary ny ampahany amin'ny fivavahan'ny Kananita) dia nifandimby niombona tamin'ilay fivavahana fantatra amin'ny anarana hoe fivavahan'Isiraely, ary ireo andriamanitra dia lasa "Andriamanitr' Isiraely".

Ny fampiaharan'i Loader ara-misiolojia ireo teoria momba ny fivoaran'ny fivavahana teo amin'Isiraely fahizay dia hoe : Ilay Andriamanitra tokana sy marina tsy voafetra ho azo fantarina amin'ny fivavahana tokana ary ny famonjena ny olona dia tsy miankina ami'ny fivavahan'izy ireo. Eken'i Loader fa izany fanambarany izany dia mifanohitra amin'izay ambaran'ny Testamenta Vaovao, saingy araka ny heviny, dia tonga izao ny fotoana izay handraisantsika ny Testamenta Taloha ho fanitsiana ny Testamenta Vaovao, farafahakeliny mahakasika resaka teololian'ny fivavahana samihafa ity.

Ny fomba fiasa faharoa dia azo antsoina hoe “exclusivism”, ka ilay mpikaroka Amerikana momba ny Testamenta Taloha Gleason L. Archer no manolotra ohatra hanazavana izany. Amin’ny alalan’ny fomba nentin-drazana sy fifikirana aminy no andaharany hevitra mifanohitra tanteraka amin’ny an’i Loader. Archer dia tsy ta-hanamarina ny teolojian’ny fivavahana samihafa amin’ny alalan’ny fijery “inclusivist”. Asehony kosa amin’ny alalan’ireo ohatra avy ao amin’ny Testamenta Taloha ny fomba ahafahana miala amin’ny “inclusivism”. Entiny manazava io lafiny io, dia mandray ho ohatra olona roa avy ao amin’ny Testamenta Taloha i Archer, dia i Josefa sy Daniela. Izy roa ireo dia samy niaina tao anatin’ny konteksta nahitana fahamaroam-pivavahana, ka heverina fa afaka mampianatra ny misionery sy ny fiangonana ankehitriny, izay miaina toe-javatra tahak’izany koa. Amin’i Archer, i Josefa dia heverina ho olona mahitsy izay tsy nanafina ny finoany na oviana na oviana. Na dia tamin’ny fotoana nihaonany tamin’i Farao izay nambara fa andriamanitra aza, dia nanome voninahitra ny Andriamanitra notompoiny izy noho ny fahafahany nanazava ny hevity nynofy (Genesisy 41 : 16). Amin’ny maha Praiministra Egyptiana azy dia mety tsapany fa nila ny fandraisany anjara tamin’ny fanompoana sy ritoaly “jentilisa” io toerana nisy azy io, nefo tsy nanao izany izy. Eny, fa na dia niaina araka ny fomba fiainana sy ny fitsipi-piaianana Egyptiana tanteraka izy ka sarotra tamin’ireo rahalahiny ny namanatatra azy, dia tsy mba nisy fiantraikany velively tamin’ny finoany an’Yahweh izany.

Izany toetra nasehon’i Josefa izany dia hitan’i Archer ao amin’ny tantaran’i Daniela koa mahakasika ny fifandraisany amin’ny “jentilisa”. Na dia isan’ireo mpianatra tao amin’ny lapan’i Babylona azy i Daniela dia tsy nanaiky hihinana sakafo izay mety handoto azy (Daniela 1 : 8 snm.), ary rehefa nanazava ireo nofy faminanian’ny mpanjaka Nebokadnezara izy dia nanambara ny finoany “an’ Andriamanitra any andanitra” (Daniela 2 : 28). Ary na dia noraran’ny mpanjaka Dariosy aza izy dia mbola nanompo ankarihary ny

Andriamaniny (Daniela 6 : 1 snm.). Amin'ny fijerin'i Archer, i Josefa sy Daniela dia samy nifikitra tamin'ny finoan'izy ireo avokoa. Nisy akony tamin'ny fifehezantenany ara-tsakafo, ny fitondra-tenany, ary ny fiheverany momba ny fahamarinana izany. Izy roalahy ireo dia samy navitrika tamin'ny fandraisana anjara fampivoarana ny kolontsaina nisy tao an-toerana. Samy nahay nanazava ny hevitry nynofy koa izy ireo. Ny zava-dehibe indrindra anefa, dia ny tsy fahitana soritra ilay antsoin'i Archer hoe fihatsaram-belatsihy ara-kolontsaina na ara-pivavahana ao amin'ireo fitantarana roa ireo. Samy nifikitra mafy tamin'ny finoany izy ireo.

Mazava be ny fomba ampiharan'i Archer izany hevitra izany ara-misiolojia. Ny misionery dia tsy maintsy manana toeatra afaka mahay mifandray amin'ireo olona miara-miasa aminy. Ny misionery dia tsy maintsy manaiky hiaina araka ny fomba fiainana sy fitsipi-piainana ao amin'ny toerana iasany. Nefo rehefa mahakasika finoana ny resaka, dia tsy misy safidy azo atao afatsy ny fandavana tanteraka ny fivavahan'ny tompon-tany.

Ny fomba fiasa fahatelo dia azo antsoina hoe “typological”, ka ilay misionery sy mpikaroka biblika avy any Ostralia Graham S. Ogden no manolotra ohatra momba izany ao amin'ny hiran'i Kyrosy (Isaia 44 : 24 - 45 : 13) (Ogden 1977). Hitan'i Ogden fa ny hiran'i Kyrosy dia mampivoitra ny asan'Andriamanitra fa tsy miresaka momba an'i Kyrosy akory. Amin'ny hery sy fahefana no ampiasan'Andriamanitra ny Mpanjakan'i Persia hanatanteraka ny fikasany hanasoavana an'Isiraely. Amin'i Ogden, io dia azo raisina ho ohatra entimanatanteraka ny asa misiona moderna Kristiana. Ny asa misiona Kristiana dia tena asan'Andriamanitra koa. Ny hiran'i Kyrosy no manampy antsika hahazo, fa mandrak'androany, Andriamanitra dia afaka mampiasa ny olona ivelan'ny fiangonana hanefany ny fikasany. I Kyrosy tsy niova ho Jiosy nefo nijanona ho olona matahotra an'Andriamanitra tao amin'ny fivavahany sy ny tradisiona ara-

kolontsaina nananany. Noho izany, tokony hanaiky isika fa mety hisy olona mahalala an'Andriamanitra koa amin'ny konteksta ara-pivavahana hafa noho ny antsika.

Ogden dia manaiky fa rehefa mihaona amin'ny olona Andriamanitra dia fiovam-po no aterak'izany. Izany fiovam-po izany anefa dia tsy voatery ho avy amin'ny fomba tokana ihany (fivavahana) ho amin'ny hafa (Batisa sy maha mpikambana amin'ny fiangonana). Amin'i Ogden, ny hiran'i Kyrosy no maneho amintsika fa ny fiovam-po dia mety ho azo avy amin'ny kontesta ara-pivavahana hafa, ka ny Silamo dia mety ho lasa Silamo tsaratsara kokoa, ny Bodista dia hanjary Bodista tsaratsara kokoa, sns.

Tsikera mikasika ireo fomba fiasa telo ireo

Hitantsika teo ireo fomba fiasa telo entin'ny misiolojia mampiasa ny Testamenta Taloha mahakasika ny teololian'ny karazam-pivavahana. Izy ireo dia samy mahatonga fanontanina momba ny natioran'ny Testamenta Taloha sy ny misiolojia avokoa.

Na izany aza, dia toa ny fifandraisana misy amn'ny fikarohana biblika sy ny misiolojia amin'ny maha tafiditra azy ao amin'ny teolojia systematika no fanontanina lehibe indrindra. Hatramin'ny sehatra manao ahoana no hanarahan'ny mpahay misiolojia ny mpanao heviteny? Tsy afaka manome valiny feno mahakasika izany eto sy ankehitriny isika, mila toerana malalaka be lavitra noho ny ananako ankehitriny izany (cf. eo ambany koa, Toko fahafito). Na izany aza, dia te hilaza aho hoe mifanakaiky tanteraka ny fifandraisian'izy ireo. I Charles R. Taber, izay misionery Amerikana tany Afrika Afovoany ary mpampianatra misiolojia, dia nilaza fa ny mpahay misiolojia dia nampiasa ny Baiboly tsy am-piheverana sy tsy am-pandalinana, ka nahatonga ny teoria misiolojika tsy nanana fototra matotra ara-keviteny (Taber 1983). Tsy dia azoko antoka loatra na marina na tsia ny

fitsikerana ataon'i Taber momba ny misiolojia, satria tsapa fa tsy maintsy manome lanja ny fikarohana biblika ny misiolojia, ary amin'ny lafiny sasany dia tsy maintsy mampiasa ny fomba fampiasa ao handinihana ny tekstan'ny baiboly. Araka ny konteksta iainantsika, dia midika izany fa ireo fanontaniana napetraka ao amin'ireo fomba fiasa telo voalaza etsy ambony dia tsy maintsy dinihina amin'ny alalan'ny fampiasana taranja maro, izany hoe amin'ny alalan'ny fomba fijery misiolojika sy araka ny Testamenta Taloha. Ny misiolojia dia tokony ho resy lahatra hampiasa ny fitaovana atolotry ny mpanao heviteny. Ankilany koa anefa, ny mpanao heviteny dia tokony hanaiky fa ireo fanontaniana ireo dia tsy mahakasika ny lafiny ara-tantara ihany fa mahakasika ny olana fototra eo anivon'ny fiangonana ihany koa.

Andeha handroso tsikera fohy mahakasika ireo fomba fiasa telo voaresaka etsy ambony; atomboka amin'ny fomba fijery mahakasika ny fandinihana Testamenta Taloha. Amin'izy telo ireo, ilay natolotr'i Ogden no toa tsy mametraka olana indrindra araka ny fijerin'ireo mpikaroka momba ny Testamenta Taloha. Izay ambarany mahakasika ny hiran'i Kyrosy dia tsy miteraka adihevitra velively. Mahakasika ny hevitri'i Archer indray, dia ny mifanohitra amin'izany no hitanay. Ny hevitra arosony dia voakasiky ny fitsikeran'i Taber momba ny fampiasana ny Baiboly tsy misy fandalinana. Ireo ambarany momba an'i Josefa sy Davida dia tena tsy ahitana tsangan-kevitra matotra, fa mianona fotsiny amin'ny famerenana izay lazain'ny teksta. Ny tena zava-dehibe ao amin'izay ambaran'i Archer sy izay voalaza ao amin'ny Baiboly, dia ny fahaizan'i Daniela sy Josefa manazava ny hevity nynofy. Tsy ny Israelita ihany anefa no afaka nanazava ny hevity nynofy ara-pivavahana. Izany toe-javatra izany dia fahita tamin'iny faritra Akaiky Atsinana Tranainy iny, ka i Josefa sy Daniela dia nanazava ny hevity nynofy ho fanehoana fifaninanana amin'ireo manam-pahaizana ara-pivavahana hafa nisy tany an-toerana. Eto isika dia miatrika olana ara-teolojika mahazatra, olana izay tokony ho efa voaresak'i Archer :

Inona no ifandraisan'ny fanazavana ny hevitry nynofy teo amin'ny Egyptiana/Babyloniana (izay i Daniela no mba miresaka azy, Daniela 1 : 3 sns.), sy ny fanazavana nataon'i Josefa sy Daniela?

Ny lohahevitra hafa izay manan-danja amin'ny teologian'ny fahamaroam-pivavahana dia ny fifandraisan'i Josefa sy Daniela tamin'ireo fombafombam-pivavahana teo an-toerana. Voalazan'i Archer fa i Josefa dia tsy maintsy nahatsapa ny tokony handraisany anjara amin'ny ritoaly sy fanompoam-pivavahana teo an-toerana amin'ny maha Praiministra azy, nefä tsy nanao izany izy. Na izany aza, dia fiheverana lany andro ihany ny finoana fa i Josefa dia afaka ho Praiministr'i Farao nefä tsy nandray anjara tamin'izany fanompoam-pivavahana izany. Mifanohitra amin'izany no tena izy, ny Genesisy 41 : 37-45 dia toa mampiseho ny fampiasana ny ritoalim-pivavahana Egyptiana tamin'ny nanokanana an'i Josefa tamin'ny andraikiny. Ny fanambadian'i Josefa ny zanakavavin'ny mpisorona teo an-toerana no mamarana ny fitantarana rehefa avy nomena anarana Egyptiana izay manana hevitra ara-pivavahana izy (cf. ny anarana Babyloniana nomena an'i Daniela, Beltesazara, dia avy amin'ny anaran'ny andriamanitra Babyloniana Bel/Marduk). Tsy midika izany hoe synkretista (manafangaro fivavahana samy hafa) i Josefa sy Daniela – araka ny hevitra modern'ilay teny – na koa hoe izy ireo ilay antsoin'i Archer hoe mpihatsaravelatsihy ara-pivavahana. Ny tiana hambara, dia sarotra ny manamarina amin'ny alalan'ny teksta fotsiny ihany ny fanoritsoritana manokana ataon'i Archer momba ny teologian'ny hamaroam-pivavahana ao amin'ireo teksta biblika momba an'i Josefa sy Daniela.

Farany nefä tsy kely indrindra, mahakasika ny hevitr'i Loader, dia hitantsika taratra ao ny fandraisany anjara amin'ny lohahevitra dinihintsika izay mety horaisina ho fiantsiana amin'ny tontolo misiolojika sasany. Amin'ny fomba fijerin'ny mpikaroka momba ny Testamenta Taloha sasany anefa dia azo tsikeraina ihany izany heviny izany. Lafiny iray amin'izany ohatra ny fianteherany be loatra amin'ny fomba fijery ny fivavahana patriarkaly izay toa efa lany andro ihany.

Ny lafiny faharoa, dia ny fampiasany ny tekstan'ny Testamenta Taloha amin'ny alalan'ny fifantimpantenana. Ireo teksta izay mitsikera ny fivavahana hafa ohatra dia tsy isan'ireo fanteniny hampiasaina. Ninian'i Loader natao anefa izany; noheveriny fa tsy misy tombony azo avy amin'izany teksta mivoy fitsikerana izany, satria ireo niandraikitra ny fanontana ny Testamenta Taloha no nampiditra ankeriny azy ireo tao. Izany lafiny izany, amin'ny fijeriko, no fanoherana tsara havoitra indrindra mahakasika ny fomba fampiasan'i Loader ny tekstan'ny Testamenta Taloha : Inona no tokony ho fototry ny Testamenta Taloha? Ireo teksta ve sa ny teoria momba ny tontolo manodidina azy arantara? Tsy misy fomba tsotra hamaliana izany fanontaniana izany anefa. Na izany aza, ny metodolojian'ny teolojian'ny Testamenta Taloha izay resahina betsaka dia miombon-kevitra amin'i Loader; tsy maintsy ekena fa raha ny endrika ankehitriny ananan'ny Testamenta Taloha no ironan'ny fisainantsika, ka tsy mihevitra izay fomba nivoaran'ny fivavahan'Isiraely fahizay, dia mety ho fomba fiasa lany andro izany. Na izany aza, toa hita fa lasa lavitra loatra i Loader. Izy dia mamela ireo teoria azo iadian-kevitra momba ny fivoaran'ny teolojian' Isiraely tranainy hahazo vahana loatra, ka lasa izy ireo indray no mamaritra hoe inona amin'ireo hevitra ambaran'ny teksta no tokony hilaozana ary inona no tokony hotazomina.

Rehefa avy namakafaka ny hevitri'i Ogden, Archer sy Loader, dia mahatsapa aho fa tokony hizarazara isika raha miresaka momba ny toetra *iray* ao amin'ny Testamenta Taloha manoloana ny fivavahana hafa. Maro karazana ny hevitry ny teksta ary ho mora ny hahatonga ny vokatry ny fanadihadiana ireo hevitra ireo ho samy hafa. Na izany aza, isika dia hanotrany raha toa ka ny teksta afaka manolotra *via media* eo anelanelan'ny *inclusiveness* – n'i Loader sy ny *exclusiveness* – n'i Archer. Ny fifandonan'Isiraely lavareny tamin'ny fivavahan'ireo mpifanolobodirindrina taminy dia nandalo vanipotoan'ny fizàrana sy fandavana. Nefa ny zavatra niainan'Isiraely dia sady tsy fizàrana be fahatany no tsy fandavana tsotra izao. Ny zavatra tena tsapa, dia nisy

akony avy any ivelany foana teo amin'ny fiainan'Isiraely, na teo amin'ny lafiny fanompoam-pivavahana na teo amin'ny lafiny teolojia. Na izany aza, izay rehetra noraisina avy any ivelany dia nandalo fanovana ifotony mialoha ny hahatonga azy ho isan'ny fomba fanao teo amin'ny fivavahan'Isiraely. Ny ohatra tsara indrindra mahakasika izany, dia ny fihetsika/toetra nasehon'Isiraely manoloana ny andriamaniry ny Kananita El sy Bala. Raha toa ka ny fiheverana momba ny El no nekena hampidirina ao amin'ny Yahwism, ny hevitra momba ny fanompoam-pivavahana atao amin'ny Bala izay *cyclique*, dia noheverina mandrakariva ady hatrehina ary i Baal dia noheverina ho mpifanandrina amin'Yahweh.

Manarak'izany, raha iverenana ny tsikera momba ireo fomba fiasa telo amin'ny fomba fijery misiolojika, dia avy hatrany dia tojo ny olana mahazatra mahakasika fomba ahafahan'ny fiangonana mampiasa ny Testamenta Taloha isika. Ilay hevitra naroson'i Loader ankitsipo ho fiantsiana, ka ilazany fa ny Testamenta Taloha dia tokony havela hanitsy ny Testamenta Vaovao, dia toa karazana fandavana moderna mahakasika ny tsy faneken'i Marcion ny Testamenta Taloha. Samy tokony ho lavina avokoa anefa ireo fomba fijery roa tonta ireo. Tsy maintsy ampiasaina ny Testamenta Taloha, nefo tsy maintsy amin'ny fomba Kristiana no anaovana izany. Ny fiangonana dia tsy maintsy manorina ny fomba fampiasany ny Testamenta Taloha amin'ny fototra teolojika miainga avy amin'ny teksta, fa tsy amin'ny teoria azo iadian-kevitra momba izay mety ho fomba nivoaran'ny fivavahan'Isiraely fahizay. Ilay fomba fiteny malaza nataon'i Augustin hoe : "ny Testamenta Vaovao dia miafina ao amin'ny Testamenta Taloha, ary ny Testamenta Taloha dia mivelatra ao amin'ny Testamenta Vaovao" dia mety tsy heken'ny mpikaroka biblika sasany. Nefo raha mahakasika ny fiangonana sy ny fampiasany ny Testamenta Taloha kosa, dia tena zav-dehibe ny firaisana sy ny fitohizan'ireo testaments roa ireo. Midika izany, fa ny mpahay misiolojia dia tsy maintsy mamaky ny Testamenta Taloha araka ny hevity ny Vaovao. Ny antony anaovany izany dia tsy

noho ny fivoaran’ny fahatsapana momba an’Andriamanitra fa kosa noho ny maha Tompon’ny fiangonana an’i Jesosy. Ny fiangonana dia tsy hampianatra misiolojia mifanohitra amin’izay nambaran’i Jesosy mihintsy. Raha toa ka manao izany ny fiangonana, dia tsy Jesosy intsony no Tompo.

Ny lohahevitra manandanja hafa dia ny fifandraisana misy amin’ireo hevitra ankabobeny sy ireo andalana madinika ao amin’ny Testamenta Taloha. Tsy mety raha toa ka maka ireo andalana madinika ao amin’ny Testamenta Taloha ka mampiasa izany amin’ny toe-javatra iainantsika nefä tsy mijery akory ny sisa ao amin’ny Testamenta Taloha na ny Vaovao. Marina fa afaka mampiasa ireo andininy manokana isika, nefä mba hanazavana sy hanohana ny hevi-dehibe ihany. Marina, araka ny anambaran’i Ogden azy, fa Andriamanitra dia nampiasa ny mpanjaka Persiana Kyrosy mba hampody ny firenen’i Joda hiala tany Babylona. Misy ihany koa ireo “jentilisa masina” ao amin’ny Testamenta Taloha, toa an’i Melkizedeka, Balama, sy Rota. Na dia izany aza, dia tsy maintsy mitandrina isika rehefa mampiasa izany fitantarana izany amin’izao andro iainantsika izao ka mampiasa izany ho ohatra mahakasika ny fampiasan’Andriamanitra ny olona ivelan’ny fiangonana ankehitriny. Ny andininy madinidinika dia tsy maintsy vakina araka ny hevity ny konteksta lehibe misy azy.

Ahoana izany ny momba ireo zava-mahaliana an’i Loader sy Archer, ny fanaovana tombana ara-teolojia ireo fivavahana hafa ao amin’ny Testamenta Taloha. Te hieritrerita aho hoe ny zava-dehibe azontsika ianarana eto, dia ny hoe tena isankarazany ny hevity ny teksta. Na izany aza, ny firehana be indrindra dia mankany amin’ny *fiaraha-misin’ny fizàrana* sy ny fandavana. Rehefa nifanehatra tamin’ ny kolontsaina sy ny fivavahan’ireo mpifanolobodirindrina taminy Isiraely fahizay, dia nahita toe-javatra izay mifanohitra tanteraka amin’ny fahitany momba an’Andriamanitra izy ka voatery nandà izany. Nisy ihany koa anefa ireo toe-javatra sasany hitany izy azo novaina sy nafindra ho amin’ny fivavahany.

Mazana ny teolojia loterana dia mijery ny fivavahana hafa araka ny fifandroritana misy amin'ny lalàna sy ny filazantsara, sy eo amin'ny fahariana sy ny fanavotana. Izany hoe ny olona rehetra dia samy manana *karazam-pahalalana* momba an'Andriamanitra, nefo eo amin'ny sehatry ny lalàna/fahariana, fa tsy amin'ny sehatry ny filazantsara/fanavotana. Arak'izany, ny misiolojia loterana, dia hampiasa ny fahalalana momba an'Andriamanitra izay efa ananan'ny olona hafa finoana ho teboka hiaingana amin'ny fampianarana sy fitoriana ataony. Azo lazaina fa tsy mifanaraka amin'ny vanim-potoana ny filazana fa i Isiraely fahizay dia nahatsapa ny fivavahan'ireo mpifanolobodirindrina taminy araka ny fifandroritana misy amin'ny lalàna sy ny filazantsara, sy eo amin'ny fahariana sy fanavotana. Na izany aza, dia mety afaka handroso sosenkevitra ihany isika, fa ny misiolojia Kristiana ankehitriny dia afaka mandinika ny teololian'ny Testamenta Taloha momba ny fahamaroam-pivavahana amin'ny fanarahana ny modelin'ny lalàna/filazantsara.

Fehiny

Ny famaranana ny resantsika – ahoana no fomba ahafahan'ny misiolojia mandinika ny teololian'ny Testamenta Taloha momba ny fahamaroam-pivavahana? – dia ahitana lafiny roa. Voalohany, ny Testamenta Taloha dia tokony hampiasaina. Ahitana hevitra tandrify sy ilaina ao amin'ny boky manontolo. Faharoa, ny Testamenta Taloha dia tokony hampiasaina araka ny fiheverana teologika. Ny Testamenta Taloha dia tsy natao hanitsiana ny Testamenta Vaovao, fa hanohanana azy sy ho tari-dalana hanazavana azy.

Mety hisy hanotany hoe: arak'izany fiheverana izany, moa ve hahaliana na koa hahasarika ny mpahay misiolojia ny fampiasana ny Testamenta Taloha amin'ny fikarohana ataony? Raha toa ka tsy maintsy hovakiana araka ny fijerin'ny Testamenta Vaovao avokoa ny zavatra rehetra, moa ve tsy efa azo mialoha ny valiny? (Ka dia tsy maintsy

apetraka ny fanontaniana : Inona no tena hevitry ny Testamenta Vaovao momba ireo fanontaniana ireo?) Na izany aza, raha toa ka natao ho tanjona hamantarana ny hevitra *inclusivist* na *exclusivist* – na koa typolojika – ihany, dia tsy hisy vokatsoa ireo foto-kevitra maneho izay tokony ampiasan’ny fiangonana ny Testamenta Taloha ireo. Amin’ny lafiny hafa, raha toa ka natao ho tanjona ny hanazavana bebe kokoa ny teolojian’ny fiangonana momba ny fivavahana miaraka amin’ny hevitra biblika, na koa handraisana ny fomba nataon’Isirael hiatrehana ny fanamby sy ny olana mitovy amin’izay atrehin’ny fiangoanana sasany ankehitriny; noho izany ny teolojian’ny Testamenta Taloha dia tena tokony ho loharano anovozana ny misiolojia.

**Ny teksta sy fotokevitra ao amin'ny Testamenta
Taloha momba ny teolojia an'i Afrika**

Ity toko ity no itrandrahana ny hevitra ara-teolojikan'ireo teksta neverina fa mahakasika ny Afrikana ao amin'ny Testamenta Taloha, eny ao anatin'ny Baiboly manontolo mihintsy aza. Ny taranja misilojia ankehitriny dia nanokana fotoana betsaka hamelabelarana momba ny teolojia ara-konteksta, izay tsy fakana tahaka be fahatany ny teolojia tandrefana fa kosa teolojia nateraky ny fandinihana ny zava-misy eny ifotony ivelan'ny tontolo tandrefana. Ny hevitr'izany, eo amin'ny konteksta Afrikana sy Malagasy, dia teolojia izay maneho ny traikefa na haizatra ara-piarahamonitorina sy ara-kolontsaina manokana izay an'ny Fianganana sy ny Kristiana Afrikana sy Malagasy.

Raha tarafina araka ny tantaran'ny fanjanahan-tany izay nanilika ny fivavahana nentim-paharazana sy ny kolontsaina sy ny fanaovany tsinotsinona ny kolontsaina sy ireo zava-nanahirana ny Afrikana sy ny Malagasy, dia hita fa zava-dehibe tokoa ny firesahana momba ireo teksta mahakasika ny Afrikana ao amin'ny Baiboly. Izany zavatra izany dia hitantsika ao amin'ity toko ity, izay anaovana fandikan-kevitra mahakasika zavatra roa loha. Ny voalohany dia maneho fa misy zavatra mahakasika an'i "Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly", ary ny faharoa indray dia anehoana fa izany dia "manana hevitra teolojika".

Hahafahana manazava ireo zavatra roa loha ireo sy milaza ny petrakolana momba izany, dia andeha aloha hadika ny hevity ny teksta iray, Amosa 9 : 7, izay mampiditra amin'ny resaka fampitahana an'Isirael firenena voafidy sy ny firenena Afrikana, izany hoe ny Etiopiana. Izany teksta izany dia efa nampiasaintsika tamin'ny

fanazavan-kevitra teo amin’ireo toko etsy ambony, saingy ankehitriny kosa dia hofakafakaina antsipiriany toy izao manaraka izao izy ity :

Moa tsy toy ny taranaky ny Etiopiana va hianareo raha amiko, ry Zanak’Isiraely? hoy Jehovah. Tsy ny Isiraely va no nentiko nivoaka avy tany amin’ny tany Egypta. Ary ny Filistina avy tany Kaftora, Ary ny Syriana avy tany Kira?

Voalohany, raha jerena akaiky izany teksta izany, dia hita avy hatrany fa misedra olana ara-kronolojika ny resaka momba Afrika sy ny Afrikana ao amin’ny Baiboly. Iaraha-manaiky, fa tsy vitsy ireo fikarohana akademika momba io teksta io no miaky fa ny fampiasana ny teny hoe “Etiopiana” dia manondro vondrona foko sy/na politika izay fantatra tamin’ny alalan’ireo tahirin-kevitra avy amin’ny Faritra Akaiky Atsinanana Tranainy, ka ny tany nonenany dia ao atsimon’i Egypta, manamorona ny renirano Neily. Raha lazaina amin’ny fomba hafa, io teny io dia mifandray amin’ny teksta sasany izay miresaka ireo vondron’olona izay mifamatotra ara-tantara amin’ny sisiny avaratra atsinanan’ny taniben’i Afrika. Na izany aza, dia tokony ekena fa ny fisian’ny fifandraisan’ny Etiopiana eto amin’ny Amosa 9 : 7 sy ny taniben’i Afrika araka ny ahafantarantsika azy ankehitriny dia tsy voatery hidika fa “Afrikana” ny Etiopiana. Ny “Afrikana” araka ny maha vondron’olona azy ankehitriny dia zavatra taty aorian’ny teksta ao amin’ny Amosa, izay inoana fa tsy ny mpamaky ny bokin’i Amosa fahiny ihany no tsy mahafantatra ny toerana misy azy, ny hevitra politika sy ideolojika momba azy, fa maro amin’ireo taranaka nifandimby izay mamaky ny literatiora biblika koa.

Raha ambara amin’ny teny hafa, rehefa miresaka momba ny fisian’ny teksta mahakasika ny “Afrikana” ao amin’ny Baiboly isika, miainga avy amin’ny andalana manondro ny “Etiopiana” na ireo vondrona foko na vondrona ara-politika hafa izay fantatsika araka ny maha Afrikana azy ankehitriny, dia tokony hiaiky fa mampiditra teny teknika – sy ara-tsaritany sy/na ara-politika/ideolojika – izay vao taty

aoriana kokoa oharina amin'ny trangan-javatra mahakasika ny teksta izay resahiny. Na izany aza, araka ny tantaran'ny fandikana ny hevity ny Baiboly, ny teny hoe “Afrika” – sy ireo iray tarika aminy (ao amin’izany literatiora ara-tantara izany) “Mainty hoditra”, “Negroes”, sns. – dia tena nampiasaina tokoa, ary ireo teny ireo dia samy manana ny tantarany manokana momba ny hevitra nandikana azy tsirairay, izay mazana mifono hevitra miiba mifandraika amin’ny fanandevozana sy ny fanavakahana. Izany petrakolana mahakasika ny lasan’ny fampiasana ireo teny ireo izany dia tsy tokony hanakana antsika tsy hahita ireo zava-mahaliana ireo mpikaroka momba ny Baiboly Afrikana, rehefa miady hevitra izy ireo ka milaza fa ireo teksta biblika izay miresaka na manondro ireo foko sy/na vondrona ara-politika monina amin’ireo faritra izay fantatra ankehitriny hoe tanibe Afrikana dia tokony hosokajiana ho “Afrikana”. Na izany aza, ny tokony hataony, dia ny mampahafantatra antsika momba ireo haika hermonetikaly izay nateraky ny fiezahana hamantatra izay mahakasika an’i “Afrika” ao amin’ny Baiboly.

Faharoa, ny fanaovana indray mitopy maso amin’ny fandikana ny hevity ny Amosa 9 : 7 dia maneho fa ny resaka mahakasika izay eritreretina ho mifono hevitra teolojika mahakasika ny “Afrikana” dia efa nodininhina tamin’ny fomba hafa. Lafiny roa no tranga mety ahafahana manazava izany. Ny voalohany dia ny fanadihadiana nataon’i Carl Friedrich Keil momba ny bokin’i Amosa tamin’ny antenantenan’ny taonjato faha sivy ambinifolo, izay ilazany fa ny fampitahana an’Isiraely amin’ny Etiopiana dia mampiharihary arateolojia fa voatohitohina ny “antony ara-nofo” izay ilazana fa olomboafidin’Andriamanitra izy ireo. Asongadin’i Keil fa ny fampitahana amin’i Etiopiana misy eto dia mampisongadina lafiny miiba, ary lazainy fa “ny maha mainty hoditra azy ireo” dia mety noheverin’ny olona, indrindra fa ny Israelita, ho toy ny “mariky ny fahamaintisana ara-panahy” (Keil 1866 : 232). Manan-danja tokoa ny fandikan-kevitra ataon’i Keil noho ny fisian’ny akony avy amin’ireo

andiana fanadihadiana izay mikambana aminy. Teo amin'ny fifandrortana hita tamin'ny fandikan-kevitra ara-tantara sy arapitsikerana (*historico-critique*) sy ny dogmatika mifototra amin'ny Testamenta Taloha, ny andiana fanadihadiana nataon'i Keil sy Delitzsch dia noheverina ho toy ny mpandala ny nentin-drazana efa malefaka kokoa, saingy mbola azo nitokisana tsara ara-tantara. Tena maro no namaky ireo andiana fanadihadiana ireo, ka nahatonga azy ho natonta printy matetika (fanontana farany : 2013) ary natao izay mora hahitan'ny olona azy amin'ireo teknolojia ampiasaina momba ny Baiboly (toy ny Logos) sy ny internet (cf.<http://www.studylight.org/com/kdo/>). Na izany aza, izay ataon'i Keil ao amin'ny fandikan-kevitra momba ny Amosa 9 : 7 dia tsy ny fanolorana famakafakana ara-tantara azo antoka. Ny ataony dia ny mampifandray ny Etiopiana ao amin'ny teksta tranain'i Amosa amin'ny Afrika sy ny Afrikana araka ny ahafantarany sy ahafantaran'ny mpamaky azy amin'ny alalan'ny fomba fijerin'ny olona niara-niaina tamin'izy ireo – izany hoe ny Alemana sy ny Britanika ary ny Amerikana tavaratra tamin'ny antenantenan'ny taonjato faha sivy ambinifolo – ny fomba sy ny konteksta niainan'ireo Afrikana. I Keil dia miezaka mampifandray ny fiheverana mahazatra ny Afrikana sy Afrika tamin'ny fotoana niainany ary izay heverina fa Afrikana ao amin'io teksta io, ary izany tsy fahatsapana ny konteksta izany no nahatonga azy hanome lanja ny fiheverana fa ny fahamaintisan'ny hoditry ny Etiopiana dia mariky ny fahamaintisana ara-panahy ananan'izy ireo.

Ny tranga entina manazava hafa dia ny fandikan-kevitra nataon'i David Tuesday Adamo mahakasika ny Amosa 9:7 tamin'ny faraparan'ny taonjato faha roapol. I Adamo, izay Nijeriana manampahaizana momba ny Testamenta Taloha, dia mandà ny fandikan-kevitra miiba ataon'i Keil – sy ny fandikan-kevitra tandrefana iray izay tsy fantatra ny nanoratra azy – ka mifantoka amin'ny lafiny manieran-jiaby hita ao amin'io teksta io :

Ilay Andriamanitra izay nitondra an'Isiraely niala tany Egypta ihany no nametraka ny Afrikana amin'ny toerana misy azy [...]. Ny fifandraisana manokana ataon'Andriamanitra dia fatoran'ny fahamarinana sy ny maha marina. Noho izany, dia tsy mifamatotra manokana amin'ny firenena iray izy, fa tompon'ny rehetra ary manana fifandraisana manokana amin'ny rehetra [...]. Ny fampitahana dia mampiseho eo imason'Yahweh fa mitovy ny fitiavany an'Isiraely sy ny Afrikana. (Adamo 1998 : 100, jereo koa Adamo 1992a).

Adamo dia isan'ireo andiany voalohany amin'ny manampahaizana ara-baiboly Afrikana, andiany izay mitsipaka ny tradisiona momba ny fandikan-kevitra miiba tamin'ny andron'ny fanjanahantany, fa kosa – amin'ny fireharehana ny maha Afrikana – dia mikaroka ireo zava-manandanja mahakasika ny Afrikana ao amin'ny Baiboly. Mazana i Adamo no mitsara ny gazety akademika iray izay nanoro hevitra ny trano fanontana mba handà ny iray amin'ireo artikola nosoratan'i Adamo, ka niampanga azy ho miezaka ny "hanao amboletra hampiditra resaka mahakasika an'i Afrika ao amin'ny Baiboly". Ambaran'i Adamo anefa fa tsy misy antony tokony hanaovana izany satria tena efa ao amin'ny Testamenta Taloha ny resaka mahakasika an'i Afrika (Adamo 1998 and 2006). Izay ataon'i Adamo mahakasika ny Amosa 9 : 7 dia ny mampitsimbadika ny fahazahoana nahazatra hattrizay ny fifandraisany Etiopiana sy ny Israelita. Raha toa ka i Keil sy ireo namany maro mahita ny fampitahana azy roa tonta ireo ho toy ny teny fitsarana, i Adamo kosa dia mahita izany ho tenim-pamonjena. Ny hevitra teolojikan'ilay teksta eto dia tsy hoe voasintona nidina hilahatra amin'ny Afrikana ny Israelita, fa nakarina hilahatra amin'ny Afrikana kosa izy ireo.

Fehiny, hitantsika fa ny Amosa 9 : 7 – izay teksta azo iadiankevitra fa mahakasika ny Afrikana ao amin'ny Baiboly amin'ny lafiny sasany – dia samy hafa ny fomba famakian'ny manampahaizana Alemana tamin'ny antenatenan'ny taonjato faha sivy ambinifolo an-

daniny (araka ny famakiany ny teksta dia maizim-panahy ny Afrikana) sy ny manampahaizana Nijeriana tamin'ny faraparan'ny taonjato faha roapolo an-kilany (ny famakiany ny teksta dia mahatonga fireharehana amin'ny maha Afrikana). Izany fanamarihana fototra izany, ankehitriny aloha, dia ampy hanehoana fa ny fitakiana momba ny hevitra teolojika mahakasika an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly dia tsy resaka mahakasika ny teksta biblika ihany. Izany dia mifandray amin'ny fifandraisana misy eo amin'ny teksta sy ny traikefa ara-tsôsialy sy fivavahana ary ny zava-mahaliana ireo mpanao fandikan-kevitra. Koa satria isika manaiky fa tena manana teksta – na koa, manana andiana teksta isika – izay azo anohanana ny fisian'ny resaka momba an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly, ny resaka izay hodinihina manaraka dia: Ahoana no amoronan'ny fihaonan'izany teksta izany sy ny traikefa ara-tsôsialy sy ara-pivavahana ary ny zava-manahirana ireo mpanao fandikan-kevitra izay nandinika ny teksta toerana iray amin'ny vanimpotoana ankehitriny izay ahafahana maneho ny hevitra teolojika mahakasika ny fisian'ny resaka momba an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly? Andeha ary hanaraka dingana roa isika handinihantsika izany teksta izany. Ny voalohany dia fandinhiana ireo teksta, izay afantoka amin'ny hoe teksta inona ary nahoana, ary ny faharoa kosa dia adihevitra momba ny hevitra teolojikan'ireo teksta ireo izay mifantoka amin'ny fifandraisana misy amin'ny teksta nofidina sy ny konteksta ankehitriny anaovana ny fandikan-kevitra.

Teksta biblika

Aleo isika aloha hanomboka amin'ny fanolorana ireo teksta izay heverina fa ahitana resaka momba an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly (Holter 2008 : 53-82). Na izany aza io fanolorana atao io dia heverina fa hiteraka adihevitra. Amin'ny lafiny iray, dia misy ireo mpanao fandikan-kevitra izay tsy mijery ara-pratika ny filazana fa misy resaka momba ny Afrikana ao amin'ny Baiboly. Ny hevitra mahakasika

ny fandikan-kevitra mifantoka amin'ny konteksta – izay liana amin'ny fahazona ara-biblika ny fahatsapana “taty aoriana” momba an’i Afrika – dia ivelan’ny faritry ny fandikan-kevitra tanteraka. Maro amin’ireo manampahaizana tandrefana no tafiditra amin’io, tsy hoe satria izy ireo voatery ho tonga saina fa manana fomba fijery miiba momba ny “Afrika sy ny Afrikana”, fa kosa satria izy ireo tsy zatra tsotra izao mieritreritra ny sokajy mifantoka amin’ny konteksta toa izany. Kanefa, amin’ny lafiny hafa indray dia misy amin’ireo mpanao fandikan-kevitra no tsy mahita ireo lafiny izay mampisongadina ireo teksta manokana momba ny “Afrikana” ireo, satria ny Baiboly manontolo dia momba an’i Afrika sy ny Afrikana. Nisy akony amin’izy ireo ny fanambarana matanjaka izay mifantoka amin’i Afrika, hany ka manambara izy ireo fa ny maro amin’ireo olona ireo – avy ao Jerosalema hatrany Atena sy ivelan’izay – izay nanorina ny sivilasiona tandrefana no Afrikana ara-piaviana (Bernal 1987, van Binsbergen 2011). Noho izany, ny mitady resaka “Afrika sy ny Afrikana” ao amin’ny Baiboly dia toy ny mitady hazo any an’ala : ny ala dia hazo ihany! (McCray 1990a ary 1990b).

Eo anelanelan’ireo tendro roa ireo anefa dia maro ireo mpanao fandikan-kevitra biblika – Afrikana sy tsy Afrikana – no manandrana manambatra ny fandikan-kevitry ny Baiboly mifantoka amin’ny konteksta izay mifandray amin’ny Afrikana sy ny tsikera ara-dogmatika izay manambara fa heverina ho avy amin’ny Afrikana sy ny mainty hoditra ny sivilasiona Tandrefana. Ambaranay fa olana ara-pamaritana izany. Olana ara-pamaritana ireo mari-pamantarana izay azo lazaina fa miresaka momba ny “Maha Afrikana” noho ny antony sasany. Raha ny lafiny ara-tantara no resahina, dia misy andiana mari-pamantarana roa izay nampiasaina hamaritana ny fisian’ny resaka momba an’i Afrika sy ny Afrikana ao amin’ny Baiboly. Ny iray dia mifantoka amin’ny teksta sy ny fotokevitra izay miresaka mazava tsara momba ny lafiny jeografika, kolontsaina, foko izay voafaritra – na koa hita – ao amin’ny kontinantan’i Afrika araka ny ahafantarantsika azy ankehitriny; ka ny tena lehibe amin’izany dia ny teksta mifandray

amin'i Egypta sy Kosy/Etiopia. Ny ifantohana manaraka dia ireo teksta na fotokevitra izay araka ny maha izy azy (*per se*) dia tsy misy ifandraisany amin'izay heverintsika ho kontinanta Afrikana ankehitriny, saingy na izany aza, dia misy ifandraisany amin'i Afrika sy ny Afrikana araka ny fandikankevitra natao momba ny tantara ao amin'ny baiboly; ka ny ohatra lehibe amin'izany dia ireo teksta na fotokevitra mahakasika ny fanandevozana sy ny fanjanahantany.

Andeha ary hojерentsika akaiky ny mahakasika ireo mari-pamantarana roa ireo, ka ny andiany faharoa no hanombohantsika azy; izany hoe ilay iray izay ahitana ireo teksta biblika sy fotokevitra mifandray amin'i Afrika sy ny Afrikana ara-tantara teo amin'ny fandikan-kevity ny Baiboly. Ohatra iray amin'izany ny fampiasana ny Baiboly hanamarinana ny fivarotana andevo avy any Afrika Atsinana nataon'ny tandrefana. Ny teksta fototra amin'izany dia ny Genesisy 9 : 20-27, izay miresaka ny amin'ny fanozonana an'i Hama. Na dia mazava aza ny heviteny hoe i Kanana zanak'i Hama izay tsy "Afrikana" – fa tsy ireo zanany "Afrikana" (cf. Genesisy 10 : 6) : i Mizraima (rain'ny Egyptiana), i Kosy (rain'ny Kosita/Etiopiana), ary i Pota (rain'ny Lybiana) – no voaozona ho "andevon'i Jafeta", ity teksta ity dia tena nampiasaina tokoa ary nitana anjara asa lehibe tamin'ny fanamarinana ny fanandevozana nataon'ny tandrefana ny Afrikana (Haynes 2002).

Ny ohatra iray manaraka dia ny fanamarinana ny fanjanahantany nataon'ny tandrefana tany Afrika. Izany dia mety ho fanamarinana ny fanjanahantany ara-politika tany Afrika, toy ny nataon'ny Boers tany Afrika Atsimo izay nanazava ny Diantongotra Goavana nataony, nanomboka tamin'ny taona 1820, avy ao Cape mankany afovoantany izay nazavainy tamin'ny alalan'ny bokin'i Josoa sy ny tantara momba ny nakan'ny Israelita ny tany Kanana sy ny nandroahany ny Kananita (Prior 1997 : 71-105). Ary izany koa dia mety ho fanamarinana ny fanjanahana ara-kolontsaina natao an'i Afrika, toy ny nataon'ireo mpizahatany sady mpanjanatany Europeana nanomboka tamin'ny taona 1870 izay mandà fa "ireo zava-baovao hita" momba ny trano rava ao

Great Zimbabwe dia asatanan'ny Afrikana – izay, araka ny voalaza, fa tsy hanana fahaiza-manao hahavita zavatra tsara toy izany – ka nihevitra izany ho sisan'ny fanjanahana fahiny izay nataon'ny Mpanjaka Solomona sy ny Mpanjakavavin'i Seba (Holter 2006).

Ny zavatra iray mampiavaka ireo mpandinika ireo dia ny fananan'izy ireo hevitra miiba ankabobeny momba an'i Afrika : mpamatsy andevo sy kontinanta mila mpanjanaka avy any ivelany. Izy ireo ihany koa dia misaina araka ny fomba efa lany andro. Ireo toetra ireo dia maneho fa ny olona tahak'izany dia tsy mieritreritra handinika ny konteksta tahaka ny ataotsika izay mikatsaka ny hevitra teolojika ankehitriny momba ny resaka mahakasika an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly. Na izany aza, ny akon'izany fomba fanao nahazatra ho fandikan-kevitra izany dia mbola hita taratra, amin'ny lafiny miiba, ho toy ny fanoherana ny fandikan-kevitra mahakasika ny Afrikana ao amin'ny Baiboly, ary noho izany dia ilaina ihany ny miresaka momba azy.

Ny tena zava-dehibe mihoatra noho izany anefa, rehefa misy olona – toa antsika – izay mijery ny hevitra teolojika araka ny vaninandro ankehitriny momba ny resaka mahakasika an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly. Io no andiana mpandinika voalohany, izay mifantoka amin'ireo teksta sy fotokevitra izay miresaka mazava momba ny lafiny ara-jeografika, kolontsaina, foko izay voafaritra – na koa hita – fa mifandray amin'izay heverintsika ankehitriny fa kontinanta Afrikana. Ny tena ifotoran'ny fandinhana atao eto dia ireo firenena mpifanolo-bodirindrina roa izay manamorona ny renirano Neily, dia i Egypta sy Kosy/Etiopia. Misy hafa ihany koa izay horesahina etsy ambany, saingy ny resaka momba an'i Egypta sy Kosy/Etiopia no tena manandanja indrindra na eo amin'ny lafiny arak'isa hita ao amin'ny Baiboly na eo amin'ny lafiny tantaran'ny fandikan-kevitra mahakasika ny Baiboly.

I Egypta sy Kosy/Etiopia dia samy tafiditra amin'ny resaka Faritra Atsinanana Tranainy sy amin'ny loharanon-kevitra mahazatra.

Hita ao amin'ny Baiboly anefa fa misy fahasamihafany ihany ireo firenena roa ireo eo amin'ny lafiny teksta biblika sy ny tanatran'ny fandikan- kevitra biblika. Ny resaka momba an'i Egypta ao amin'ny Baiboly dia maro, mihoatra ny fitonjato nefo ireo zavatra ireo dia tsy nandray anjara toerana be loatra teo amin'ny tontolo Afrikana ivelan'ny tontolo Koptika – izany hoe Egyptiana – na ny tradisiona Ortodoksa. Ny resaka mahakasika an'i Kosy/Etiopia kosa anefa, an-kilany, dia tena vitsy raha ampitahaina amin'ny teo aloha satria latsaky ny enipolo ny totaliny, nefo ireo resaka ireo dia mahaliana olona maro tokoa – avy amin'ny lafin-tany maro amin'ny kontinanta – izay ivelan'ny tradisiona Ortodoksa Etiopiana.

Raisina voalohany ireo teksta miresaka momba an'i Egypta. Ao amin'ny Testamenta Taloha dia misy endrika roa izay anehoana an'i Egypta. Amin'ny lafiny iray, ny Isiraely dia mahatsiaro fa nampijaly azy i Egypta (ohatra, ny maha "tany nanandevalozana" azy ao amin'ny Eksodosy 13 : 3, sy ny "memy fandrendreham-by" ao amin'ny Deoteronomia 4 : 20). An-kilany kosa anefa dia tsaroany fa tany no nahitany fialofana tamin'ny andron'ny mosary sy ny sahotakotaka arapolitika (i Egypta dia toy ny "Sahan'i Jehovah" ao amin'ny Genesisy 13 : 10, ary tsaroana ny "vilany fandrahoan-kena" ao amin'ny Eksodosy 16 : 2). Raha ny lafiny arak'isa no jerena dia maro kokoa ny lafiny ratsy momba ny fahatsiarovana tany Egypta noho ny tsara saingy tsy tokony hatao ambanin-javatra izy ireo. Raha mivadika ao amin'ny Testamenta Vaovao indray, dia ahitana resaka momba an'i Egypta ohatra ny teksta momba ny Pentekosta (Asa. 2 : 10). Ny tena manandanja amin'ny resaka mahakasika an'i Egypta anefa dia izy natao fitsoaham-ponenana araka ny tantaran'i Jesosy fony zaza (Matio 2 : 13-23), izay teksta mifandray ara-potokevitra amin'ny Testamenta Taloha noho ny maha toerana fialokalofan'ireo Israelita mahatsiaro voaporiporitra arapolitika sy ara-toekarena an'i Egypta.

Faharoa, ny teksta izay ahitana resaka momba an'i Kosy/Etiopia. I Kosy – i Etiopia araka ny Septanta sy ny Testamenta

Vaovao – dia ahitana endrika maro ara-tantara. Ny fomba anehoan’ny Testamenta Taloha an’i Kosy dia azo fintinina amin’ny lafiny efatra (Holter 1997). Ara-jeografie, i Kosy heverina fa lavitra be. Izy no tany lehibe ao atsimon’i Egypta (Ezekiela 29 : 10), ary izy no hita amin’ny farany atsimo indrindra amin’ny saritanin’izao tontolo izao ao amin’ny Testamenta Taloha (Zefania 2 : 4- 15.12), izy no mamaritra ny sisitanin’ny ampira matanjaka Persiana izay mianga avy any India ka hatrany Kosy (Estera 1 : 1). Amin’ny lafiny antropolojia, i Kosy dia tafiditra amin’ny sokajin’olona mainty sy ranjanana. Misy ohabolana iray manontany hoe: “Moa mahova ny hodiny va ny Etiopiana, ary ny leoparda va mahova ny sorany? (Jer 13 : 23 FMBM). Eo amin’ny lafiny politika indray dia fantatra amin’ny fahaiza-manao ara-tafika i Kosy. Afaka nanampy an’i Joda izy (2 Mpanjaka 19, 2 Samoela 18 : 21-32). Ara-toekarena, i Kosy dia nahitana harena betsaka. Fantadaza ny entambarotr’i Kosy (Daniela 11 : 43). Ao amin’ny Testamenta Vaovao indray, ny teksta fototra dia ny amin’ilay Etiopiana ionoka (Asa 8 : 26-40), nefy ny resaka mahakasika ny Mpanjaka Solomona sy ny Mpanjakavavin’i Seba ao amin’ny Testamenta Taloha (1 Mpanjaka 10) – izay resahina koa ao amin’ny Testamenta Vaovao amin’ilay lazaina fa Mpanjakavavy avy any Atsimo (Matio 12 : 42, Lioka 11 : 31) – dia tokony horesahina koa, na dia ny fotoana namantarana fa ilay mpanjakavavy Etiopiana no resahina eto dia tamin’ny alalan’ny tradisiona taorian’ny Baiboly.

Fahatelo sady farany, ny Baiboly dia miresaka koa momba ireo lafiny ara-jeografika ankoatran’i Egpta sy Kosy/Etiopia. Ireo andiany fahatelo ireo, araka ny Testamenta Taloha, dia ahitana ireo antoko ara-jeografika toa an’i Pota (i Lybia na Sômalia, Genesisy 10 : 6, Jeremia 46 : 9), Lobita (Lybia, 2 Tantara 12 : 3, Nahoma 3 : 9), ary Patrosa (Egypta ambony, Genesisy 10 : 4, Jeremia 44 : 15). Ao amin’ny Testamenta Vavao indray no ihaonantsika amin’i Simona Kyreniana (Lybia ankehitriny), izay nitondra ny hazofijalian’i Jesosy (Matio 27 : 32, Marka 15 : 21, Lioka 23 : 26), sy ireo toerana hafa ahitana resaka

momba ny mponina avy any Afrika Avaratra (cf. Asa. 2 : 5-13, 2 : 37-41, 6 : 9, 11 : 20, 13 : 1, Romana 16 : 13).

Fehiny, maro ny teksta biblika izay miresaka ny lafiny arajeografia, kolontsaina na foko izay voafaritra – na hita – ao amin’izay neverintsika ankehitriny fa kontinanta Afrikana. Ny fanontaniana mipetraka noho izany dia ny hoe inona no hevitra ara-teolojikan’ireo teksta ireo.

Hevitra teolojika

Ny teny hoe “teolojia” dia milaza fomba fiasa mahomby araka ny ilana azy. Ny “manao teolojia”, araka ny ilazantsika azy matetika, dia mihoatra noho ny mitanisa fotsiny ireo teksta manandanja avy ao amin’ny Baiboly. Ny fanaovana teolojia dia manangana fomba iray hahazoana ny dikan’ny lohahevitra iray, ka mamela – araka ny ataontsika izao – ny teksta biblika sy ny konteksta momba ny fandikankevitra ankehitriny hifandray ara-kevitra sy hifampihaika. Ireo antoko roa izay avela hifandray ara-kevitra sy hifampihaika ireo no tranga izay mendrika hanaovana fanadihadiana roa lafy. Voalohany, tokony hofaritana ny teksta biblika. Izy ireo dia tokony hahitana resaka momba an’i Afrika sy ny Afrikana, ary izay ny resaka ao amin’ny fizarana teo aloha dia haneho ny sasany amin’ireo fahasaratana tamin’ny nahitana ireo teksta izay miresaka izany toe-javatra izany. Heveriko fa ny famaritana tsara indrindra amin’ity fikarohana ny hevitra teolojika ho an’ny vanin’andro ankehitriny ity, dia ny famaritana izay mifantoka amin’ny teksta na fotokevitra izay miresaka mazava tsara momba ny lafiny arajeografia, kolontsaina, foko izay voafaritra – na hita – ao amin’izay neverintsika ankehitriny ho kontinanta Afrikana, ka i Egypta sy Kosy/Etiopia no tranga omen-danja indrindra. Na izany aza, ny famaritana sasany, izay mahasahana ireo teksta sy foto-kevitra izay araka ny maha izy azy tsy misy ifandraisany amin’izay fantantsika fa kontinanta Afrikana ankehitriny, dia tsy maintsy jerena ihany koa; nefà

tsy hoe satria aho miombonkevitra amin'izy ireo araka ny fanaovany tsinotsinona an'i Afrika sy ny Afrikana, fa kosa noho ny lanja ananany ao amin'ny tantaran'ny fandikan-kevitra.

Faharoa, ny kontekstan'ny fandikan-kevitra dia tokony hofaritana koa, ary eto aho dia te hanoritra lafinjavatra roa izay manandanja tokoa amin'ity fikarohana ny hevitra teolojikan'ny resaka momba an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly ity. An-daniny, dia vao tsy ela akory fa vao antsasaka taonjato iray mahery kely fotsiny no nahafaka an'i Afrika tamin'ny toe-javatra ara-pôlitika sy ara-kolontsaina izay nanala baraka ho amin'ny fahaleovantena ara-pôlitika sy ara-kolontsaina. Dimampolo taona dia ampy hananganana maha izy azy araka ny maha Afrikana ka azo ireharehana, nefo kosa tsy ampy hanovana ny fomba fijery efa raikitapisaka ananan'ny Tandrefana momba an'i Afrika sy ny Afrikana izany. An-kilany koa, i Afrika nandritra ny taonjato faha roapolo dia nikisaka niala tamin'ny tsy fankasitrahana ny fisian'ny Kristiana tany antoerana ka tonga ivon'ny fivavahana Kristiana. Ny statistika dia maneho fa i Afrika – izany hoe, ny atsimon'i Sahara – dia efa, na farafahakeliny ho tonga kontinanta Kristiana tsy ho ela. Ao anatin'ny kontinanta, maherin'ny roa apahatelon'ny mponina (Afrika ambanin'i Sahara) dia mambran'ny fiangonana avokoa, ary ny fiangonana dia tena manana ny anjara toerany tokoa eo amin'ny sehatra ara-paritra sy nasionaly. Amin'ny lafiny ivelan'ny kontinanta indray, ireo fiangonana afrikana matanjaka dia efa mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, toy ny fivoriana iraisan'ny fiangonana mitovy fampianarana na ny fivoriana iraisam-pinoana, ary ireo fiangonana Pentekotista Afrikana na ireo tsy miankina dia tena efa hita miparitaka tonga hatrany Europa sy Etazonia.

Noho izany, inona no hevitra teolojikan'ny resaka momba an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly? Lafinjavatra roa no

hifantohako, ary ny fomba hanolorako azy dia toy ny hevitra fototra roa manana endrika *ellipse*, izany hoe, zavatra roa miavaka saingy mifandray sy ao anatin’ny konteksta mitovy.

Ny hevitra fototra voalohany – momba ny hevitra teolojikan’ny resaka mahakasika an’i Afrika sy ny Afrikana ao amin’ny Baiboly – dia ny hoe tena hita ao ao amin’ny Baiboly tokoa i Afrika sy ny Afrikana, ary mitana anjara toerana tsara sy anjara asa mahomby ao. Aorian’ireo resaka natao tetsy ambony dia azo heverina ho toy ny kely ihany izany vokatra izany, nefä tsy kely velively io. Raha tsy atao tsinotsinona ny tantara lava momba ny fifandraisana misy amin’ny traikefa sy ny zava-mahaliana ny Tandrefana sy ny Afrikana – araka ny Baiboly – dia tsy misy fandikan-kevitra tokony hahagaga, na dia ny fisian’ny resaka momba an’i Afrika sy ny Afrikana ao amin’ny Baiboly aza. Noho izany dia miombonkevitra amin’ireo Afrikana mpamaky ny Baiboly izay – gaga tany amboalohany, saingy resy lahatra avy eo – milaza fa ao izahay! Tena misy resaka mahakasika an’i Afrika sy ny Afrikana tokoa ao amin’ny Baiboly, ary izany fisiana izany dia nisy ary mbola misy akony isankarazany.

Ny fisian’i Afrika sy ny Afrikana – izay soloin’i Egypta sy Kosy/Etiopia tena – ao amin’ny Baiboly dia efa neken’ny fiangonana Ortodoksa tany Egypta nandritra ny taonjato maro. Raha ny resaka momba an’i Egypta no ambara, dia efa nitana anjara asa lehibe ary mbola manao izany eo amin’ny fiaianana sy ny maha izy azy ny fiangonana Koptika izany. Amin’ny lafiny iray, ireo teksta mitantara “zavatra miiba” momba an’i Egypta, toa ireo izay miresaka momba ny fivavahana sy ny politikan’ny Farao, dia saika nampiasaina hiresahana momba ny traikefa niainan’ny Kopta izay voaenjika noho ny maha antokom-pivavahana vitsy an’isa azy ireo. Amin’ny lafiny hafa indray, ireo teksta miresaka “zavatra miabo” momba an’i Egypta, toa ireo izay maneho an’i Egypta ho fandosirana ara-politika ho an’ny mpitsoa-ponenana sy ny maneho ny Egyptiania ho olon’Andriamanitra, dia saika

nampiasaina hilazana ny fahitan'ny Kopta ny tenany. Ny ohatra manandanja indrindra ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ny fandosiran'ny fianakaviana masina tany Egypta (Matio 2 : 13-23), izay nahatonga ny tradisiona Ortodoksa ho afaka nampivelatra fotokevitra teolojiaka sy litorjika mahakasika ny fahatongavan'ny Mpamony tao amin'ity firenena ity. Misy teksta fototra hafa koa izay manohana izany, toy ny fanambaran'Isaia ny alitaran'i Jehovah “ao amin'ny tanin'i Egypta” (Isaia 19 : 19). Io teksta io dia neverina ho faminaniana momba ny anjara asa sahanin'ny fiangonana Ortodoksa Koptika ao Egypta, fandikan-kevitra izay nohamarinin'ny fitahiana profetika aoriana kely ao – “Hotahiana anie Egypta oloko” – izay miverimberina matetika ao amin'ny teksta biblika.

Tahak'izany koa, ny resaka momba an'i Kosy/Etiopia dia nitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fainana sy ny maha izy azy ny fiangonana Ortodoksa Etiopiana. Ny fandikana ny teny Hebreo hoe “Kosy” ho “Etiopia” – ary azo amin'ny tena heviny – dia manandanja tokoa, ary ireo fandikan-teny hafa, toy ny “Sodana” dia tsy nekena loatra (Unseth 1999). Amin'ny ankaboney, ny tradisiona Etiopiana Ortodoksa dia ahitana fitoviana manokana amin'ny teksta sy ny tradisiona ao amin'ny Testamenta Taloha, toy ny endriky ny fiangonana, litorjia, ny fitsipika mahakasika ny sakafy ary ny fitsipiky ny fidiovana ara-dritoaly (Ullendorff 1968). Izany ohatra lojika akaiky indrindra momba izany fitoviana amin'ny Testamenta Taloha izany ny angano *Kebra Nagast* (“Voninahitry ny Mpanjaka”), izay mampifandray ny fanorenana firenena Etiopiana amin'ny tantara ao amin'ny Testamenta Taloha momba ny Mpanjaka Solomona sy ny Mpanjakavavan'i Seba. Ao amin'io konteksta io, ny teksta momba an'i Kosy/Etiopia dia tandrify tsara toy ny fonontanana antonona ny tanana, ary ireo teksta izay miresaka fiovam-po – isan'izany ny Salamo 68 : 32 – dia efa notsindriana foana hatramin'izay.

Maro ireo zavatra mampiharihary ny fitoviana hita teo amin'ny fomba nampiasana ny teksta mahakasika an'i Egypta tany an-toerana sy

ny nampiasan'ny Etiopiana ny teksta momba azy tany an-toerana koa. Izy roa tonta ireo dia samy maneho karazana fametrahana ny Baiboly anaty konteksta. Miavaka anefa izany amin'ny ohatra hafa amin'ny fametrahana ny Baiboly anaty konteksta, izay ahitana ireo firahamonina roa tonta ireo manao ny fanazavan-keviny manokana – ny fiangonana Ortodoksa any Egypta sy any Etiopia – izay manamarina ny fitakiany fa tena voatonona ao anatin'ny teksta izy ireo. Izany no ahafahan'izy ireo, na dia tsy maintsy fantenina aza, mampiasa ireo teksta ireo amin'ny fomba feno faharesen-dahatra. Ny pretra Koptika dia afaka milaza amin'ny fiangonany fa efa teto Jesosy – *eto* izany – fahiny ary mbola eto izy ankehitriny! Ary ny pretra Etiopiana dia afaka milaza fa Andriamanitra, anio toy ny tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha, dia mila anao – ianao amin'ny maha *Etiopiana* anao – mba hiverina aminy ankehitriny! Na izany aza, io fahitana azy ireo ao amin'ny teksta io dia niteraka olana ara-hermenetika vitsivitsy. Ny tradisiona Koptika dia miatrika fanamby satria ny ankamaroan'ny teksta momba an'i Egypta dia ahitana lafiny miiba avokoa. Ny fomba amahany izany olana ara-hermenetika izany dia ny famindrana ireo lafiny miiba ireo ho any amin'ny hevitra mahakasika ny fanenjehana, ary ny mampiseho lafiny miabo kosa dia ampifandraisina amin'ny konteksta momba ny fiangonan'izy ireo. Ny tradisiona Etiopiana dia miaina izany ihany koa, satria misy ireo teksta momba an'i Kosy/Etiopia koa izay maneho azy ho fahavalon'Isiraely (ohatra 2 Tantara 14 : 9-15), na dia tsy manahirana loatra toy ny an'ny Egyptiana aza izany.

Mahakasika ny anjara toerana tanan'ny teksta momba an'i Egypta sy Kosy/Etiopia amin'ny faritra hafa ao Afrika dia azo tsapaintanana kokoa ny fahasamihafana. Ankoatra ireo ohatra vitsivitsy vao tsy ela akory teo amin'ny tontolon'ny mpikaroka (Habtu 2001, Ezeogu 2012, Adamo 2006 : 55-60), ny teksta momba an'i Egypta dia tsy nandray anjara asa be loatra ivelan'ny tontolo Koptika – na ny Kristiana hafa ao Egypta. Mifanohitra amin'izany anefa ny toe-javatra eo amin'ny teksta momba an'i Kosy/Etiopia. Izy ireo dia nampiasaina

ombieny ombieny tamin'ny toerana samihafa eo anivon'ny kontinanta. Karazana tranga roa no tsara hambara eto.

Ny voalohany dia ilay antsoina hoe fihetsiketsehana "Etiopiana", izay anaovan'ny fiangonana sy vondrona Kristiana tsindripeo momba ny fisian'ny Afrikana na ny mainty hoditra ao amin'ny Baiboly, hanoherana indrindra ny fanjakazakan'ny Europeana sy ny fotosy hoditra. Izany fihetsiketsehana izany dia sady niseho tany amin'ny kontinanta Afrikana (farafaharatsiny tany amin'ny tapany Atsimo) sy tamin'ireo Afrikana tany ampielezana (Amerika Avaratra, Karaiba), ary misy endrika hafa izay nivoaran'izany (toy ny sampana Rastafariana) arakaraka ny konteksta niainana. Na izany aza anefa dia mbola ny resaka momba an'i Etiopia sy ny teksta biblika momba an'i Kosy/Etiopia no nifotorany (toy ny Salamo 68 : 32), ary izy ireo dia maneho faharesen-dahatra fa Andriamanitra dia manana ny fikasany mahakasika an'i Afrika sy ny Afrikana (Sundkler 1961, Könighofer 2008). Ny karazana tranga faharoa izay mifantoka amin'ny teksta mahakasika an'i Kosy/Etiopia niseho ivelan'i Etiopia dia ny fotokevitra izay noraisin'izany teksta izany teo amin'ny teolojia Afrikana sy ny fikarohana ara-baiboly. Ny ohatra fotora amin'izany dia i David Tuesday Adamo (Nijeria) sy Philip Lokel (Oganda), izay nampivoitra ny anjara toerana tanan'ny teksta mahakasika an'i Kosy/Etiopia ao amin'ny fikarohana nataony momba ny fahitana ny resaka Afrika sy Afrikana ao amin'ny Baiboly; ka nilazany fa ireo teksta ireo dia manisy tsindripeo manokana momba an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly (Adamo 1998, Adamo 2006, Lokel 2006a, Lokel 2006b).

Ny tapa-pizarana etsy ambony dia maneho andiana teksta biblika fahatelo izay miresaka momba an'i "Afrika sy ny Afrikana", ho fanampin'ireo mahakasika an'i Egypta sy Kosy/Etiopia. Vitsy ihany izy ireo, na izany aza, ary tsy dia nandray anjara loatra teo amin'ny adihevitra momba an'i "Afrika sy ny Afrikana" ao amin'ny Baiboly. Vao tsy ela akory anefa, dia nambara fa ny Afrikana dia nanatrika ny

Pentekosta (Asa. 2 : 5-13, 2 : 37-41), ary i Simona Kyreniana – i Lybia ankehitriny – dia nilanja ny hazofijalian'i Jesosy (Matio 27 : 32).

Manana endrika maro ny fomba fitantarana ny tantaran'ny Baiboly tany Afrika, izay miainga avy any Afrika Avaratra izay nahazoan'ny Kristiana vahana nandritra ny taonjato enina voalohany – ambaran'ny manao fandikan-kevitra ho mbola heverina ho isan'ny manandanja indrindra eo amin'ny tantaran'ny fandikan-kevity ny Baiboly – ka mihazo an'i Afrika ambanin'i Sahara, sy ny fiezahany hanisy tsindripeo amin'ny alalan'ny fampifandraisana ny Baiboly amin'ny haika ara-kolontsaina sy ara- piarahamonina ankehitriny. Eo anelanelan'izy roa izany, lasa tetezana mampitohy azy – amin'ny lafiny ara-kronolojika fa tsy ara-jenetika – ny tradisiona Ortodoksa any Egypta sy Etiopia, izay nikely aina nanohana ny fahitana ny momba an'i Afrika ao amin'ny Baiboly nandritra ny taonjato maro. Mahakasika an'i Afrika ambanin'i Sahara, ny fampidirana ny Baiboly tany dia nifanindra andalana tamin'ny fotoana izay nampiroborobo ny fanjanahantany Tandrefana sy ny fivarotana andevo, ary ny Baiboly dia nampiasaina mba hanamarinana ny fampahorina natao tamin'i Afrika. Taty aoriana anefa, na izany aza, i Afrika dia nahatsapa ihany koa fa ny Baiboly dia niasa ho fitaovam-panafahana. Amin'ny fikatsahantsika ny hevitra teologika fonosin'ny resaka momba an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly, dia midika izany fa ny fitaovana eo ampelantanana (teksta biblika sy ny fandikana ny hevitr'izy ireo) dia tsy afaka miala amin'ny traikefa miseho amin'ny endrika roa nananan'i Afrika momba ny Baiboly. Na izany aza, amin'ny ankapobeny ny fanazavana ny traikefa mahakasika ny fisian'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly dia mampiseho fa “ny Mainty hoditra dia tsy zavatra natsofoka ao amin'ny tantaran'ny famonjena taty amin'ny andro moderna. Efa tao hatrany amboalohany izy ireo” (Hays 1996 : 409).

Ny lafiny faharoa izay hotsindriana – momba ny hevitra teologikan'ny resaka momba ny Afrikana ao amin'ny Baiboly – dia ny fanazavana ny asan'izany fisian'ny Afrikana ao amin'ny Baiboly izany.

Mazava ho azy fa mety hisy fakam-panahy ny fampiasana ny fahitana an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly mba hanasohasoana ny maha zavadehibe manokana ananany, ka lasa hanaovana tsinotsinona ireo firenena hafa voalaza (na tsia) ao amin'ny Baiboly. Ny tena marina, ny fanaovana izany dia tsy fakampanahy ihany fa tena azo atao tsara ny mandray azy raha jerena ny fahoriania izay niainan'i Afrika sy ny Afrikana nandritra ny taona izay nafitsoky ny Tandrefana nanao fandikan-kevitra momba ny Baiboly. Na izany aza anefa, ny fandikan-kevitra tsara kokoa noho ny fampisongadinana ny maha zava-dehibe manokana an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly, dia ny fandraisana ireo teksta ireo hanohana ny ohatra mahakasika ny fomba fijery maneranjiaby izay hita manerana ny Baiboly.

Ny fanombohan'ny Baiboly – Genesisy 1-11, ny tantaran'ny Fiandohana – dia mazana no raisina ho tontolo mamaritra ny fandikan-kevitry ny pejy sy ny boky manaraka azy. Miverina intelo ao amin'ireo toko ireo ny teny hoe Kosy. Ny voalohany ao amin'ny Genesisy 2 : 13, izay manoritsoritra ny tany lalovan'ny iray amin'ireo renirano avy ao Edena. Ny faharoa dia ao amin'ny Genesisy 10 : 6-7, izay iresahana ny iray amin'ny zanak'i Hama. Ao amin'izy roa ireo, ny anjara asa retorikan'ny resaka momba an'i Kosy dia ny fanohanana ny ohatra momba ny *universalism*. Ao amin'ny Genesisy 2 : 10-14, ireo renirano efatra avy tao Edena dia manondro ny jeografia maneran-tany, ka mampifandray ny sahan'i Edena amin'izao tontolo izao araka ny ahafantarana azy, ary marina ny fieritreretana hoe ara-jeografika ny Sahan'i Edena dia tany Afrika no nisy azy (Adamo 1992). Torak'izany koa, ny anjara asa retorikan'i Kosy ao amin'ny Genesisy 10 dia ny maha iray amin'ireo fitanisana firenena maro azy, ka mbola anehoana ny *universalism*, satria ny firenena rehetra dia niainga avy amin'ireo taranak'i Noa avokoa (Genesisy 10 : 32). Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny sary izay raisina avy amin'i Kosy ao amin'ireo toko mamaritra ny fandikan-kevitry ny Baiboly ireo dia ny fanohanana ny ohatra momba ny *universalism* ao amin'ny Baiboly.

Angamba ny ohatra manazava ny *universalim* tsara indrindra – sy ny anjara asan’i Kosy ao anatiny – dia hita ao amin’ny Amosa 9 : 7, ilay teksta izay resahina ao amin’ny fiandohan’ity toko ity. Raha iverenana jerena ity teksta ity, dia hita fa ny andininy 7^a dia manolotra fampitahana manokana momba an’Isiraely sy Kosy. Ny tantaran’ny fanazana ny hevit’io andininy io – sy ireo teksta biblika hafa ahitana ny Kosita – dia maneho bebe kokoa ny ahiahy fa ireo Tandrefana mpanao fandikan-kevitra dia nampiasa ny fomba fiheverana ratsy efa nanan’ny Tandrefana (western prejudices) mahakasika an’i Afrika sy ny Afrikana tamin’ny fandinihana ny teksta, ka tsy nisalasala nihevitra fa ny fampitahana an’Isiraely amin’i Kosy dia tokony hazavaina fa fitsarana. Na izany aza, ny fampitahana an’Isiraely sy Kosy ao amin’ny andininy 7a dia tsy tokony hosarahina amin’ny fampitahana an’Isiraely sy Arameana ary ny Filistina ao amin’ny andininy 7b (Holter 2000). Araka ny fomba fijery mahakasika ny firafitry ny teksta, ireo antsasaka andininy roa ireo dia ahitana marika fampitahana mazava tsara: and. 7a : “zanak’Isiraely” || “zanak’i Kosy”; v. 7b : “Isiraely avy tany Egypta” || “Filistina avy tany Kaftora” || “Syriana avy tany Kira”. Noho izany, raha jerena ara-heviteny dia misy zavatra roa mazava tsara ao. Ny voalohany, dia tsy afa-misaraka ireo tapaka andininy roa ireo; ary samy ahitana endrika fampitahana avokoa, ka ny fampitahana amin’izy roa ireo dia fampitahana an’Isiraely amin’ny firenena hafa. Faharoa, satria ny fampitahana ao amin’ny and. 7b dia mazava ny lafiny miabo (Tsy isalasalana fa ny fialan’Isiraely tany Egypta dia zavatra tsara, izay alahatra amin’ny fialan’ireo firenena roa hafa), ka mety raha manao tsoakevitra hoe ny fampitahana an’Isiraely sy Kosy ao amin’ny 7b dia misy lafiny miabo toa izany koa. Ny famakiana fotokevitra momba ny Kosita ao amin’ny 7^a dia tsy tokony hosarahina amin’ny fotokevitra izay mitovy aminy momba ny Filistina sy ny Syriana ao amin’ny 7b.

Fehiny

Ny fehiny ara-teolojika azontsika sintonina avy amin'izany dia izay ambaran'i Adamo hoe : ilay Andriamanitra izay nitondra an'Isiraely niala avy tao Egypta ihany no nametraka ny Afrikana amin'ny taniny :

Ny fifandraisana manokana ataon' Andriamanitra dia fatoran'ny fahamarinana sy ny maha marina. Noho izany, dia tsy mifamatotra manokana amin'ny firenena iray izy, fa tompon'ny rehetra ary manana fifandraisana manokana amin'ny rehetra. (Adamo 1998 : 100)

Ny Testamenta Taloha dia mamela an'i "Afrika" haneho fa ilay Andriamanitr'Isiraely dia Andriamaniry ny olona rehetra. Izany dia narahin'ny Testamenta Vaovao, izay mamela ny Afrikana – ilay ionoka Etiopiana (Asa. 8 : 26-40) – ho olona tsy Israelita vita batisa voalohany tao amin'ny fiangonana.

Ka inona ary izany no hevitra teolojika momba an'i Afrika sy ny Afrikana ao amin'ny Baiboly? Ireo fotokevitra roa amin'ny *ellipse* dia mifandanja. Raha tsy misy ohatra mazava – toa an'i Afrika – ny *universalism* dia lasa filozofia poak'aty. Ary raha tsy ao ny vala famaritana ny fandikan-kevitra maneranjiaby, ny fisian'ny Afrikana ao amin'ny Baiboly dia hifanehatra amin'ny loza ateraky ny famerimberenana – na dia araka ny fomba fijery manindraindra an'i Afrika aza izy amin'izay fotoana izay – ny fahadisoana fanasoasoana foko izay efa hitantsika fahiny tamin'ny alalan'ny mpanindraindra an'i Eoropa.

**Mizara traikefa ara-kolontsaina amin'ny
Isiraely fahizay**

“Ny misionery dia toa mahatsapa ho miaina mandritra ny andron’ny Testamenta Taloha”. Izany teny izany dia ambaran’ilay antropologa Britanika Edward E. Evans-Pritchard tamin’ny faraparan’ny vanipotoan’ny fanjanahantany, izany hoe ny antsasaky ny taonjato faha XX, ka iresahany momba ny traikefan’ireo misionery Amerikana izay nisa tany amin’ny foko Nuer tany Soudan (Evans-Pritchard 1965:vii). Tsy io misionery io ihany no nahatsapa fitoviana – na mety hambarantsika koa hoe nanantena fitoviana – teo amin’ny kolontsaina nentindrazana afrikana an-daniny, sy ny akon’ny teksta maneho ny kolontsain’Isiraely fahizay an-kilany, araka ny anehoan’ny Testamenta Taloha azy. Nandritra ny taonjato faha XIX sy XX dia maro ireo mpifindra monina tandrefana – mpanjanatany, mpizaha tany, mpivarotra sy misionery – no niteny tahak’izany. Ireo kolontsina izay hitany niainana tany amin’ny tany lavitra tsy mahazatra any Afrika, dia tsapan’izy ireo, fa tsy lavitra sy tsy mahazatra. Ny zava-nisy dia tsapany ho zavatra efa hitany, toy ny efa niainan’izy ireo tany Eropa teo anivon’ny fanabeazana ara- kolontsaina sy sosialy izany zavatra hitany sy iainany any Afrika izany. Ny traikefa nianian’izy ireo teo anivon’ny fiangonana sy ny sekoly tamin’ny taonjato faha XIX sy XX izany ambara fa hita taratra ao amin’ny Testamenta Taloha izany, rehefa niverina tany Eropa izy ireo.

Tsy ireo mpifindra monina tandrefana ireo ihany no manaiky ny fisian’ny fitovian’ny kolontsaina nentin-drazana afrikana sy ny Testamenta Taloha. Rehefa nitombo ny fahalalana momba ny Testamenta Taloha tany Afrika, dia maro ireo mpamaky ny Testamenta Taloaha matihanina sy avy amin’ny sarambabem-bahoaka, no

nahatsapa izany toe-javatra izany. Ireo mpamaky avy amin'ny sarambabem-bahoaka, hita tany antokantrano, an-tsekoly sy any ampiangonana dia nahatsapa fa ireo teksta tranainy ao amin'ny Testamenta Taloha dia toa maneho sy miresaka momba ny zavatra iainan'izy ireo (Dickson 1973; Dickson 1984; Mbiti 1978; Mbiti 1986).

Eo ankilan'izany, ireo mpamaky matihanina, izay niasa tany amin'ny oniversite afrikana sy tamin'ny seminiry teologika nandritra ny tapany farany amin'ny taonjato faha XX, dia nanomboka namakafaka ara-sytematika ny zavatra hitany momba ny fifandraisan'ny Testamenta Taloha sy Afrika (Holter 2008, Holter 2002; Ukpong 1999). Araka ny fomba fijery misiolojika, izany ezaka izany dia mahakitika ny singa fototra amin'ny resaka “accommodation” sy “inculturation” izay fahita nanomboka tamin'ny fisasahan'ny taonjato faha XX. Ny fikendrena amin'izany, dia ny hanehoana ny finoana Kristiana ho zavatra tsy mifanohitra ara-kolontsaina amin'ny an'ny Tandrefana, fa tsy hoe miova araka ny konteksta. Inona no zavatra tsara mihoatra noho ny fahitana ny fomba anehoana ny finoana sy fomba fivavahana izay sady mifandraika amin'ny konteksta misy amin'ny tany iray no mifandraika amin'ny Baiboly?

Misy zavatra mampatahotra lehibe kokoa anefa momba ny fandikana ny traikera sy paikady ampiasaina amin'ny fandinihana ny fitoviana amin'ny kolontsaina afrikana sy ny Testamenta Taloha izany; na eo amin'ny traikefam-piaianana sy paikady eo amin'ny Afrikana sy ny tsy Afrikana, na ny teo amin'ny vanimpotonan'ny fanjanahantany sy ny toriany; na ny eo amin'ny sarambaben'olona sy ny matihanina (Holter 2000 : 51-60). Amin'ny fandinihany izany zava-mahatahotra momba traikera ny fandikana sy ny paikady izany, ity toko ity dia mianona amin'ny fanehoana sy ny famakafakana ny fanazavana ireo fiarahamonina roa ireo : ny mpifindra monina tandrefana an-daniny, ary ny ireo andiany voalohany amin'ny Afrika mpikaroka momba ny Testamenta Taloha an-kilany.

Ireo voalohany dia ahatarafana sy maneho ny tradisiona trrainay sy nalaza ankapobeny momba ny fanazavana ny Tetamenta Taloha, tradisiona izay nivelatra tany Europa nandritra ny taonjato maro, ka toa nifandray kisendrasendra tamin'ny konteksta afrikana. Ireto farany koa, dia ahatarafana sy maneho ny tradisiona tandrefana trrainay momba ny fanazavana ny Testamenta Taloha; nefo izy ireo taty aorina, am-polo taona vitsivitsy lasa izay dia ninia nampifandray ny fomba fandikana sy ny paikady nampiasainy amin'ny konteksta afrikana. Ny fomba fanazavana nentin'ireo fiarhamonina roa ireo no entin'ity toko ity miasa, ary fomba fijery roa no entina manatanteraka izany; ny voalohany dia ny fanadihadiana ireo ohatra velona, avy eo dia ireo hevitra momba ny tontolon'ny fandikana ireo resaka mahakasika ny fitoviana.

Ohatra velona

Ireo mpifindra monina tandrefana izay namangy an'i Afrika dia nanana fahazarana manazava ny traikera niainany araka ny fahalalana ankapobeny nananany momba ny Testamenta Taloha. Izy ireo dia mety ho mpizahatany na mpikatsaka hareny, izay nampifandray traikera niainany tany Afrika tamin'ny fanambarana tsindraindray na kisendrasendra ao amin'ny Testamenta Taloha momba ny firerena feno volamena sy harena. Izy ireo dia mety koa ho mpivarotra na misionery, izay nanazava ny fomba fahitany ireo olona hitany tany Afrika araka izay voalazan'ny Testamenta Taloha momba ny mponin'izao tontolo izao (Chidester 1996:46-56). Na izany aza, dia tamin'ny taonjato faha XIX sy XX ireo mpifindra monina tandrefana ireo vao niroso tamin'ny fahamatorana mahakasika ny fandinihana ara-kolontsaina, satria nanomboka namakafaka ny toetoetry ny kolontsaina Afrikana sy ny fivavahany ara-systematika izy ireo. Ny Testamenta Taloha anefa no tena nitana anjara asa lehibe sy voalohany tamin'ny fampitahana natao.

Ohatra iray amin'izany ny fanadihadiana nataon'i Moritz Merker momba ny foko Maasai, izay nivoaka tamin'ny 1904 (Merker 1910). Ny zava-dehibe misongadina ao anatin'izany fanadihadiana izany, dia ny fanehoana fa ny firafitry ny fiarhamonina, ny kolontsaina sy ny fivavahan'ny foko Maasai dia misy fitoviana amin'ny an'Isiraely ao amin'ny Testamenta Taloha. Araka ny hevitr'i Merker ihany koa, tokana ihany no azo hanazavana izany trangan-javatra izany, dia ny vokatry ny fitovian'ny loharano nipoiran'ny foko Maasai sy ny Israelita tranainy. Ny mpifindra monina tandrefana hafa izay nanadihady momba ny fivavahana sy ny kolontsain'ny firenena Afrikana araka ny Testamenta Taloha, dia I Joseph J. Williams, tany Afrika Atsinana, izay namoaka fanadihadiana mahakasika ny Ashanti sy ny foko Afrikana tandrefana hafa tamin'ny 1930. Tahaka an'i Merker, dia nanadihady antsipirany ny kolontsaina sy ny fivavahana ary ny firafitry ny fiarhamonina koa izy, ary nilaza fa ny fitoviana misy amin'ny fomba fiainan'ny Ashanti sy ny Israelita dia manambara ny fisian'ny fifandraisana ara-tantara teo amin'izy roa ireo (Williams 1930; raha hanao fifanakalozan-kevitra, jereo Dickson 1974, Wambutda 1987).

Na izany aza, ny ankamaroan'ireo fanadihadiana momba ny fitoviana amin'ny kolontsaina nentin-drazana Afrikana sy ny Testamenta Taloha dia avy amin'ireo mpikaroka Afrikana. Ny ankamaroan'ireo fanadihadiana ireo dia hita tamin'ny artikola ao amin'ny gazety sy tamin'ny lahatsoratra fanadihadiana sy monografia, fa ny tenako kosa dia hianona amin'ny fitanisana ireo vitsivitsy izay afaka manolotra fanazavana momba ireo lohahevitra telo lehibe.

Voalohany amin'izany ireo tontolo mahakasika ny angano/tantara sy ny fomba/ritoaly. Zava-dehibe tokoa izany satria ny angano/tantara sy ny fomba/ritoaly dia mandrafitra ny ivon'ny fivavahana iray. Mahakasika ny angano/tantara, I David T. Adamo (Nijeria) dia namoaka fanadihadiana mahakasika ny fitoviana misy amin'ny angano/tantara ao Afrika Andrefana sy ny an'ny Testamenta Taloha mahakasika ny fahariana. Araka ny fomban-drazana Yoruba,

dia voamarikany fa nahary ny tany tao anatin'ny efatra andro Andriamanitra ary dia nitsahatra avy eo, mialoha izany anefa dia nahary ny olona tamin'ny alalan'ny famolavolana vovoka izy. Avy amin'ny fomban-drazana Ashanti indray no nahalalany fa ny lanitra, ny tany, ny renirano, ny zavamaniry sy hazo no noharin'Andriamanitra voalohany vao nahary ny olona izy. Hitan'i Adamo ihany anefa ny fisian'ny zavatra tsy mitovy sasantsasany toy ny fanampian'ireo andriamanitra hafa an'Andriamanitra tamin'ny asam-pamoronana araka ny tradisiona Afrikana, sy ny tsy fahitana ny fahariana ny olona araka ny endrik'Andriamanitra ao (Adamo 1989). I Sola Ademiluka (Nijeria) koa dia nanadihadhy ny tantaran'ny famoronana sy ny fahalavoana ao amin'ny Genesisy 1-3 araka ny mytolojia afrikana. Araka ny ambaran'i Ademiluka, ny fotokevitra fototra ao amin'ny Genesisy dia hita eo anivon'ny tontolo Afrikana koa; ny famoronana ny tany sy ny lanitra, famoronana ny olona avy amin'ny vovontanimanga, sy ny fahasimban'ny toetra môraly, noho ny fitaka nataon'ny biby amin'ny tranga sasany (Ademiluka 1998).

Misy ihany koa fanadihadiana maro momba ny fomba/ritoaly izay naely, isan'izany ny resaka momba ny *rite de passage*. Ny ohatra akaiky indrindra mbola tsy ela akory izay dia ny fanadihadiana nataon'i Francis F. L. Abotchie (Nijeria) mahakasika ny fitoviana misy amin'ny fomba fanao amin'ny fiterahana sy ny fanomezana anarana any Afrika sy ao amin'ny Testamenta Taloha, sy ny fanadihadiana nataon'i Dada Adelowo (Nijeria) momba ny fahafatesana sy ny fomba fandevenana (Abotchie 1978; Adelowo 1987). Ohatra iray hafa koa ny an'i Samson N. Gitau (Kenya) momba ny fifandraisana misy amin'ny famorana eo amin'ny fomban-drazana afrikana sy ny Testamenta Taloha (Gitau 1994). Ny ritoalin'ny filokana osy ao amin'ny Testamenta Taloha dia fahita tao amin'ny tontolo Afrikana koa. Ny ohatra avy any Afrika Andrefana momba izany dia hita ao amin'ny fanadihadiana nataon'i S.G. Azuwo Onibere (Nijeria) momba ny filokana osy teo amin'ny foko

Yoruba ao Nijeria Atsimo; voalazan'i Onibere fa misy zavatra mampitovy ny filokana osy amin'io foko io sy ny Testamenta Taloha amin'ny lafiny ritoaly sy ny heviny ankapobeny (Onibere 1988). Ny ohatra avy any Afrika Atsinana indray dia izay ambaran'i Aloo O. Mojola (Kenya) amin'ny fanadihadiana nataony momba io ritoaly io teo amin'ny foko Chagga; ary amin'ity tranga iray ity aza no tena mifanakaiky kokoa ny fitoviana (Mojola 1999).

Ny fitoviana eo amin'ny lafiny fanaovana fanatitra/sorona ihany koa dia manan- danja. Nisy fanadihadiana nataon'i Justin S. Ukpong (Nijeria) momba ny zava-misy any Afrika. Voalaza amin'izany fa ny fanaovana fanatitra no ivon'ny fivavahana teo amin'ny foko Ibibio (Nijeria) sy ny fivavahan'Isirael fahizay, ary amin'ireo lafiny roa ireo, izany dia manambara ny faniran'ny olombeloha haneho ny fifandraisany amin'Andriamanitra sy ny tontolo tsy hita maso amin'ny fomba azo tsapain-tanana (Ukpong 1987). Any Afrika Atsinanana, i Philibert Rwehumbiza (Tanzania) dia mampivoitra ny fitovian'ny hevity ny fanatitra nataon'ny patriarka ao amin'ny Genesisy sy ny an'ireo Bantu (Rwehumbiza 1988). Lazain'i Rwehumbiza, fa ny tantaran'ny patriarka sy ny tradisionan'ny Bantu dia samy maneho ny fomba fivavahan'izy ireo amin'ny alalan'ny fanatitra sy vavaka izay mifandray amin'ny alitara sy toerana masina.

Ny faharoa kosa dia mahakasika ny tontolon'ny rafitra sosiolojika. Ny ohatra vao haingana indrindra amin'io lafiny io dia izay atolotr'i Abraham Malamat (Isirael), izay mampivoitra ny fifandraisana akaiky misy amin'ny Afrikana sy ny tetiarana hita ao amin'ny Testamenta Taloha (Malamat 1973). Mbola misy ihany koa ohatra iray taorian'io, dia izay atolotr'i Aloo O. Mojola (Kenya), izay miresaka momba ny maha zava-dehibe ny fomba fijery sosiolojika eo amin'ny fandikan-teny sy fanazavana ny Tetstamenta Taloha, arahin'ny firesahana manokana ny fiarahamonin'ny tantsaha (Mojola 1988; Mojola 2001). I Robert Wafawanaka (Zimbabwe) no mampitaha ny

olan'ny fahantrana teo amin'Isiraely fahizay sy Afrika tamin'ny andron'ny razambe. Ambarany amin'izany fa ny fomba niatrehan' Isiraely fahizay sy Afrika fahagola ny fahantrana, dia tamin'ny alalan'ny firaisan-kina/fifanomezan-tanana ara-tsosialy izay mifototra amin'ny fitaran'ny fianakaviana. Asehony koa fa ny soatoavina nentindrazana momba ny andraikitra sosialy sy ny adidy ara-piarahamonina dia mivelatra mihoatra ny ankohonana (Wafawanaka 2012).

Misy fandinihana roa momba ny ohabolana izay tsara horesahina amin'ity konteksta ity, rehefa mampifandray ny fampitahana ny ohabolana afrikana sy ny ao amin'ny Testamenta Taloha amin'ny tontolo sosiolojika misy azy ireo. I Laurent Naré (Burkina Faso) sy P.D. Nzambi (R.D. Congo) dia namakafaka ny Ohabolana 25-29 araka ny fijery ny ohabolana avy any Mossi sy Congo. Izy ireo dia milaza fa ny loharanon'ireo ohabolana afrikana dia mety hanondro ny loharanon'ny ohabolana ao amin'ny Testamenta Taloha, noho ny fisian'ny fitoviana ara-tematika sy stylistika (Naré 1986; Nzambi 1992).

Ny fahatelo izay horesahina eto dia mahakasika ny fahitana ny tontolo, izany hoe ny fijerena ny mety hisian'ny fifandraisan'ny fomba fijery ny tontolo ao ambadik'ireo ohatra momba ny fitoviana ireo. I J.-C. Bajeux no manokatra ny resaka momba izany tamin'ny fisasahan'ny taona 50. Araka ny hevitr'i Bajeux, dia akaiky kokoa ny Afrikana ny Baiboly, indrindra fa ny Testamenta Taloha noho ny filozofian'i Aristote sy ny teologian'i d'Aquin (Banjeux 1956). Misy fomba fijery mitovy amin'izany izay navoakan'ny mpikaroka Afrikana maro taty aoriana; ny akaiky indrindra ohatra, di any an'i J. Nyeme Tese (Congo), Venant Bacinoni (Congo) ary Jaspar J. Burden (Afrika Atsimo), izay, nampivoitra ny endriky ny fifampitohizana teo amin'ny Afrika fahagola sy ny Testamenta Taloha (Nyeme Tese 1980; Bacinoni 1989; Burden 1986).

Vala famaritana ny fandikan-kevitra

Aorian'izao fanadihadiana tranga vitsivitsy izao, ny resaka momba ny fitoviana eo amin'ny kolontsaina nentin-darazana Afrikana sy ny Testamenta Taloha dia tokony hojerena amin'ny fomba hafa, indrindra ny tontolon'ny fandikan-kevitra izao resaka izao. Olana roa no horesahina, araka ny fomba fijery teolojika: izay hevitra mety hambaran'ny Testamenta Taloha momba ny fanakoloantsaina (inculturation) ny fiangonana sy ny teolojia ao Afrika, ary araka ny fomba fijery ara-tantara: ny fifandaisan'ny fanazavana ny Testamenta Taloha sy ny fanjanahantany tandrefana.

Voalohany, araka ny fijery teolojika, dia tokony ekena fa ny fitoviana misy amin'ny kolontsaina Afrikana sy ny Testamenta Taloha dia manolotra zava-dehibe momba ny fanakoloantsaina ny fiangonana sy ny teolojia ao Afrika. Izany zava-dehibe izany dia tsy azo atao tsinotsinona. Nandritra ny taonjato faha XX, dia niandalana ny fanekena fa haika/fanamby lehibe ho an'ny fiangonana sy ny teolojia ao Afrika ny hamaroan'ny fomba enti-maneho azy ireo izay ahatarafana sy iresahana ny traikera sy ny olam-pianana Afrikana. Tsy amin'ny alalan'ity toko ity no ahafantarana ny lafiny rehetra momba ny fanakoloantsaina hermetetika Afrikana; ohatra vitsy ihany, izay mahakasika ny haika/fanamby ara-misiolojia eo amin'ny fiangonana sy ny teolojia no hambara eto.

Ao amin'ny fiandohan'ity toko ity no niresahako ny tenin'ilay misionery Amerikana niasa teo amin'ny foko Nuer, izay nahatsapa fa toa niaina tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha tamin'izany. Misy ihany koa toe-javatra tahak'izany, izay nalahatr'ilay misionery Amerikana Ernest A. McFall ho ara-sytematika folo taona vitsivitsy taty aorina, ka ambarany fa azo "tarafina/dinihina" araka ny Testamenta Taloha ny fomba fiainan'ny foko Nuer. Rehefa avy nanadihady ireo karazana fitoviana ara-tsosoloijika sy ara-panopoam-pivavahana teo amin'ny foko Nuer sy Isiraely fahizay izy, dia nanambara fa ny

misionery dia tokony hiainga avy amin'ireo fitoviana ireo vao "miroso tsikelikey mankany amin'ny Testamenta Taloha" (McFall 1970; ho lafin-kevitra, Evans-Pritchard 1940; Evans-Pritchard 1940; Evans-Pritchard 1956; Fiensy 1987). Tsy tranga manokana anefa izany fomba fiasa misionaly teo amin'ny Nuer izany, fa maro ny tahak'izany eo amin'ny konteksta lehibe Afrikana, ary maro amin'ireo mpifindra monina izay nanao ny asan'ny misionery tao Afrika no niaina toe-javatra tahak'izany.

Tsy ny mpifindra monina tandrefana ihany koa anefa no hany nahita ny fisian'ireo haika ara-misiolojia teo amin'ny fitovian'ny fomban-drazana Afriakana sy ny an'Isiraely fahizay io. Misy teologiana Afrikana sy mpikaroka biblika maro no efa naneho izany nandritra ny taona maro. Lafiny miabo no asehon'i Kwesi A. Dickson (Ghana) momba izany ao amin'ny fanadihadiana nataony momba ny toe-javatra iainan'ny fiangonana ao Afrika, ka milaza izy fa ny Testamenta Taloha dia azo atao tetezana mampitohy ny fivavahana Kristiana sy ny fomba fainana nentin-drazana Afrikana (cf. Dickson 1982).

Na koa, ny fanambaran'i Nlelanya Onwu (Nijeria) fa ny fikarohana biblika natao tany Afrika dia natao bebe kokoa ho an'ny asa misiona amin'ny fiangonana ao Afrika (Onwu 1985). Lafiny miiba kosa no anehoan'i Temba L. J. Mafico (Zimbabwe) izany raha mitsikera ny fomba fanaon'ny foiben'ny asa misiona tandrefana izay nanao tsinotsinona ny fitoviana nisy teo amin'ny kolontsaina nentin-drazana Afrikana sy ny Testamenta Taloha izy ireo, ka nanala teo ampelantan'an'ny misionery nirahiny ny fitaovana mahomby sy tsara (Mafico 1979 ; Mafico 1986). Raha lazaina amin'ny fomba hafa, araka ny fomba fijery misiolojika, dia miharihary fa tokony hohalalinina ny fanadihadiana momba ny fisian'ny fitoviana eo amin'ny kolontsaina Afrikana sy ny Testamenta Taloha, mba hahamora ny fomba fahazoana azy ka ho tonga tetezana mampitohy ny hafatra ampitain'ny kolontsaina Afrikana sy ny fivavahana Krisitana, ary hiasa ho an'ny fanakoloantsaina ny fiangonana sy ny teolojia ao Afrika.

Faharoa manaraka izany, araka ny fomba fijery ara-tantara, dia tokony hofantarintsika raha toa ka ny fampitahana ny kolontsaina nentin-drazana Afrikana sy ny Testamenta Taloha dia lova avy tamin'ny fanjanahantany. Tokony horesahina io resaka io, tsy hoe satria ireo lafiny roa ireo dia nanaitra ny sain'ny mpifindra monina tandrefana nandritra ny fanjanahantany ihany, fa satria koa izany lafin-javatra izany dia nanaitra ny sain'ireo mpikaroka Afrikana nandritra ny folo taona voalohany tamin'ny vanimpotonan'ny fahaleovantena.

Tsy azo antoka loatra ny fomba fisehon'izany teo amin'ny tandrefana, satria ny fomba fampitahana azy roa ireo dia sady hita taratra tamin'ny mpanjanaka sy teo amin'ny misionery ka manahirana ihany, farafaharatsiny ho an'ny lafiny ara-politika teo amin'ny rafitry ny fanjanahantany. I Moritz Merker izay nolazaina etsy ambony fa mpanoratra ny fanadihadiana momba ny foko Maasai no mpomba ny hevitry ny mpanjanaka tandrefana. Izy dia niandraikitra ny toeran'ny manamboninahitra mpanjanaka tany amin'ireo firenena nozanahin'i Allemagne tao Afrika Atsinanana tamin'ny folotaona faran'ny taonjato faha XIX, ka arak'izany no nandinihany ny fomba fiainan'ny foko Maasai. Na izany aza, noho ny maha protestanta izay mahafantatra ny Baiboly azy, dia nampiasainy ho mari-pandrefesana entina manazava ny fanadihadiana antropolojika nataony ny Testamenta Taloha. Ireo tandrefana hafa voaresaka etsy ambony indray dia misionery, ary misy iray amin'izy ireo no manana fomba fijery miiba mahakasika ny endriky ny kolontsaina sy ny fivavahana nentin-drazana Afrikana. Misy ihany koa anefa ireo manana fomba fijery miabo, ka manasokajy ny kolontsaina Afrikana ho fomba ara-pivavahana entin'Andriamanitra manomana ny Afrikana handray ny filazantsara, izay azo ampitahaina amin'ny anjara asan'ny Testamenta Taloha teo amin'ny Jiosy. Ilay misionery Amerikana Joseph Williams no ohatra azo tanisaina momba izany, amin'ny alalan'ny fikarohana nataony mahakasika ny foko Ashanti, izay voaresaka etsy ambony. Ambarany fa ny fitoviana misy amin'ny Ashanti sy ny Testamenta Taloha dia

ikendrena hanoritana lalana mankany amin'ny fivavahana Kristiana (Williams 1930).

Hita miharihary fa misy lafiny mampitovy ny fanambaran'i Merker sy Williams mahakasika ny fifandraisan'ny fivavahana sy kolontsaina Afrikana sy ny an'ny Testamenta Taloha. Merker dia mampifanohitra ny foko Maasai – izany hoe ireo havan'Israely any Afrika Atsinanana – amin'ireo “foko mainty hoditra” mifanolobodirindrina aminy, ka ambarany fa izy ireo dia ambanimbany kokoa noho ny foko Maasai eo amin'ny lafiny politika sy kolontsaina (Merker : 1910 : 247-251). Torak'izany koa, i Williams dia mpampifanohitra ny “fananana andriamanitra maro sy ny finoanoam-poana” teo amin'ny foko Ashanti, sy ny fahatsiarovana ny Yahwism izay nampidirin'ireo Jiosy nandeha namakivaky an'i Afrika tao amin'izy ireo (Williams 1930 : 355-356). Arak'izany, izy roalahy ireo dia mahatsapa fa ireo maha izy azy ara- kolontsaina teo amin'ny foko Maasai sy ny Ashanti dia avy amin'ny fototra ivelan'ny Afrika avokoa. Izany fomba fanazavana mahakasika an'i Afrika izany dia isan'ireo endrika ankapobeny nentin'ireo mpanjanaka tandrefana nanazava momba an'i Afrika, endrika izay toa milaza fa misy fomba fiaimana ara-kolontsaina “ambony” kokoa ao Afrika izay nateraky ny fidiran'ny kolontsaina avy any ivelany.

Raha vao jerena, dia toa mora kokoa noho izany ny fomba entin'ny Afrikana manazava ny fampitahana ny kolontsaina nentin-drazana Afrikana sy ny Testamenta Taloha. Isankarazany ny fomba nentina nanao ny fampitahana; tsy vitsy ireo mpikaroka momba ny Testamenta Taloha avy ao Nijeria sy ireo mpikaroka momba ny fivavahana no nanao fanadihadiana momba izany ka namoaka hevitra momba izany. Toa manana endrika manohitra fanjanahantany ny fomba ampitahan'izy ireo ny fombandrazana Afrikana sy ny Testamenta Taloha, ka mitsipaka ireo fomba fiheverana ny nentin-drazana ara-kolontsaina sy ara-pivavahana Afrikana izay nahazo vahana tamin'ny andron'ny fanjanahana sy ny misionery (Anum 2000). Ny zavatra

anorenan'izy ireo ny fikarohana ataony, dia ny fanantenana lafiny tsara sy ny hafanam-po izay mampiavaka ny oniversite sy seminary teolojika afrikana nandritra ireo folo taona voalohany taorian'ny fahaleovantena, arahin'ny politikan'ny "africanisation" ny maha olona, isan'izany ny taranja toy ny fanadihadiana ara-pivavahana, ny teolojia sy ny fianarana biblika.

Na izany aza, dia toa alaim-panahy aho hilaza fa ireo ohatra tamin'ny andron'ny mpanjanaka izay hita ao amin'ny asan'ireo mpifindra monina tandrefana toa an'i Merker sy Williams, dia hita taratra ihany ao amin'ireo fanadihadiana nataon'ireo mpikaroka Afrikana. Indrindra fa nandritra ny roapolo taona voalohany taorian'ny fanjanahantany, dia tsapa fa ireo ezaka natao hampifandraisana ny fitoviana misy eo amin'ny Afrika sy ny Testamenta taloha dia toy ny paikady hirosoana amin'ny fampitahana izany. Ny hafatra izay ambaran'ireo mpanao fampitahana momba an'i Afrika sy ny Testamenta Taloha ireo nandritra izany taona vitsivitsy taorian'ny fanjanahantany izany dia ny hanehoana fa i Afrika nentin-drazana dia afaka manana kolontsaina sy fivavahana mifanindra andalana amin'ireo toe-javatra ambaran'ny boky masin'ny mpanjanaka teo aloha. Na dia tokony ekena aza fa ny fikendren'izy ireo dia ny handray anjara amin'ny fanoherana ny mpanjanaka mba hahavoazanaka koa fanadihadiana ny Testamenta Taloha ao Afrika, dia mazava ihany fa mbola voafatotry ny tradisionan'ny fanjanahantany izy ireo.

Fehiny

Ny fiaianana ao Afrika dia tsy voatery hiainana toy izay hita ao amin'ny Testamenta Taloha intsony. Ny "urbanisation" sy ny fanatontoloana dia nahatonga konteksta vaovao ho an'ny "contextualisation" ny fiangonana sy ny teolojia ao Afrika. Tsy azo fafana anefa ny akon'ny fitoviana misy amin'ny kolontsaina nentin-drazana Afrikana sy ny an'Isirael fy fahizay, ary izy ireo dia mbola manana zava-dehibe hoentina

mahakasika ny fanakoloantsaina ny fiangonana ao Afrika. Noho izany, dia haika mitohy sy mipetraka mandrakariva ho an'ny misiolojia Afrikana, ny teolojia sy ny fianarana biblika ny famelana izany fakany izany hitombo ary handray tsiro avy amin'ny tany lonaky ny traikefam-piainana sy ny zava-mahaliana an'i Afrika. Na koa, raha lazaina amin'ny fomba hafa, dia mbola ilaina ny fanazavana sy famakafakana momba ny fitoviana misy eo amin'i Afrika nentin-drazana sy ny Testamenta Taloha, toy ny fisian'ny filana fandinhana momba ny tontolon'ny fandikana/fanazavana ireo fitoviana misy ireo.

Mizara Soratra Masina sy tradisiona arapivavahana amin'ny fivavahana Silamo

“Iaraha-mahalala fa ny Afrikana dia mpivavaka”, hoy i John S. Mbiti tokony ho dimampolo taona lasa izay, ao amin’ny fitarihantenin’ny monografia lehibe nosoratany *African Religions and Philosophy* (Mbiti 1969 : 1), ary mety ho niteny izany mahakasika ny Malagasy koa izy. Raha toa ka marina izany fanambarana miverimberina izany, izany hoe raha mbola marina taorian’izay taona maro izay ka mety ho afaka hanantena isika fa hahita traikefa ara-pivavahana isankarazany eran’ny Afrika ankehitriny, dia azo lazaina avy amin’ny fanambaran’i Mbiti hoe “efa fantatra fa mpivavaka” ireo rehetra mandrafitra ny Fivavahana Nentin-drazana Afrikana sy ireo tradisiona ara-pivavahana hafa tao Afrika – toy ny Fivavahana Kristiana sy ny Fivavahana Silamo – tamin’ ireo toerana maro ao amin’ny kontinanta dia niara-nisy sy nifandray akaiky ara-jeografika sy ara-kolontsaina.

Na izany aza, ny fifandraisana misy amin’izay mandrafitra ireo fivavahana roa farany ireo, ny fivavahana Kristiana sy Silamo, dia tsy eo amin’ny konteksta ara-jeografie sy ara-tsôsialy sy kolontsaina ihany no isehoany. Ireo fiarahamonina ara-pivavahana roa ireo dia ampiraisin’ ny fandovana teksta manokana, dia ny Baiboly Hebreo na ny Testamenta Taloha. Vokany, ireo fivavahana roa ireo – sy ny Soratra Masin’izy ireo, dia ny Baiboly sy ny Korana – dia ahitana fitantarana sy mpandray anjara ao amin’ny fitantarana mitovy. Izany dia hita taratra ao amin’ny Soratra Masina ihany, satria ny Testamenta Vaovao dia mampiharihary ny fiankinany amin’ny “bokin’ny Fanekena Taloha” (2 Korintiana 3 : 14, jereo koa Lioka 24 : 44), ary ny Korana dia miresaka momba ny *tawrat* izay mahakasika izany ihany koa (cf. Surah 5 : 44-45).

Miainga avy amin'ny fahitana fa ny Kristiana sy ny Mozolmana, amin'ny lafiny iray, dia manana tradisiona ara-tSoratra Masina iraisana, sy amin'ny lafiny hafa, ny faritra maro ao Afrika dia ampiraisin'ny konteksta ara-jeografia sy ara-tsôsialy sy kolontsaina, dia te hanokatra adihevitra aho hoe inona no fiantraikan'izany fifandraisana roa izany eo amin'ny fomba anaovan'izy ireo fandikan-kevitra mahakasika ny Baiboly sy ny Korana. Ny fanolorana boky fohy ahitana toko vitsivitsy no mamela ahy hiditra amin'izany resaka manandanja izany, ary hoferako amin'ny firesahana ireo tranga izay toa ahitana fa ny fandikan-kevitra ataon'ny fiarhamonina Kristiana momba ny Testamenta Taloha dia maneho ny fifandraisana amin'ny fomba andikan'ny fiarhamonina Mozolmana izany. Hozaraiko vondrona roa ny fomba hanehoako izany – ny fandikana ny hevity ny Testamenta Taloha araka ny kontekstan'ny daholobe sy ny konteksta akademika – ary avy eo dia hanao famaranana misarika fandinhana vitsivitsy aho izay mifototra amin'izany tranga izany.

Ny konteksta iombonana

Ny fivavahana Kristiana sy Silamo dia tsy isaina ho isan'ny “Fivavahana Nentin-drazana Afrikana”. Na izany aza, izy roa tonta ireo dia efa nisy tao amin'ny kontinanta Afrikana hatramin'ny fiatombobany, ary ao anatin'ny taona maro nisian'ny tantarany dia nivelatra sy nandray volontany Afrikana ary niaina traikefa nateraky ny fifampitankosonana tamin'ny mponina sy ny fainam-bahoaka tao antoerana izy ireo. Hatolotra eto ny ohatra roa mahakasika ny fandikana ny hevity ny Testamenta Taloha ataon'ny daholobe Kristiana izay toa mampiseho ny fifandraisana amin'ny fiarhamonina Mozolmana mpifanolobodirindrina; ny voalohany dia mahita ny Testamenta Taloha ho toy ny fototry ny fahasalamana, fiarovana sy fahombiazana, ary ny iray indray dia mahita azy ho loharanon'ny fahalalana momba ny fitenin'i Abrahama.

Ny ohatra voalohany avy amin'ny fandikan-kevitra atao'n'ny be sy ny maro mahakasika ny Testamenta Taloha eo amin'ny Kristiana dia izay atolotr'ilay Nijeriana David Tuesday Adamo, izay namakafaka ny fomba nampiasana ny Salamo hampahantanjahana ny traikefam-piaínana sy ny maha izy azy teo amin'ireo mpikambana ao amin'ny Africana Instituted Churches vitsivitsy tao Nijeria (Adamo 2001, cf. sy Adamo 1993 ary Ademiluka 1995). Ny tena asehon'i Adamo dia karazana ritoaly izay ahitana teksta biblika – ary isan'izany ny Testamenta Taloha – ampidirina amin'ny pratikam-pivavahana nentindrazana. Ny fiatombohan'izany, araka ny voalazan'i Adamo, dia ny fikatsahan'ny Afrikana ireo karazana hery/fahefana izay nafenin'ny misionery tamin'izy ireo, ary ambarany fa hitan'ny Afrikana ao amin'ny Baiboly izany hery/fahefana izany, indrindra ao amin'ny Bokin'ny Salamo (Adamo 2001 : 54-55). Io hery/fahefana io dia azo ampiasaina amin'ny fomba fanao ankehitriny, hitsaboana, ho fiarovana ary mba hahombiazana. Vokatr'izany, misy aza ny teksta sasany izay ampiasaina miaraka amin'ny fitaovana nentim-paharazana Afrikana.

Ohatra iray, ny teksta avy amin'ny Salamo dia mety hovakiana sady arahin'ny fampiasana ravinkazo, vavaka, fifadiankanina sy ny fampiasana ny anaran'Andriamanitra amin'ny fomba fanasitranana. Saika ireo karazan'aretina rehetra dia heverina fa azo sitranina amin'ny alalan'ny fampiarahana ny famakiana ny Baiboly sy ny fampiasana ireo fomba fitsaboana Afrikana. Iray amin'ny ohatra fitsaboana atolotr'i Adamo ny fomba fitsaboana aretim-bavony toa izao manaraka izao (Adamo 2001 : 56) :

[...] afangaro ny toaka mahery (gin) antsasaka tavoahangy, ranomanitra *bintu* iray tavoahangy, menaka oliva iray tavoahangy, *Kanfo* telo, *Kafura* iray, [a] *alum* vitsivitsy. Fatorana hoditra hazo palma ny tendany. Mivavaka sy mifady hanina mandritra ny telo andro ka tsy mikasika sakafona rano (fifadiankanina fotsy) mba hanadiovana ny tavoahangy sy ny ao anatiny. Vakina intelo ny Salamo 19, 24, 53, 54, 115, vakina impito ny Isaia 47, vakina

mandritra mandritra ny telo andro ny Hebreo 11, Lioka 9 : 2-7, 10 : 9-16 [...] dia mivavaka mba handresy amin'ny fomba rehetra. Ary misotro roa sotro amin'izany maraina sy alina.

Misy ohatra iray hafa koa izay mahakasika ny fiarovantena, indrindra ny fiarovana ny ankizy amin'ny fanahy ratsy (Adamo 2001 : 77) :

Soratana amin'ny horonan-taratasy efatra miaraka amin'ny anarana masina hoe *Sinni*, *Sinsuni* ary *Semanglaf* ny Salamo [127] ary apetraka amin'ny zorontrano efatra. Izany dia tokony hatao amin'ny fotoana rehetra itondran'ny vady vohoka sy amin'ny fahaterahan'ny zaza mba hahatonga azy ho voaaro amin'ny fanelingelenan'ny fanahy ratsy.

Adamo dia tsy ta-hampiasa ireo teny efa heverina ho manana hevitra ratsy toy ny teny teknika “majika” na “synkretisma” hoentina hilazana izany pratika izany; ny marina aza dia tena fomba fijery miabo mahakasika izany fomba fanao izany no ananany ary ny tsapany ao anatin’izany dia ny fanomezana volontany Afrikana ny hermenetikan’ ny Testamenta Taloha. Na izany aza, izay asehony eto dia ahatarafana mazava ny fampiasana ny tekstan’ny Testamenta Taloha amin’ny alalan’ny fanomezana toerana lehibe ny fomba fijery sy ny pratika fahita eo amin’ny Fivavahan-drazana Afrikana izay tsy toy ny fahitantsika amin’ny fiangonana ara-tantara Afrikana. Misy lasitra iray izay hita taratra amin’ny ohatra aroson’i Adamo. Ny zavatra iray hita mampiavaka azy eto dia ny faharesendahatra fa ny fampiraisana ny Salamo amin’ireo fomba sy fitaovana Afrikana dia afaka manasitrana, miaro ary mampahomby. Ny zavatra mampiavaka azy faharoa dia ny anjara asan’ny mpitarika ara-pivavahana – na lahy na vavy –; izay mahatonga ny fampiasana ny teksta ho ara-dalana mba hahatrarrana ny tanjona. Ny fahatelo dia ny fisian’ny kanonan’ny teksta sasantsasany; tsy kisendrasendra ny fifidianana ireo teksta ireo, fa misy

ifandraisany ny fampiasana ny teksta sy ny votoatiny ary misy lisitra teksta izay efa atokana ho an’ny tranga manahirana.

Any Madagasikara, Razafindrakoto Georges dia nahatsikaritra toejavatra toa izany tantarain’i Adamo avy any Afrika Atsinanana izany. Ambaran-dRazafindrakoto fa misy mpandala ny nentin-drazana sasany, izay no ilazany ny mpitondra fivavahana nentin-drazana Malagasy, efa nanomboka nampiasa Baiboly. Misy mampiasa azy “tsy velarina” amin’ny fanaovana sorona fa apetraeo amin’ny alitara/ eo anoloana satria inoana ho manana “hery/fahefana” izany boky masina kristiana izany, toy ny hita ao amin’ny bokin’ny Levitikosy momba ny fisoronana. Misy koa no mampiasa azy “velarina”, ka mamaky teksta mampahery – ho fampaherezana ireo mpanatrika – araka ny fomba fijery ara-pivavahana ananan’izy ireo (Razafindrakoto 2006a sy 2006c).

Na i Adamo na Razafindrakoto anefa dia tsy mampifandray izany toejavatra mahakasika ny fampiasana ny Baiboly na ny Testamenta Taloha tantarainy izany amin’ireo toejavatra mitovitovy fahita amin’ny fivavahana Silamom-bahoaka. Na izany aza, raha jerena ny fomba fanaon’olona maro toa izany any Afrika Atsinanana izay ampiasana teksta avy amin’ny Korana noho ny fikendrena mitovy (Monteil 1986 : 39-48, Trimmingham 1986 : 84), dia sarotra ny hanazava ny dikan’izany pratika roa tonta izany ho zavatra samy hafa tsy misy ifandraisany. Amin’ny fivavahana Silamom-bahoaka koa, ny mpitarika ara-pivavahana koa dia manana andraikitra lehibe amin’ny famokarana sy fatsinjarana ireo fanafody natao hanasitravana, ho fierovana sy hikendrena fahombiazana (Monteil 1986 : 8174), ary misy koa kanonan’ireo teksta fata- bahoaka manokana – avy amin’ny Korana – izay fampiasa (Musk 1984 : 82-86). Na dia tsy hiteny aho hoe misy fifandraisany ara-kronolojika izy roa tonta ireo, dia te hieritreritra ihany aho hoe ny fandikana ny hevity ny Salamo araka ny ambaran’i Adamo dia tokony hosokajiana ho isan’ny lasitra fandikan-kevitra ankapobeny ampiasain’ny Mozolmana sy ny Kristiana manoloana ny fanazavana ataony momba ny hevity ny Boky Masin’izy ireo.

Ny ohatra faharoa momba ny fandikan-kevitra ataon'ny daholobe momba ny Testamenta Taloha dia mahakasika ny lojika manokana ho an'ny mpianatra teolojia amin'ny fianarana Hebreo biblika. Ny lojika nahazatra nahatonga ny fampidirana ny fiteny biblika ao amin'ny programam-pianarana teolojia dia ny hahatonga ireo mpiomana ho pastora sy pretra ho afaka hamaky ny Baiboly araka ny teny sy ny kolontsaina fototra. Noho izany, dia maro ireo oniversite sy seminery mampiditra ny Hebreo biblika sy ny Grika araka ny Testamenta Vaovao ao amin'ny programam-pampianarana teolojia, indrindra ireo fampianarana maharitra telo taona na mihoatra, raha toa ka ireo latsaky ny telo taona dia tsy mampianatra afatsy Grika ihany.

Noho ny fiarahako miasa amin'ireo mpanao fanazavan-kevitry ny Testamenta Taloha tamin'ny konteksta Afrikana samihafa – izay avy any Afrika Atsinanana avokoa – dia nisy fotoana vitsivitsy izay nanatonan'ireo mpianatra teolojia ahy izay naniry ny hianatra ny Hebreo biblika noho ny antony hafa. Araka ny nambarany dia maniry hitovy amin'ny imam/marabout izy ireo. Izany hoe, izy ireo dia maniry ny hitovy amin'ireo mpitondra fivavahana Silamo izay mahafehy ny fiteny Arabo Koranika ka mety hifanena aminy indraindray any antanàna any. Hita arak'izany, fa toa iarahan'izy ireo manaiky fa ny teny Arabo eo amin'ny fivavahana Silamo dia mitana anjara asa hafa noho izay tanan'ny Hebreo sy ny Grika eo amin'ny fivavahana Kristiana. Araka ny ambaran'ilay mpahay tantara Gambiana Lamin Sanneh matetika (Sanneh 1989 sy 2008 : 57-88) hoe ny iray amin'ny fahasamihafana lehibe misy amin'ny fivavahana Kristiana sy ny Fivavahana Silamo, tsy latsaky ny roa amin'izany no hita amin'ny fifangaroharoan'ny misy amin'ny fiteny sy ny kolontsaina any Afrika Atsinanana, dia ny fahafahana mandika amin'ny fiteny hafa ny Baiboly sy ny tsy fahafahana manao izany amin'ny Korana :

Amin'ny maha fivavahana nadika azy, ny fampianarana Kristiana dia noraisina sy nofaritana ao anatin'ny kolontsain'ny firenena

nandray azy; amin'ny alalan'ny fandraisana ireo karazana kolontsaina nifanojo taminy dia lasa ifangaroan'ny kolontsaina maro izy. [...] Mifanohitra amin'izany kosa, ny fivavahana Silamo dia nisafidy fomba fitoriana hafa. Ny kanonan' ny Arabo Masina izay tsy azo ovana no ohatra iray goavana mahakasika ny kolontsaina Arabo izay asaina arahina, foto-pampianarana arapivavahana tsy azo soloina. (Sanneh 2008 : 26- 27)

Na eo aza anefa izany fahasamihafana lehibe misy amin'ny fivavahana Kristiana sy Silamo izany, noho ny fiarahan'izy roa ao anatin'ny firahamonina iray, toy ny any amin'ireo tanàna any Afrika Atsinana, dia miteraka akony amin'ny an-daniny sy ny an-kilany eo amin'ny anjara toerana tanan'ny mpitondra fivavahana izay mahafantatra ny teksta ilaina sy tandrify amin'ny teny fototra nanoratana azy. Mety hihevitra isika fa ny Grikan'ny Testamenta Vaovao dia ampy ho an'ny pastora na ny pretra hitoviany amin'ny imam/marabout, mety ho marina izany amin'ny lafiny sasany. Nefa amin'ny fifandraisana misy amin'ny Kristiana sy ny Mozolmana, dia manana ny lanjany manokana ny fahalalana ny fitenin'ilay ray iraisana dia i Abrahama izany. Ny pastora izay mahay mamaky ny tantaran'i Abrahama amin'ny fitenin'i Abrahama dia tena mitovy amin'ireo mitovy asa aminy any amin'ny moske.

Ny konteksta akademika

Andeha indray hitodika amin'ny fomba fanaovana fandikan-kevitra ny Testamenta Taloha eo amin'ny sehatra akademika ao Afrika isika ary, toy ny teo ambony, dia hijery ohatra mahakasika ny hoe amin'ny fomba ahoana no isehoan'ny akony ateraky ny fisian'ny Mozolmana ao amin'ny fiarahamonina iray miaraka amin'ny Kristiana amin'ny fomba fandikana ny hevitry ny Testamenta Taloha. Ny konteksta fandikan-kevitry ny tontolon'ny manampahaizana Afrikana dia ahatarafana ankapobeny ny traikefa mahakasika ny firoboroboana tsy

manantsahalan'ny fiangonana tao Afrika nandrintra ny taonjato faha roapolo. Vokatry ny fitomboan'ny fiangonana dia nisy ny filana mpitondra fivavahana izay nahatonga fanorenana sekoly biblika maro, seminiry ary hatramin'ny departemanta eny amin'ny oniversite momba ny teolojia sy fianarana ambony momba ny teolojia sy ny fivavahana aza. Ny sasany amin'ireo seminary dia mihazona ho fomba fiasa iraisana izay mampivelatra ny resaka momba ny fikarohana mahakasika ny Testamenta Taloha, ary izany tranga izany dia hita koa amin'ireo oniversite izay ahitana fampianarana momba ny fivavahana na teolojia; ny maro amin'izy ireo dia hita any amin'ireo faritr'i Afrika miteny Anglisy fa visy no hita any amin'ny faritra miteny Frantsay (Holter 2002, Holter 2008 : 83-115).

Aleo ny ohatra roa manaraka no hoentina hanazavana ny fampitahana ny fampiasana ny fivavahana Silamo amin'ny fandikana ny hevity ny Testamenta Taloha; ka ny voalohany dia miresaka momba ny fomba fijery teolojika iraisan'izy roa; ny faharoa kosa dia miresaka momba ny fiheverana ara-etika itovian'izy ireo.

Voalohany, ny resaka mahakasika ny fomba fijery ara-teolojia izay iraisana. Ohatra roa no harosoko. Ny voalohany dia izay atolot' ilay Nijeriana manampahaizana momba ny Baiboly Emmanuel Dada Adelowo. Ao amin'ny andiana artikola izay nivoaka tamin'ny taona 80, i Adelowo dia miresaka ny amin'ireo lohahevitra teolojika fototra, izay mampivelatra ny fifamalian- kevitra telo lafy eo amin'ny fomba fijery araka ny Testamenta Taloha, ny Korana, ary ny fomban-drazana Yoruba. Ny tranga voalohany dia ny fototra ara-teolojika manokana ho azy avy sy ny maha izy azy ara-etika (Adelowo 1986b). Ny tranga hafa indray dia ny fahazoan'izy ireo ny fahariana, izay iraisan'izy telo tonta ka anekeny fa Andriamanitra no nahary ny lanitra sy ny tany (Adelowo 1986a). Ny tranga fahatelo dia ny fahatakaran'izy ireo tsirairay avy ny momba ny fahafatesana sy ny fandevenana, raha jerena araka ny fomba fijeriny sy ny ritoaly ampiasainy (Adelowo 1987). Ny ifotoran'ireo tranga telo ireo – sy ny maro hafa koa (Adelowo 1982 sy 1983) – dia

ny faharesen-dahatr'i Adelovo hoe Andriamanitra iray ihany no miteny amin'ireo tradisiona telo ireo, ary noho izany dia mitovy hevitra izy telo tonta ireo amin'ny ankapobeny. Noho izany, ny fomba andikany ny hevitry ny Testamenta Taloha izay mifandray amin'ny Korana dia fantatra amin'ny fitiavana manokana ireo fomba fijery iraisana.

Ny ohatra faharoa dia avy amin'i Denis Mianbé Bétoudji, izay pretra Katolika sady mpanao hevitenin'ny Testamenta Taloha avy any Tchad. Tamin'ny 1986, ao amin'ny monografia akademika momba ny tantara mahakasika an'i Abrahama sy Melkizedeka ao amin'ny Genesisy 14 (Bétoudji 1986), i Bétoudji dia manao tsoakevitra lehibe vitsivitsy mahakasika ireo olana sedrain'ny Kristiana sy ny Mozolmana izay miara-monina any Tchad. Amin'ny lafiny iray, ity bokin'i Bétoudji ity dia famakafakana mahazatra izay anaovany tsikera ara-tantara ny tantara fohy iray ao amin'ny Testamenta Taloha. I Abrahama izay manompo an'Yahweh/Jehovah dia mifanena amin'i Melkizedeka, ilay mpanjaka sady mpisorona tao Salema, izay mivavaka amin'i El Eljon/Andriamanitra Avo Indrindra. I Abrahama dia nanolotra ny ampahafolon'ny fananany ho an' i Melkizedeka ary notolorany fitahiana. Avy eo ny fitantarana dia mitohy amin'ny famantarana ny andriamanitr'ireo olona roa fototry ny fitantarana ireo, izay mamela an'i Abrahama hianiana ka nilaza hoe: "Izaho efa nananga-tanana tamin'i Jehovah, Andriamanitra Avo Indrindra, izay nahary ny lanitra sy ny tany" (Genesisy 14 : 22). Amin'ny lafiny hafa indray, ao amin'ny teny mialoha momba ny famakafakana ara-heviteny nataony, i Bétoudji dia mampifandray ny tantara ao amin'ny Genesisy 14 amin'izay hitany fa toe-javatra mitovy amin'izany ao Tchad ankehitriny (Bétoudji 1986 : 4-6). Ny bokiny dia heveriny ho fanasana hiady hevitra, araka ny ambarany, dia fanasana ireo rehetra mino an'Andriamanitra Avo Indrindra; izany hoe, araka ny konteksta ao Tchad, ny Kristiana sy ny Mozolmana. I Abrahama dia razamben'izy roa tonta ireo, hoy i Bétoudji, ka ny taranany dia tokony hifanaja. Ny tantara ao amin'ny Genesisy 14, hoy izy manohy, dia manolotra modely ho an'ny Kristiana

sy ny Mozolmana izay miaina milamina miaraka any Tchad, ary ny filazana an’Yahweh ho El Eljon dia mitovy amin’ny zava-misy any Tchad ankehitriny izay ampiasan’ny Kristiana sy ny Mozolmana ny “Allah” ho anaran’ Andriamanitra.

Andeha indray hitodika amin’ny resaka mahakasika ireo fitoviana amin’ny fomba fijery ara-etika. Ny ohatra entina manazava izany dia izay nataon’ilay manampahaizana momba ny fivavahana Nijeriana M. Abdul-Raheem. Amin’ny lahatsoratra navoakany tamin’ ny faraparan’ny taona 90, i Abdul-Raheem dia miresaka momba ny fifandraisian’ny Baiboly sy ny Korana amin’ny krizy ara-toekarena tany Nijeria (Abdul-Raheem 1998). Ambarany fa maro ireo Nijeriana izay toa miendrika Kristiana na Mozolmana. Na izany aza anefa, dia maro no toa mihevitra fa ny fivavahana dia tsy misy fiantraikany ivelan’ny teorana izay anaovana ny fanompoampivavahana, ary ny vokany dia lisitra lavabe amin’ireo fanao manimba toy ny tsolotra, fahalovana, fangalarana volam-bahoaka, fanaovana hosoka, fivarotana rongony, sns.

Ho fanoherana izany dia lazain’i Abdul- Raheem fa ny Kristiana sy ny Mozolmana – izay mino ny Soratra Masin’izy ireo tsirairay avy – dia afaka mampitraka ny lohany na dia ao anatin’ny fahantrana ara-toekarena aza, satria ireo Soratra Masina roa ireo dia manome torolalana mazava tsara momba ny fampandrosoana ara-toekarena maharitra ho an’ny tsirairay sy ho an’ny fiarahamonina. Tetezin’i Abdul-Raheem ny Baiboly sy ny Korana hitadiavany izay ambaran’izy ireo momba ny toekarena, ary notsoahiny avy amin’izany fa ny hafatra fototra ampitain’izy ireo dia mitovitovy ihany. Izy roa tonta dia samy manisy tsindripeo momba ny maha zava-dehibe ny asa, ka noho izany dia tsy misy olona “[...]tokony hialokaloka ao ambadiky ny fialantsiny mba hitady vola amin’ny fomba mora tsy isasarana akory” (Abdul-Reheem 1998 : 55). Izy roa tonta dia samy manamafy koa ny amin’ny finoana an’Andriamanitra sy ny tokony hanalavirana amin’ny fahotana toy izay voatanisa amin’ny lisitra etsy ambony. Ny zavatra tokana tena

ihavahany, hoy izy, dia ny fandavan'ny Korana ny zanabola amin'ny fampindramam-bola. Hamaranana azy, noho izany i Abdul-Raheem dia milaza fa mandray anjara amin'ny ady hampandrosoana ny fiainam-piarahamonina ny fivavahana, ka zava-dehibe ny fanabeazana amin'ny alalan'ny fivavahana.

Famaranana

Andeha hanao teny fampieritreretana hamaranana azy. Voalohany, ireo haika teo amin'ny lafiny fikarohana izay nasehoko tamin'ireo fizarana roa ireo dia tandrify tsara ireo laharampahamehana izay eken'ny manampahaizna momba Testamenta Taloha ao Afrika ankehitriny. Mihoatra noho ireo fikambanan'ny mpahay Testamenta Taloha tandrefana, ireo namany aty Afrika dia mahatsapa andraikitra manoloana tontolon'ny fandikan-kevitra itambarambe/daholobe (ny fiangonana sy ny fiarahamonina) sy ny an'ny tontolo akademika (seminery sy oniversite). Izany dia hita amin'ny fomba izay nivelaran'ny asa fikarohana momba ny Testamenta Taloha teo amin'ny sehatra Afrikana nandritra ny dimampolo taona lasa eo ho eo, nanomboka tamin'ny fahaleovantenan'i Afrika manodidina ny 1960 sy ny zotompo hampivelatra ny fikarohana akademika isankarazany manerana ny kontinanta.

Ny fivoarana ara-hermenetika ny fianarana biblika tany Afrika dianofakafakain'ilay Nijeriana mpanao heviteny Justin S. Ukpong (Ukpong 1999). Voalazany fa misy dingana telo miavaka voamarika : (a) dingan'ny fanoherana (ny taona 30 – taona 70), izay nahatonga ny fivavahana sy kolontsaina Afrikana ho ara-dalana teo anatrehan'ny tradisiona tandrefana tamin'ny alalan'ny fanadihadiana fampitahana, (b) dingan'ny fanoherana sy fanatanterahana (taona 70 – taona 90), izay nampiasa mazava tsara ny konteksta Afrikana ho loharanon'ny fandikan-kevitry ny Baiboly, ary (d) ny dingan'ny fanatanterahana (taona 90), izay nanao ny konteksta Afrikana ho anton-javatra mazava

hanazavana ny hevity ny Baiboly. Ireo ohatra narosoko etsy ambony ireo dia mifanaraka tsara amin' ity fampandrosoana izay mamela ny konteksta Afrikana – toy ny fifandraisana miteraka akony amin'ny andaniny sy ny an-kilany eo amin'ny fivavahana Kristiana sy Silamo – hananana anjara asa izay tsy mitsaha-mitombo hatrany eo amin'ny fanazavana ny hevity ny Testamenta Taloha.

Faharoa, ny ahafantarana ny mpikaroka Afrikana momba ny Testamenta Taloha dia ny fanindriana mafy ny lafiny fampitahana ny fivavahana sy ny kolontsaina Afrikana (Anum 2000); amin'ny tranga sasany dia mampiasa ny fanao nentin-drazana Afrikana sasany hanazavana ny teksta na fotokevity ny Testamenta Taloha, ary amin'ny tranga sasany mampiasa ny teksta sy ny fotokevity ny Testamenta Taloha hanazavana fanao nentin-drazana Afrikana, ary amin'ny tranga maro dia manondro fotsiny ny fitoviana na ny fahasamihafana misy amin'izy roa (Holter 2008 : 14-52). Ny fomba fiasa nanaovana fampitahana izay nahatafiditra ny fivavahana Silamo, araka ny hitantsika tamin'ny ohatra vitsivitsy teo dia isan'ny fomba fiasa anaovana fampitahana izay naseho ankapobeny teto.

Ary fahatelo, mino aho fa ilaina ny hanaovana fikarohana bebe kokoa amin'ity sehatra ity, indrindra mahakasika ny mety ho fisian'ny fifandrasan'ny fomba iainan'ny fivavahana Silamom-bahoaka ny Korana an-daniny sy ny fomba iainan'ny fivavahana Kristianam-bahoaka ny Baiboly an-kilany. Raha ny fomba nandraisana ny Baiboly voalohany tany Afrika no resahina, ilay manampahaizana momba ny Baiboly avy any Afrika Atsimo Gerald O. West dia manao fanavahana manokana ny Baiboly “mivelatra” (amin'ny maha teksta azy) sy ny Baiboly “tsy mivelatra” (amin'ny maha zava-masina sy mari-pamantarana azy) (West 2000 : 48). Tehieritreritra aho fa izany fanavahana izany dia mety fomba tandrify hidirana amin'ny fifandraisana misy amin'ny fomba fanta-bahoaka eo amin'ny Kristiana sy ny Mozolmana ny amin'ny fampiasana ny Soratra Masin'izy ireo

tsirairay avy, na dia ireo ohatra efa noraisina etsy ambony aza dia toa efa ahitana soritra izany.

Raha akapoka ho iray izany, dia manantena aho fa ireo lafinjavatra izay noresahiko tamin'ity toko ity dia mety nitondra fahazavana eo amin'ireo zavatra manandanja nefà natao tsinotsinona teo amin'ny traikefa iraisam-pivavahana Afrikana ankehitriny, ary amin'izay lafiny izay dia mety nanazava ny teny fampidirana nataoko momba an'izay nolazain'i Mbiti mahakasika ny "fahafantarana ny maha mpivavaka" ny Afrikana. Amin'ny faritra sasany ao Afrika, ny mpiady hevitra momba ny fanazavana ny hevity ny Soratra Masina – izany hoe, ny fanazavana ny hevity ny Baiboly sy ny Korana – dia mety ho hita ivelan'ny tontolom-bahoaka sy akademikan'ireo fivavahana ireo tsirairay avy. Araka ny fahitantsika azy, amin'ny maha mpahay misiolojia ny tena, izany dia tsy midika hoe isika dia tsy maintsy mitelina bontolo ny fomba anaovan'ny fivavahana Silamo ny fandikan-kevity ny Soratra Masin'izy ireo. Fa kosa, izany dia maneho ny tokony hampivelarantsika ny fahatsapana mahakasika izany fa misy akony ateraky ny tradisiona sy ny zava-misy ivelan'ny fiangonana kristiana amin'ny fomba amakantsika ny Baiboly hattrizay.

**Famaranana : manan-kambara
momba ny misiolojia ny fandinhana
ny Testamenta Taloha!**

“Iza no nahantre teo amin’Isiraely fahizay?” Nisy sosokevitra hanaovana izany fanontaniana izany ho lohahevitra amin’ny gazety iray tao amin’ny fivoriana mahakasika ny “Testamenta Taloha, ireo ampahoriana sy tsy manam-peo”, nandritra konferansa iraisam-pirenena momba ny fikarohana ara-teolojia sy ny fivavahana tao Pietermaritzburg any Afrika Atsimo tamin’ny 2012. Heveriko fa fanontaniana tsara izany rehefa nanomboka nieritreritra izay hambara aho. Nefa avy hatrany aho dia nahatsapa hoe ilaina ny manampy hoe “hoy iza?” Izany hoe, *Iza* ireo manontany io fanontaniana io – ankoatran’ireo manomana ny konferansa – *inona* no mampanontany azy izany, ary *ahoana* no fomba isehoan’izany fanontaniana izany eo amin’ny tontolo akademika ankehitriny?

Ny taranja akademika momba ny fikarohana biblika dia mitolona amin’ny fitadiavana valiny amin’ny hoe: moa ve ity taranja ity tokony ho faritana ho “rahahaha mahakasika ny tantara ihany – raha toa ka azo ato izany satria ny maro amintsika dia mety hisalasala – sa hamela fahafahana handinika ireo olana/toe-draharaha malaza ankehitriny koa. Ny nahazatra hatrizay momba ity taranja ity, farafaharatsiny tamin’ny endrika nahitana azy tany Europa Andrefana sy Afrika Avaratra nandritra ny taonjato faha XIX sy XX, dia ny niheverana azy ho mpanolotra akora ara-teksta sy tantara izay azon’ny “tena” teolojiana ampiasaina mba hamolavolany ny modely sy paik’ady ara-teolojiansy. Ireo “tena” teolojiana ireo dia mety ho hita any amin’ny departemanta hafa ankoatra ny fikarohana biblika, mety ho any amin’ny

teolojia systematika, teolojia pratika, ary tsy ambanin'izany koa, ny misiolojia.

Ankehitriny, amin'izao taonjato faha-XXI izao, miharamaro ireo mpikaroka biblika – tsy ambakan'izany ny ao Afrika – no mety hilaza fa ny fahazoana izany fikendrena akademika sy ny fametrahana ny anjara asan'ny fikarohana biblika toa izany dia sady tsy azo tanterahina no tsy azo irina koa. Tsy azo tanterahina izany satria mametraka avy hatrany ny fisian'ny taranja iray, ka ny mpikirakira io taranja io dia manataneraka ny siansa ara-tekstan'izy ireo izay tsy mahavokatra ivelan'ny konteksta ara-tsôsialy sy kolontsaina ary ny zava-mahaliana azy ireo tanteraka. Fantantsika anefa fa ankehitriny dia tsy izany no zava-misy, ny marina dia tsy mbola nisy mihitsy izany. Sady tsy azo irina izany satria ny maro amin'ny mpikirakira io taranja io, ireo izay mihevitenen – na isika izay mihevitenen – amin'ny maha mpikaroka biblika miaina ao anivon'ny fiarahamomina dia hitaky ny zo handray anjara, miaraka amin'ny fomba fijery sy ny fitaovana ananan'ny taranja akademika manokana, amin'ny tolona ankehitriny ho an'ny fahamarinana sy ny fanajana ny maha izy azy ny olombelona. Amin'ny maha mpikaroka biblika, isika dia tsy afapo intsony amin'ny karazana *ancilla theologica*, teolojia natao tanana, izay natao hamokatra akora ara-teksta sy ara-tantara ho an'ny hafa ihany, toa ireo heverina fa “tena” teolojiana momba ny teolojia systematika, teolojia pratika, na misiolojia.

Ny fanontaniana mahakasika ny hoe iza ireo mahantha tao Isiraely fahizay dia mety ho azo ampiasaina hanazavana izany hevitra izany. Azo atao tsara ny mahazo io fanontaniana io amin'ny lafiny fomba fiteny ara-tantara “madiodio”, araka ny maha ampahany amin'ny tradisiona mandala ny lafiny miabo momba ny antsoina hoe “tantaran’Isiraely” azy, izay sampana fanalahidy nahazatra teo amin'ny fikarohana biblika.

An-kilany koa anefa, izany dia fanontaniana izay misarika ho amin'ny fandinhana mahakasika hoe iza ireo mpikirakira ny taranja

akademika momba ny fikarohana biblika, ary karazana torolalana manao ahoana no noraisin'izy ireo avy amin'ny fiarahamonina sy ny akademia. Izany no fotokevitra farany hovolavolaintsika manaraka eto amin'ny alalan'ny famelabelarana sy adihevitra momba ny fandikan-kevitra sy ny paik'adin'ny fanazavan-kevitra eo amin'ireo mpikambana telo ao amin'ny vondrona Afrikana momba ny fikarohana ara-baiboly ankehitriny izay ampifandraisina amin'ny fanontanina mahakasika ireo "mahantra" teo amin'Israely fahizay. Teny vitsivitsy momba ny kontekstan'ny fandikan-kevitra Afrikana (ny zavatra andrandraina ara-politika sy ny zava-mahaliana ara-pitsipika) no hanombohako azy. Manaraka izany dia haneho ny votoatin'ny fanadihadiana (fandikan-kevitra telo momba ireo "mahantra" ao amin'ny Testamenta Taloha), ary farany dia hanisy tsindim-peo ireo paik'ady vitsivitsy momba ny fanaovana fandikan-kevitra (zava-mahaliana ara-tantara sy ankehitriny) ato amin'ity boky ity.

Kontekstan'ny fanazavan-kevitra: ny zavatra andrandraina ara-pôlitika sy ny zava-manahirana ara-pitsipika

Tamin'ny antsassaky ny volana Novambra 2011, tao amin'ny oniversite-n'i Ghana atao hoe Legon, Ramatoakely Obiageli Ezekwesili izay Filoha Lefitry ny Banky Iraisam- pirenena amin'ny faritr'i Afrika, raha nandray fitenenana tamin'ny konferansa iraisam- pirenena momba ny famatsiam-bola, dia nilaza fa :

Ny oniversite [araka ny konteksta dia tsapa fa tsy nieritreritra ny oniversite Afrikana na kely akory aza izy] dia tokony hijery ifotony ny kalitao sy ny fifandrindran'ny fampianarana ambony amin'ny fandrosoana ara-toekarena sy ny tontolon'ny fifaninanana (Kunateh 2011).

Tsy dia manaitra loatra izany fomba fijerin-dRamatoakely Ezekwesili izany satria toa mitovy amin'izay nambaran'ireo

solontenan'ny Banky Iraisam-pirenena sy ireo biraو momba ny fampandrosoana Tandrefana efa am-polo taona maro izay, toy izay efa nambaran'ireo mpitondra sy manampahefana ara-pôlitika tany Afrika ihany hatramin'izay. Eo amin'ny sehatry ny fahefana ara-toekarena sy ara-politika, ny oniversite sy ireo institisiona momba ny fikarohana sy ny fanabeazana ambaratonga fahatelo dia novolavolaina ho fitaovana izay hampiasain'ny fiarahamonina hiadiana amin'ny fahantrana, na, araka ny teny anohatra hoe ho tohatra eo anivon'ny fiarahamonina hiakaran'ny sahirana hiala amin'ny fahantrana. Marina ny fahitantsika izany hatramin'ny voalohany, tamin'ny fotoana izay nahaterahan'ny oniversite maro tany Afrika tamin'ny taona 60 sy 70, ka ny fikendrena tamin'ny fanorenana oniversite dia nifandray akaiky tamin'ny fikendrena "fampandrosoana" (Ajayi & al. 1996 : 74-96, 187-190). Vao tsy ela akory ihany koa no nahatsapantsika izany, nandritra ny krizin'ny oniversite tany Afrika tamin'ny taona 80 sy 90 (Lulat 2003), ary ankehitriny koa manoloana ny fitomboan'ny isan'ireo institisiona tsy miankina (Thaver 2003). Raha akapoka, satria ny fahantrana no olana fototra any Afrika dia miverimberina ny filazana fa ny ady ho fampihenana ny fahantrana no tokony ho lohahevitra ifotoran'ny akademia any Afrika. Ny *Programma fototry (Core Programme)* (2009-2013) ny Firaisan'ny Oniversite Afrikana dia manolotra ohatra tsara ka milaza fa :

Ny tanjona ankapoben'ireo institisiona momba ny fanabeazana ambaratonga ambony dia hisian'ny fandraisana anjara bebe kokoa eo amin'ny sehatra nasionaly ho fanatanterahana ny Tanjon'ny Fampandrosoan'ny Taona arivo (Millennium Development Goals) sy ny paik'ady ho fampihenana ny fahantrana nasionaly (*Core Programme*, p.14).

Ny tiako hiaviana eto dia tsy ny hanao tombana raha toa ka marina izany zavatra inoan'ny maro momba ny fahafaha-manaon'ny akademia manoloana ny fampihenana ny fahantrana izany. Raha izany

no atao dia mila sehatra malalaka kokoa noho ireo toko vitsivitsy anaty boky izay soratan'ny mpikaroka biblika. Ny tiako hiaviana dia – araka ny fiheverana fa ny akademia dia tena manana fahafaha-manao manoloana ny fampihenana ny fahantrana – tokony hanontanantsika izay fomba ataon'ny fikarohana biblika, amin'ny maha ampahany kely amin'ny akademia azy, mba hahatonga azy ho isan'izany fahafaha-manao izany, miaraka amin'ireo fitaovana, fiasana, ary ireo zava-mahaliana amin'ny maha sampana akademika manokana azy. Noho ny fahateren'ny toerana dia tsy hiditra amin'ireo zavatra roa teo aloha mampiavaka ity taranja ity aho – ny teksta sy ny fitaovana fanaovana heviteny – mba hifantoka amin'ilay fahatelo, dia ny zava-mahaliana ara-hermenetikan'ny sampana fikarohana biblika manoloana ny “mahantra”, na ny resaka momba ny “fampihenana ny fahantrana”, araka izay voalaza ao amin'ny resaka pôlitika ankehitriny.

Eto, dia mety ho fanitarana ara-pomba filaza raha hiteny hoe ny zava-mahaliana ara-hermenetika momba ny “mahantra” sy ny fampihenana ny fahantrana dia mitana anjara toerana fototra eo amin'ny sampana fikarohana biblika Afrikana – na Tandrefana, amin'io lafiny io – satria ny andraikitra ara-pôlitikan'ny fikarohana biblika dia ataon'ny mpiara-miasa sasany ambanin-javatra. Na izany aza, tokony ho telopolo taona eo ho eo izay no lasa hatramin'ny teny niavaka nataon'i Elisabeth Schüssler Fiorenza tao amin'ny Fikambanan'ny Literatiora Biblika tamin'ny taona 1987. Azontsika tamin'ny antso nataony ny tokony hialana amin'ny fomba mahazatra ny fikarohana biblika ho amin'ny lafinjavatra hafa, ka nanekeny ny anjara asa ara-pôlitika ananany. Ny fikambanana mpikaroka, hoy i Fiorenza, dia tsy fikambanana mpanao fanadihadiana ihany fa fikambanana manana fahefana ihany koa, satria izy ireo dia manana ny fahefana hanaiky sy hamaritra izay “tena” hevity ny hoe “tontolon’ny fikarohana” (Fiorenza 1988 : 8). Vokatr'izany ny tontolon’ny fikarohana biblika dia :

[...] dia tsy maintsy mahasahana ny fanazavana ny fiantraikany ara-etika sy ny anjara asa pôlitikan'ny teksta biblika ary ny fanazavana ny hevitr'izy ireo teo amin'ny tantara sy eo amin'ny konteksta ara-piarahamonina sy pôlitika ankehitriny (Fiorenza 1988 : 15).

Na izany aza, mazana no nodiana tsy hita, fa ny zava-nanahirana an'i Fiorenza taona maromaro lasa izay dia niara-nisy tamin'ny vanimpotoana mitovy tamin'ny fisandratan'ny sampana fikarohana ara-baiboly tao amin'ny kontinanta Afrikana. Ny taona 80 dia nahitana fivelarana ara-institisiona sy hermenetika (Holter 2008 : 99-110, Ukpong 1999) momba ny sehatra fikarohana biblika araka ny fomba Afrikana, ary tamin'izany dia nasiana tsindrim-peo mafy ny andraikitra ara-pôlitikan'ity taranja ity. Ohatra roa avy any Nijeria, izay nanana sampana fikarohana biblika natanjaka ary nahenika ny kontinanta manontolo ny heriny, no afaka manazava izany.

Ohatra iray ny nataon'i Samuel O. Abogunrin izay nanaiky ny fanamby momba ny hampivelarana ny fikarohana biblika izay liana amin'ny zava-mahaliana ara-piarahamonina sy ara-pôlitika ankehitriny. Ao amin'ny lahatsoratra iray, ao amin'ny laharana voalohany amin'ny *African Journal of Biblical Studies* tamin'ny taona 1986, no nilazany fa ny manampahaizana ara-baiboly dia tokony handinika ny teksta miaraka amin'ny fahafantarana ireo zava-mahaliana izay tsy voatery ho nipoitra avy amin'ny tontolo ara-kolontsaina iainan'izy ireo ihany, fa avy amin'izay zava-mitranga eo amin'ny fiarahamonina ankehitriny sy ny andraikitry ny fiangonana (Abogunrin 1986). Ny ohatra hafa dia mamakafaka momba ny fahantrana bebe kokoa izay nataon'i Emmanuel Nlenanya Onwu. Ao amin'ny lahatsoratra iray momba ny toetoetry ny fikarohana biblika ankehitriny ao Afrika no iresahany fa ny fahosana sy ny fahatarana ara-pandrosoana dia fahita ao Afrika, ary ny olana ara-piarahamonina sy pôlitika, hoy izy, dia tokony ho vainedohan-draharaha amin'ny fikarohana biblika ao Afrika (Onwu 1985).

Ireo telopolo taona lasa, izany hoe nanomboka tamin'ny nilazan'i Abogunrin sy Onwu – ary i Fiorenza momba izany resaka izany – fa ny taranja akademika momba ny fikarohana biblika dia manana andraikitra pôlitika, dia nisy akony teo amin'ny konteksta momba ny fandikan-kevitra teo amin'ny sehatry ny ny fikarohana biblika Afrikana manoloana ny resaka mahakasika ny fahantrana amin'ny lafiny maro. Zavatra iray amin'izany ohatra, ny fanavahana/fampisarahana ny hermenetikan'ny fanafahana sy ny fanakoloantsaina (*liberation* sy *inculturation hermeneutics*) izay nanjavona taorian'ny fandravana ny apartheid tao Afrika Atsimo tamin'ny 1994. Ny hafa ihany koa dia ny famolavolan-kevitra momba ny andraikitra ara-piarahamonina ananan'ny fiangonana ao Afrika ambanin'i Sahara dia toa niova noho ny firoboroboan'ny ny fivavahana kristiana Afrikana naka endrika ara-pilazantsara. Na izany aza, ny fanontaniana fototra dia mbola mahakasika ny fomba hahazoan'ny fikarohana biblika – amin'io tranga io ao Afrika – ny amin'ny anjara asany ara-institisiona sy eo amin'ny fiarahamonina manoloana ny “mahantra”.

Asa soratra : fandikan-kevitra telo mahakasika ny “mahantra” ao amin’ny Testamenta Taloha

Etsy ambany aho dia hanokatra adihevitra momba izany resaka izany izay ampifandraisina amin'ny asa soratra ara-heviteny momba ny fikarohana PhD telo mikasika ny “fahantrana” sy ny “mahantra” ao amin'ny Testamenta Taloha. Ireo asa fikarohana telo ireo – araka ny fantatro (Holter 2002) – no hany nosoratan'ireo mpikaroka avy ao Afrika avaratr'i Afrika atsimo momba izany lohahevitra izany, ka ny mpanoratra dia Zamani Buki Kafang (Nijeria), Robert Wafawanaka (Zimbabwe), ary i Lechion Peter Kimilike (Tanzania).

Noho ireo fiaviana ara-jeografikan'ny mpanoratra dia tokony hasiana tsindrim-peo fa tsynofidina hisolotena an'i Afrika Andrefana,

Atsimo ary Atsinanana tsirairay avy izy ireo fa noho ny paik’ady momba ny fandikan-kevitra manoloana ny Testamenta Taloha sy ny resaka fahantrana. Ambonin’izay dia tsy mety ny hilazana fa izy ireo – mitambatra – dia misolo tena ny vondron’ny mpikaroka biblika Afrikana manontolo, fa amin’ny maha fikarohana biblika Afrikana ankehitriny azy, eo amin’ny lafiny metodolojika sy hermenetika, io dia fampivondronana fomba fijery sy zava-mahaliana. Ny fisafidianana ireo feo telo ireo dia midika koa fa tsy nojerena ny feo sasany, toy ireo izay miharihary fa miresaka soatoavina (hermenetikan’ny maha lahy sy vavy, ny fanafahana, ny anakoloantsaina, ny fanaganana, sns.) (*hermeneutics of gender, liberation, inculturation, reconstruction*), ary ireo avy amin’ny tontolo miteny frantsay sy ireo avy amin’ny tontolon’ny ankamaroan’ny mpamaky tsotra. Na izany aza, satria ny tanjoko dia tsy hampivoitra solontena fa kosa hampivoitra lohahevitra hodinihina ka izay no antony nifidianana azy telo ireo; amin’ny maha hany fikarohana PhD momba ny fahantrana sy ny Testamenta Taloha izay nosoratan’ny mpikambana ao amin’ny vondron’ny mpikaroka biblika Afrikana azy ireo izay misarika hanao fampitahana sy hanao fandinhana bebe kokoa.

Ny tranga voalohany, ara-kronolojika, dia i Zamani Buki Kafang izay avy any Nijeria ary mpampianatra ao amin’ny ECWA Seminary Teolojika ao Kagoro, fanjakan’i Kaduna, Nijeria ankehitriny. I Kafang dia nahavita ny fikarohana momba ny doctorat amin’ny resaka mahakasika ny “mahantra” ao amin’ny Salamo tao amin’ny iray amin’ireo institisiona ara-pilazantsara anisan’ny lehibe indrindra ao Etazonia antsoina hoe Trinity Evangelical Divinity School (Deerfield, USA) tamin’ny 1993 (Kafang 1993, notarihin’i David M. Howard jr.). Taorian’izany dia nanohy ny fikarohany momba ny Salamo tamin’ny alalan’ny boky iray momba ny tononkiran’ny Salamo izy (Kafang 2002).

I Kafang dia mifantoka kokoa amin’ny lafiny dikan’ny teny sy teolojika momba ny resaka “mahantra” ao amin’ny Salamo – fa tsy

mifantoka amin'ny ara-tantara loatra – ankoatra ireo resaka ankapobeny dia saika tsy hita loatra ao anatin'ny famakafakana ataony ny resaka tantara. Na dia miresaka tsikera ara-literatiora momba ny tantara ihany aza izy dia miezaka tsy miditra amin'ny olana ara-tantara be loatra ary tena tsy miditra amin'ny tsikera ara-tantara marindrano. Vokatr'izany, ao amin'ny asa fikarohana nataony tamin'ny 1993 izy dia mijery ireo lafin-javatra toy ny “tsindrimandry sy fahefana” fa tsy mijery ny lafiny ara-tantara kosa (Kafang 1993 : 37-44), ary ao amin'ny bokiny tamin'ny 2002, izy dia mifantoka amin'ny rafitra poetikan'ny teksta teo amin'Isiraely trrainy fa tsy amin'ny firafitra ara-tsôsiôlojikan'ny fiarahamoniny (Kafang 2002). Mifanakaiky kokoa amin'izany zavatra ifantohany izany ny fampiasany ny teny hoe “mahantra” ao amin'ny Salamo toy ny sarin-teny, entiny milaza ireo marina ara-pivavahana fa tsy ho enti-milaza ireo “manana filana ara-materialy” (Kafang 1993 : 256). Manaiky izy fa ny teny Hebreo adika hoe “mahantra”, toy ny ‘ani sy ’evjon, mazana dia miresaka lafiny ara-tsosialy sy toekarena amin'ny toerana sasany ao amin'ny Testamenta Taloha, saingy lazainy fa tsy mba toy izany ny ao amin'ny Salamo. Arak'izany, ity fikarohana mahakasika ny firesahana ny “mahantra” ao amin'i Isiraely fahizay ho manana filana materialy ity, dia ivelan'ny tontolon'ny fandikan-kevitri Kafang. Tsy midika izany fa ny fomba fijeriny dia tokony hatao tsinotsinona amin'izao konteksta izao, ary aoriana kely ao dia hiverenako io fomba fijeriny io mahakasika ny fomba fijery ireo paik'adin'ny fandikan-kevitra.

Ny tranga faharoa dia i Robert Wafawanaka, avy any Zimbabwe izay mampianatra ao amin'ny DeWitt Proctor School of Theology ao amin'ny Virginia Union University (Richmond, USA) ankehitriny. Wafawanaka dia nahavita ny fikarohana momba ny doctorat tao amin'ny Boston University (Boston, USA) tamin'ny 1997 (Wafawanaka 1997, notarihin'i Katheryn Pfisterer Darr) mahakasika ny olana momba ny fahantrana eo amin'i Afrika nentin-drazana sy Isiraely trrainy. Taorian'ny fahavitan'ny asa fikarohana momba ny doctorat, i

Wafawanaka dia namoaka artikola vitsivitsy mahakasika io lohahevitra io ihany (Wafawanaka 2000, 2003, 2006), ary vao tsy ela akory izay dia namoaka monografie mitondra ny lohateny hoe *Am I Still My Brother's Keeper? Biblical Perspectives on Poverty* (Wafawanaka 2012) izy.

I Wafawanaka dia liana amin'ny lafiny fifandraisan-kolontsaina, izay ikendreny ny fampiasana ny soatoavina ara-piarahamonina Afrikana – toy ny fianakaviana, ny maha mpihavana, ny rafitry ny soatoavina ara-pivavahana, ny adidy iombonana, ary ny andraikitra ara-piarahamonina – mba hanazavana izay resahin'ny Testamenta Taloha momba ny fahantrana, araka ny fomba anehoana azy amin'ireo fizarana telo lehibe ao amin'ny Testamenta Taloha : Ny Bokin'ny lalàna sy ny fiezahan'izy ireo hanorina fiarahamonina anjakan'ny fahamarinana; ny Mpaminany izay manohitra ny tsy rariny sy ny fampahoriana ny manantra; ary ny Soratra izay miresaka momba ny fahantrana araka ny fomba fijery samihafa ara-teolojia sy ara-traikefa.

Mba handaminana ny traikefa Afrikana hahatonga azy ireo ho azo ampiasaina hidirana ao amin'ny teksta hanaovana fandikan-kevitra, i Wafawanaka dia mampiasa ny teoria momba ny firafitra sôsiôlojika nataon'ilay mpahay tantara Britanika John Iliffe sy mandika ny mekanisma izay mifandraika amin'ny fahantrana ao Afrika (Iliffe 1987).

Ny tranga fahatelo dia i Lechion Peter Kimilike, izay avy any Tanzania ary mpampianatra ao amin'ny Open University ao Tanzania. I Kimilike dia nahavita ny fikarohana momba ny doctorat momba ny fomba fijery ny fahantrana araka ny ohabolana ao amin'ny Bokin'ny Ohabolana toa amin'ny University of South Africa (Pretoria, Afrika Atsimo) tamin'ny 2006 (Kimilike 2006a, notarihin'i Madipoane Masenya sy ny tenako, Holter 2006b), ary izy dia namokatra artikola vitsivitsy koa izy izay mifandraika amin'io lohahevitra io (Kimilike 2002, 2006b, 2006c) ary koa ny fanitsiana ny asa fikarohana etsy ambony (Kimilike 2008).

Raha toa ka ny tranga teo aloha, ny an'i Wafawanaka mampiasa mazava tsara ny metodolojia araka ny lafiny sôsiôlojika ary mampiditra teksta avy ao amin'ireo fizarana telo lehibe ao amin'ny Testamenta Taloha, i Kimilike kosa dia mamebelatra ny fahazoana ny fahatsapan'ny Afrikana ny fahantrana araka ny zava- misy ara-pomba amam-panao amin'ny fampiasana ny ohabolana Afrikana. Mahakasika ny Testamenta Taloha indray dia mifantoka amin'ny ohabolana momba ny fahantrana ao amin'ny Bokin'ny Ohabolana izy. I Kimilike dia manondro fa resahina matetika ao amin'ny Bokin'ny Ohabolana ny "mahantra", ary ambarany fa rehefa jerena miaraka ireo zavatra roa ireo dia afaka maneho an-tsary ny fahantrana izay mampiharihary ny rafitra ara-tsosialy sy toekarena ary politika teo amin'Isiraely trrainy. Amin'ny lafiny maro dia misy fitoviana ny rafitra teo amin'Isiraely trrainy sy Afrika nentin-drazana, ary ny fampitahana natao dia nahafahany nanolotra fandikan-kevitra izay mametraka ny ohabolan'ny Testamenta Taloha momba ny fahantrana ho vakina araka ny solomaso momba ny fifandraisany amin'ny ohabolana Afrikana mahakasika ny fahantrana.

Paik'ady fandikan-kevitra : ny zava-mahaliana ara-tantara sy ankehitriny

Taorian'ny fanadihadiana fohy momba ny fahitan'ireo Afrikana telo lahy ireo ny momba ny "mahantra" araka ny fifandraisany amin'ny Testamenta Taloha, dia hiverenantsika ny resaka momba ny paik'ady fandikan-kevitra nataon'izy ireo.

Kafang indray no hanombohako azy, amin'ny famakafakany momba ny Salamo izay mitarika azy hilaza fa ny resaka rehetra momba ny "mahantra" hita ao dia sarin-teny izay miresaka momba ireo marina ara-pivavahana fa tsy ireo mahantra ara-materialy. Na dia ireo teksta toy ny Salamo 22:27 [ET 26] – "Hihinana ny mpandefitra (*anivim*) ka ho voky" – dia tsy miresaka filana ara-materialy (Kafang 1993 : 51), satria

ny “mahantra” ao amin’ny Salamo dia tsy hoe “mahantra” tsotra izao. Ao ambadiky ny fanindrian’i Kafang ny resaka fandikan-kevitra araka ny sarin-teny dia ny fironana any amin’ny lafiny hermenetika. Ao amin’ny teny fampidiran’ny asa fikarohany dia manoritsoritra karazana kisarina hermenetika izy, ka nanamarika ireo toerana raisina amin’ny fanaovana fandikan-kevitra toy ny *teolojian’ny fanafahana* (liberation theology) sy ny *ara-pilazantsara* (evangelicals) manoloana ny resaka mahakasika ny “mahantra”. Eo afovoan’izany kisary izany no ametrahany ny torana misy azy, eo anelanelan’ny “*teolojian’ny fanafahana*”, “izay [...] manindry mafy amin’ny fandikana ny hevity ny “mahantra”, amin’ny toerana rehetra ahitana azy ao amin’ny Baiboly, ho miresaka filana ara-materialy, sy ny “*ny ara-pilazantsara maro*”, izay [...] te handika ny hevity ny ‘mahantra’ ho fahantrana ara-panahy foana” (Kafang 1993 : 2-3).

Nefa na dia miezaka hipetraka eo amin’ny toerana afovoan’ireo fifanoherana roa ireo, ny “*teolojian’ny fanafahana*” sy ny “*ny ara-pilazantsara maro*”, aza i Kafang dia sarotra ny tsy hieritreritra fa momba ny iray amin’izy ireo izy, dia ny “*ny ara-pilazantsara maro*” izay mampifandray amin’ny lafiny ara-panahy ny ambaran’ny tekstan’ny Salamo, lafiny ara-panahy izay tohanan’i Kafang mafy. Noho izany dia toa mazava fa ny tena foto-javatra amin’ny fandikan-kevitra ataon’i Kafang dia tsy hametraka elanelampanahy amin’ny “*ny ara-pilazantsara maro*” sy ny “*teolojian’ny fanafahana*”, fa kosa ny hampivoitra izay eritreretina fa fahalemen’ity farany raha ampifandraisina amin’ny Baiboly. Vokatr’izany dia milaza izy fa ny *teolojian’ny fanafahana* “[...] dia mazana no mandray ny teny hoe ‘mahantra’, amin’ny toerana rehetra ahitany azy ao amin’ny Soratra Masina, mba hampiasa azy amin’ny maha fadiranova. Izany dia niteraka fisalasalana tanteraka momba ny heviteny ataon’izy ireo sy ny fampiharana ny fiheverana momba ny ‘mahantra’ (Kafang 1993 : 232).

Ny fifikiran’i Kafang amin’ny fandikan-kevitra *ara-tsarin-teny* momba ny ‘mahantra’ ao amin’ny Salamo dia toa tsy ampoizina ihany

raha ampifandraisina amin'ny konteksta Nijeriana misy azy. Amin'ny fomba fijery ara-piangonana, ny fiangonan'i Kafang – ECWA, Evangelical Church of West Africa – dia tokony ho azo sokajiana ho mpandala ny nentin-drazana eo amin'ny lafiny teolojia sy etika, nefahafena miresaka fanafoanana ny fahantrana, dia manana fomba fanao matanjaka momba ny fizarana izay ilaina hoenti-manana ny fahasalamana, fanabeazana, ary fampandrosoana ambanivohitra izy.

Ary amin'ny fomba fijery akademika indray, ny fikambanana akaiky indrindra an'i Kafang – NABIS, Nigerian Association of Biblical Studies (Fikambanana Nijeriana Mpandalina Baiboly) – tao anatin'ny 30 taona nampisy azy dia nifantoka betsaka tamin'ny resaka mahakasika ny fahantrana; ka ny maro tamin'ny konferansa isan-taona nataony – sy ireo konferansa samihafa – no nireshana momba ny lohahevitra ara-tsôsialy sy etika toy ny “fikarohana Biblika sy ny fahalovana ao Afrika” (Abogunrin 2007) na “fikarohana Biblika sy ny olana ara-tontolo iainana ao Afrika” (Manus 2009).

Vokatr'izany dia te hieritreritra aho fa ny fomba fijery ara-hermenetika ananan'i Kafang dia avy amin'ny toeram-pianaranana nanaovany ny PhD tany Etazonia, fa tsy ny konteksta Nijeriana manodidina azy – ny fiangonana sy ny akademia – (Holter 2002 : 72-73). Na izany aza, ny fifikirany amin'ny fanaovana fandikan-kevitra araka ny *sarin-teny* momba ny ‘mahantra’ ao amin'ny Salamo dia fandraisana anjara mahaliana amin'ny konteksta Nijeriana, amin'ny ampahany satria manery ny fiangonana handinika mahakasika ny lojika teolojika momba ny ady ataon'izy ireo amin'ny fahantrana, nefahafena amin'ny ampahany dia mihaika ny vondrona akademika izay zatra nifantoka tamin'ny fanaovana dikan-kevitra araka ny konteksta ankehitriny fa tsy njery akaiky ny famakiana ny teksta biblika.

Ny tranga faharoa, ny an'i Wafawanaka dia maneho fahatsiarovan-tena ara-tantara eo amin'ny lafiny metodologika sy tematika. Ny fikarohana nataony tamin'ny doctorat sy ny ankamaroan'ny artikola mifantoka amin'izany dia nanaovany heviteny, ka nijereny

akaiky ny teksta sy ny konteksta ara-tantara. Manoloana izany, ny hevitra fototra tamin'ny fikarohany voalohany dia ny hahatonga ny fanaovana heviteny momba ny fahantrana ao amin'ny Testamenta Taloha hahazo fahalalana amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'ny traikefa Afrikana. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny fampitahana ny zava-misy ao Afrika dia mamela an'i Wafawanaka hohoatra ny ivon'izay ifantohan'ny teksta aza. Indrisy anefa fa ny monografiany tamin'ny 2012 izay azo ambara amin'ny ankapobeny fa fanitsiana io asa fikarohany tamin'ny doctorat io dia tsy ahitana ny maro amin'ireo antsipirany tany amboalohany momba ny fahantrana any Afrika (io ampahany amin'ny asa soratra io dia navoaka manokana tao anelanelam-potoana, Wafawanaka 2006). Raha mijery ny paik'ady fandikan-kevitri'i Wafawanaka dia hilaza isika fa ny monografia tamin'ny 2012 dia nampihena ny anjara asa ara-pandikan-kevitry ny zava-misy Afrikana ao amin'ny fampitahana. An-kilany, na izany aza, io monografia io dia mihazona ny haika ho an'ny fikarohana biblika mba hamela ny teksta tranainy hampiasaina mifanaraka amin'ny zava-mahaliana ankehitriny, ary indrindra amin'ny hoe ahoana no ahafahantsika mianatra avy amin'ny Testamenta Taloha ny fomba hiadiana amin'ny fahantrana eo amin'ny fiarahamonina ankehitriny.

Ny fivoarana nisy avy tamin'ny fikarohana momba ny doctorat nataon'i Wafawanaka tamin'ny 1997 ka hatramin'ny monografiany tamin'ny 2012 dia maneho ny sasantsasany amin'ny tantaram-piaiany manokana, amin'ny maha ohatra amin'ireo Zimbabweana maro azy, izay tsy niverina antanindrazana rehefa nahavita ny PhDs tany ivelany azy. Misy vokany roa mazava tsara izany amin'ity trangany ity. Ny iray dia ny zavatra ifantohan'ny monografiany tamin'ny 2012 dia toa ankapobeny ihany raha ampitahaina amin'ny asa fikarohana tamin'ny 1997, satria mifantoka bebe kokoa amin'ny andraikitra ara-tsôsialy fa nihena ny fifantohana amin'ny zava-misy sy iainana ao Afrika. Ny manaraka dia izy izay tsy nifampikasokasoka tamin'ireo lafin-javatra ifantohan'ny fikarohana biblika Zimbabweana ankehitriny intsony, izay

ahitana tsikera mafy momba ny fitondran'i Mugabe sy iresahana sahadysy ny amin'ny fiarahamonina aorian'ny fitondran'i Mugabe (Rugwiji 2013).

Ny tranga fahatelo, dia ny an'i Kimilike izay miainga avy amin'ny paik'ady fandikan-kevitra manoloana ny ohabolan'ny Testamenta Taloha momba ny ‘mahantra’ izay aseho mazava tsara. Kimilike dia milaza fa misy tradisiona hita ao amin'ny fandinohan'ny Tandrefana ny fahantrana araka ny ohabolan'ny Testamenta Taloha izay azo ijereny ny faneken'Andriamanitra ny fahantrana ao amin'ireo teksta ireo. Ny mpanao heviteny Tandrefana sy ny fanaovany tsindrim-peo ny lafiny ara-tantara, hoy izy, dia mahita *status quo* sôsiôlojika amin'ireo teksta ireo izay sazin'Andriamanitra. Ny vokatr'izany tradisiona fandikan-kevitra izany dia ny hoe kely ihany ny fanantenana ho fanavotana ny mahantara. Nefa, amin'i Kimilike io tradisiona fandikan-kevitra io dia miresaka betsaka momba ny tontolo aratsôsialin'ny Tandrefana izay resy lahatra amin'izany noho ny resaka momba ireo ohabolana trainainy ireo mihintsy. Ireo mpanao fandikan-kevitra Tandrefana dia singany sy ampahany amin'ireo fiarahamonina ivelan'ny fiangonana sy manankarena, ka ny fijeriny ny fahantrana – izay vakina tsy ampahatsiarovan-tena araka ny ohabolana momba ny fahantrana ao amin'ny Testamenta Taloha – dia maneho ny konteksta Tandrefana.

Ny teksta toy ny Ohabolana 22 : 2 – “Mihaona ny manankarena sy ny malahelo; fa Jehovah no Mpanao azy roa tonta” – no manazava izany (Kimilike 2008 : 281-287). Amin'ny lafiny iray, araka ny fomba fijery *status quo*, efa nolazaina foana fa ny fisian'ny manankarena sy ny mahantara ao amin'ny firahamonina dia maneho fa ninian' Andriamanitra ny nahary azy ireo ho samy hafa. Nefa amin'ny lafiny hafa, i Kimilike dia mamelabelatra izay antsoiny hoe “ny fanavaozana ny hermenetika Afrikana ny amin'ny ohabolan'ny fahantrana” (an African transformational hermeunetics of proverbs on poverty) ho paik'ady fanaovana fandikan-kevitra hafa azo isafidianana.

Io paik’ady hafa azo isafidianana noraisin’i Kimilike io dia tsy hoe nateraky ny fahatsapan’ny Afrikana momba ny fahantrana ihany, araka ny ahitana azy ao amin’ireo santonan’ohabolana Afrikana, fa kosa tena minia mampiasa izany mihitsy izy ireo. Ireo fahatsapan’ny Afrikana momba ny fahantrana ireo, hoy i Kimilike, dia maneho ny fahatakarana ny fitovantsaranga sy ny firaisansa misy amin’ny olombelona, izay hita taratra amin’ny fomba ifanohanana amin’ny fitsinjarana ny loharanonkarena sy ny fitsinjarana ny fanampiana sy ny fanompoana. Ny maha Tanzaniana an’i Kimilike dia miharihary eto, ny fanoritsoritany ny soatoavina nentin-drazana Afrikana dia tsy misy hafa amin’ny rindrandamina *Ujamaa* nataon’i Nyerere. Noho izany, i Kimilike dia mbola afaka miteny fa rehefa vakina araka ny solomaso izay mifanaraka amin’ny ohabolana Afrikana ny ohabolan’ny Testamenta Taloha momba ny fahantrana, dia azo atao ny manao fandikan-kevitra *dynamique* sy *transformative* fa tsy mionona amin’ny *status quo*.

Fehiny

Tamin’ny fanadihadiana momba ny traikefa Afrikana mahakasika ny fampianarana ambony tamin’ny 1996 dia nisy Vice-Chancellors fahiny tamina Oniversite – Jacob Festus Ade Ajayi (Oniversiten’i Lagos), Lameck K.H. Goma (Oniversiten’i Zambia), and G. Ampah Johnson (Oniversiten’i Benin) – no nanao listry ny “fihoaram-bokatr’ireo nahazo diploma izay tsy ‘ilaina” ho isan’ireo zava-dratsy tokony hiadian’ny oniversite miaraka amin’ny “fahantrana, mosary, aretina, ny habadoana” (Ajayi & al. 1996 : 196).

Ny teny hoe “nahazo diploma ‘tsy ilaina’” dia azo iadiankevitra mazava tsara. Zava-dehibe ny hevitra naroson’ireo sojabe telolahy ireo dia ny andraikitry ny akademika ao amin’ny fiarahamonia. Ny hoe andraikitra tsy midika hoe ny taranja tsirairay na ny institisiona tsirairay ao amin’ny oniversite dia antenaina hanavotra izao tontolo izao amin’ny

fahantrana, ny tsy fahamarinana ary ny mosary avokoa. Tsy midika anefa izany hoe tsy misy amintsika afaka miteny fa tsy tokony hiantehitra amin'ny akademia isika mba handray anjara amin'ny fananganana izao tontolo izao tsaratsara kokoa.

Ireo tranga telo noresahina etsy ambony dia manazava ny fifandroritana misy amin'ny zava-mahaliana ara-tantara sy ny ankehitriny eo amin'ny taranja akademika momba ny fikarohana biblika. Amin'ny lafiny iray, i Kafang dia manolotra paik'ady momba ny fandikan-kevitra izay mifantoka kokoa amin'ny zava-misy ankehitriny – na tsy mifanaraka amin'ny tantara (a-historical) – tsy mampiditra ny zavatra iainana ao Afrika amin'ny famelabelarany, ary tsy manan-kolazaina momba ny fiarahamonina ankehitriny izay miady amin'ny fahantrana. Amin'ny lafiny hafa, i Wafawanaka sy Kimilike dia mampiasa – na dia tsy mitovy aza – ny zavatra iainana ao Afrika sy ny zava-mahaliana, ary mamebelatra paik'ady momba ny fandikan-kevitra izay afaka mampifangaro ny zava-mahaliana ara-tantara sy ankehitriny.

“Iza ireo mahantra teo amin’Isirael fahizay?” Azo antoka fa manan-danja izany lohahevitra izany araka ny fomba fijery ara-tantara, nefo koa – ary izany no tsindriana etoana – manan-danja amin’ny fomba fijery ankehitriny. Araka ny fahatakarana ny hevitra ara-tantara sy araka ny teksta izay noraisintsika avy amin’ny fikarohana biblika – izany hoe, miaraka amin’ireo fitaovana nokirakiraina – ireo zava-mahaliana sy fitaovana enti-miasan’izany taranja akademika manokana izany – ny mpikaroka biblika dia manan- javatra hoentina mandray anjara amin’ny ady ho an’ny fahamarinana sy ny maha izy azy ny olona ankehitriny. Izay hitantsika ankehitriny dia tandindon’ny fikarohana biblika akademika izay mihaino ireo sarambabem-bahoaka mpamaky ny Baiboly, mpamaky izay manana ny traikedfany manokana momba ny fahantrana (West 1999), mpamaky izay mampivoitra ny tenany ao amin’ny teksta sy ao amin’ny fomba ahazoan’ny mpamaky hafa avy amin’ny kolontsaina hafa io teksta io ihany (de Wit & al. 2004, de Wit

2012). Amin'ny maha taranja akademika azy, ny fikarohana biblika dia tokony hohoatra ny maha mpanolotra teksta sy akora ara-tantara azy fotsiny; manana ny laha-dinikany manokana izy! Ary, raha toa ka ireo “teolojiana” mpiara-miasa amintsika ao amin’ny departemantan’ny teolojia systematika, ny teolojia pratika ary ny misiolojia te hiresaka amintsika, dia vonona hihaona amin’izy ireo isika.

Bibliografia

- Abdul-Raheem, M. 1998 : “The Bible and the Qur'an as the basis for sustainable economic development”, *African Journal of Biblical Studies* 13, pp. 50-58.
- Abogunrin, S.O. 1986 : “Biblical research in Africa: The task ahead”, *African Journal of Biblical Studies* 1, pp. 7-24.
- Abogunrin, S.O. (ed.) 2007 : *Biblical Studies and Corruption in Africa*. Ibadan : Nigerian Association of Biblical Studies (Biblical Studies Series, 6).
- Abotchie, F.F.K. 1978 : “Rites of passage and socio-cultural organization in African culture and Judaism”, F. von Hammerstein (ed.), *Christian-Jewish Relations in Ecumenical Perspective with Special Emphasis on Africa*, Geneva : World Council of Churches, pp. 82-89.
- Adamo, D.T. 1989 : “Understanding the Genesis creation account in an African background”, *Caribbean Journal of Religious Studies* 10, pp. 17-25.
- Adamo, D.T. 1992a : “Amos 9 : 7-8 in an African perspective”, *Orita* 24, pp. 76-84.
- Adamo, D.T. 1992b : “Ancient Africa and Genesis 2:10-14”, *The Journal of Religious Thought* 49, pp. 33-43.
- Adamo, D.T. 1993 : “The distinctive use of Psalms in Africa”, *Melanesia Journal of Theology* 9/2, pp. 94-112.
- Adamo, D.T. 1998 : *Africa and the Africans in the Old Testament*. Eugene: Wipf & Stock Publishers.
- Adamo, D.T. 2001 : *Reading and Interpreting the Bible in African Indigenous Churches*. Eugene : Wipf and Stock Publishers.
- Adamo, D.T. 2006 : *Africa and Africans in the New Testament*. Lanham : University Press of America.

- Adelowo, E.D. 1982 : “A comparative study of the phenomenon of prophecy in the Bible and the Qur'an”, *Ife Journal of Religions* 2, pp. 38-55.
- Adelowo, E.D. 1983 : “A comparative study of angelology in the Bible, the Qur'an and in the concepts of ministers of Olodumare”, *Orita : Ibadan Journal of Religious Studies* 15, pp. 115-124.
- Adelowo, E.D. 1986a : “A comparative study of creation stories in Yoruba religion, Islam and Judeo-Christianity”, *Africa Theological Journal* 15, pp. 29-53.
- Adelowo, E.D. 1986b : “A repository of theological and ethical values in Yoruba oral traditions, the Qur'an, the Hadith, and the Bible”, *African Theological Journal* 15, pp. 127-141.
- Adelowo, E.D. 1987 : “Death and burial in Yoruba, Quranic and biblical religion”, *Orita : Ibadan Journal of Religious Studies* 19, pp. 104–117.
- Ademiluka, S.S. 1995 : “The use of therapeutic psalms in inculcating in Christianity”, *African Ecclesial Review* 37, pp. 221-227.
- Ademiluka, S.S. 1998 : “The Genesis accounts of creation and fall in an African setting”, Ph.D. thesis, University of Ilorin, Ilorin, Nigeria.
- Adeso, P. & al. (eds.) 1993 : *Universalisme et Mission dans la Bible : Actes des Cinquième Congrès des Biblistes Africains*. Nairobi : Bicam.
- Ahn, J.J. 2011: *Exile as Forced Migrations : A Sociological, Literary, and Theological Approach on the Displacement and Resettlement of the Southern Kingdom of Judah*. Berlin : Walter de Gruyter (Beihefte zur Zeitschrift für die alttestamentliche Wissenschaft, 417).
- Ajayi, J.F. Ade & al. 1996 : *The African Experience with Higher Education*. Accra : The Association of African Universities, London : James Currey, Athens : Ohio University Press.

- Anum, E. 2000 : “Comparative readings of the Bible in Africa : Some concerns”, Gerald O. West & Musa W. Dube (eds.), *The Bible in Africa: Transactions, Trajectories and Trends*. Leiden : Brill, pp. 457-473.
- Archer, G.L. 1979 : “Contextualization : Some implications from life and witness in the Old Testament”, D.J. Hesselgrave (ed.): *New Horizons in World Mission*. Grand Rapids : Baker Book House, pp. 199-216.
- Bacinoni, V. 1989 : “Bible et identité africaine”, *Theologie Africaine*, Kinshasa (Faculté de théologie catholique de Kinshasa), pp. 241-255.
- Bailey, R.C. (ed.) 2003 : *Yet With a Steady Beat : Contemporary U.S. Afrocentric Biblical Interpretation*. Atlanta : Society of Biblical Literature (Semeia Studies, 42).
- Bajeux, J.-C. 1956 : “Mentalité noire et mentalité biblique”, A. Abble & al. (eds.), *Des prêtres noirs s’interrogent*, Paris : Les éditions de Cerf, pp. 57-82.
- Bernal, M. 1987 : *Black Athena : The Afroasiatic Roots of Classical Civilization*. London : Free Association Books.
- Bétoudji, D.M. 1986 : *El, le Dieu Suprême et le Dieu des Patriarches (Genesis 14,18-20)*, Hildesheim : Georg Olms Verlag (Religionsvissenschaftliche Texte und Studien, 1).
- Bisimwa, D.R. 1993 : “L’universalism dans le Psalme you counted 97”, P. Adeso al. (eds.), *Universalism a Mission dans la Bible: Actes des Congrès you Cinquième Biblistes Africaine*. Nairobi : Bicam, pp. 40-67.
- Blau, J. 1962 : *The Missionary Nature of the Church : A Survey of the Biblical Theology of Mission*. London : Lutterworth.
- Boer, R. 2001 : *Last Stop Before Antarctica : The Bible and Postcolonialism in Australia*. Sheffield : Sheffield Academic Press (The Bible and Postcolonialism, 6).

- Bosch, D.J. 1991 : *Transforming Mission : Paradigm Shifts in Theology of Mission*. Maryknoll, New York : Orbis Books.
- Burden, J.J. 1983 : “Are Shem and Ham blood brothers?”, *Old Testament Essays* 1, pp. 49-72.
- Burden, J.J. 1986 : “World-view in interpreting the Old Testament in Africa”, *Old Testament Essays* 4, pp. 95-110.
- Callahan, A.D. *The Talking Book : African Americans and the Bible*. New Haven: Yale University Press, 2006.
- Chidester, D. 1996 : *Savage Systems : Colonialism and Comparative Religion in Southern Africa*, Virginia : University Press, pp. 46-56.
- Cogan, M. 1996 : “The other Egypt : A welcome asylum”. M.V. Fox & al. (eds.) : *Texts, Temples and Traditions : A Tribute to Menahem Haran*. Wiona Lake: Eisenbrauns, pp. 65-70.
- Core Programme (2009-2013)* 2009 : Accra : Association of African Universities : <http://www.aau.org/sites/default/files/cp2009-131.pdf>, accessed 2018-12-20.
- De Wit, H. 2012: *Empirical Hermeneutics, Interculturality, and Holy Scripture*. Amsterdam : Foundation Dom Hélder Câmara Chair, VU University.
- De Wit, H. & al. 2004 : *Through the Eyes of Another r: Intercultural Reading of the Bible*. Elkhart, Indiana: Institute of Mennonite Studies.
- Dickson, K.A. 1973 : “The Old Testament and African theology”, *Ghana Bulletin of Theology* 4, pp. 31-41.
- Dickson, K.A. 1974 : “‘Hebrewisms of West Africa’: The Old Testament and African life and thought”, *Legan Journal of Humanities* 1, pp. 23-34.

- Dickson, K.A. 1982 : “Mission in African countries”, M.A. Cohen & H. Croner (eds.), *Christian Mission – Jewish Mission*, New York : Paulist Press, pp. 187-206.
- Dickson, K.A. 1984: *Theology in Africa*, Maryknoll: Orbis Books.
- Emprayil, T. 1993 : “Cultural and ideological conditioning of the Old Testament”, J. & F. Kavunkal Hrangkhuma (eds.), *The Bible and Mission in India Today*. Bombay : St Pauls, pp. 17-37.
- Evans-Pritchard, E.E. 1940 : *The Nuer : A Description of the Modes of Livelihood and Political Institutions of a Nilotc People*, Oxford : Oxford University Press.
- Evans-Pritchard, E.E. 1956 : *Nuer Religion*, Oxford : Oxford University Press.
- Ezeogu, E.M. 2012 : “The African origin of Jesus : An Afrocentric reading of Matthew’s infancy narrative (Matthew 1-2)”, M.W. Dube & al. (eds.), *Postcolonial Perspectives in African Biblical Hermeneutics*. Atlanta : Society of Biblical Literature, 259-282 (Global Perspectives on Biblical Scholarship, 13).
- Felder, C.H. 1989 : *Troubling Biblical Waters: Race, Class, and Family*. Maryknoll: Orbis.
- Felder, C.H. (ed.) 1991 : *Stony the Road We Trod : African American Biblical Interpretation*. Minneapolis: Fortress Press.
- Fiensy, D. 1987 : “Using the Nuer culture in understanding the Old Testament : An evaluation”, *Journal for the Study of the Old Testament* 38, pp. 73-83.
- Fiorenza, E.S. 1988. “The ethics of biblical interpretation : Decentering biblical scholarship”, *Journal of Biblical Literature* 107, pp. 3-17.
- Gitau, S.N. 1994 : “A comparative study of the transmission, actualization and stabilization of oral traditions : An examination of

traditions of circumcision in Africa and ancient Israel”, Ph.D. thesis, Boston University, Boston, USA.

Habtu, T. 2001 : “The images of Egypt in the Old Testament : Reflections on African hermeneutics”, M.N. Getui & al. (eds), *Interpreting the Old Testament in Africa*. Nairobi : Acton, pp. 55-64.

Haynes, S.R. 2002 : *Noah’s Curse : The Biblical Justification of American Slavery*. Oxford: Oxford University Press (Religion in America).

Hays, J.D. 1996 : “The Cushites : A black nation in the Bible”, *Bibliotheca Sacra* 153, pp. 396-409.

Holter, K. 2000 : *Yahweh in Africa : Essays on Africa and the Old Testament*. New York : Peter Lang (Bible and Theology in Africa, 1).

Holter, K. 2002 : *Old Testament Research for Africa : A Critical Analysis and Annotated Bibliography of African Old Testament Dissertations, 1967-2000*. New York : Peter Lang (Bible and Theology in Africa, 3).

Holter, K. 2006a : “Interpreting Solomon in colonial and post-colonial Africa”, *Old Testament Essays* 19, pp. 851-862.

Holter, K. 2006b : “Let my people stay! Introduction to a research project on Africanization of Old Testament studies”, K. Holter (ed.) : *Let My People Stay! Researching the Old Testament in Africa*. Nairobi : Acton, pp. 1-18.

Holter, K. 2008 : *Contextualized Old Testament Scholarship in Africa*. Nairobi : Acton.

Iliffe, J. 1987 : *The African Poor: A History*. Cambridge : Cambridge University Press (African Studies Series, 58).

Kafang, Z.B. 1993 : “A semantic and theological investigation of the concept of ‘poor’ in the Psalms”. Ph.D. thesis, Trinity Evangelical Divinity School, Deerfield, Illinois.

Kafang, Z.B. 2002 : *The Psalms : An Introduction to Their Poetry*. Kaduna : Baraka Press.

Kaiser, W.C. 2000 : *Mission in the Old Testament : Israel as a Light to the Nations*. Grand Rapids: Baker Books.

Kavunkal J. & Hrangkhuma, F. (eds.) 1993 : *Bible and Mission in India Today*. Bombay : St Pauls.

Keil, C.F. 1866 : *Biblischer Kommentar über die zwölf kleinen Propheten*. Leipzig : Dörffling & Franke (Biblischer Kommentar über das Alte Testament).

Kellermann, D. 1975 : “*gur*”, G.J. Botterweck & H. Ringgren (eds.), *Theological Dictionary of the Old Testament*. Vol. 2, pp. 439-449.

Kimilike, L.P. 2002 : “Friedmann W. Golka and African proverbs on the poor”, *Zeitschrift für die alttestamentliche Wissenschaft* 114, pp. 255-261.

Kimilike, L.P. 2006a : “An African perspective on poverty proverbs in the Book of Proverbs : An analysis for transformational possibilities”. D.Th. thesis, University of South Africa, Pretoria, South Africa.

Kimilike, L.P. 2006b : “Using African proverbial folklore to understand the holistic poverty eradication framework in the Book of Proverbs”, K. Holter (ed.) : *Let My People Stay! Researching the Old Testament in Africa*. Nairobi : Acton, pp. 35-49.

Kimilike, L.P. 2006c : “The poor are not us! An exploration into the transforming possibilities of Old Testament and African proverbs on poverty”, K. Holter (ed.) : *Let My People Stay! Researching the Old Testament in Africa*. Nairobi: Acton, pp. 51-63.

Kimilike, L.P. 2008 : *Poverty in the Book of Proverbs : An African Transformational Hermeneutic of Proverbs on Poverty*. New York : Peter Lang (Bible and Theology in Africa, 7).

Könighofer, M. 2008 : *The New Ship of Zion : Dynamic Diaspora Dimensions of the African Hebrew Israelites of Jerusalem*. Vienna : LIT Verlag (Afrika und ihre Diaspora, 7).

Kunateh, M.A. 2011 : “World Bank : University educ is ladder out of poverty”, *The Chronicle*, Accra, <http://ghanaian-chronicle.com/world-bank-university-educ-is-ladder-out-of-poverty/>, accessed 2013-06-27.

Lee, E.S. 1966 : “A theory of migration”, *Demography* 3, pp. 47-57.

LeRoux, M. 2003 : *The Lemba : A Lost Tribe of Israel in Southern Africa?* Pretoria : University of South Africa.

Lokel, P. 2006a : “Previously unstoried lives : The case of Old Testament Cush and its relevance to Africa”, K. Holter (ed.), *Let My People Stay! Researching the Old Testament in Africa*. Nairobi : Acton Publishers, pp. 177-190.

Lokel, P. 2006b : “Moses and his Cushite wife : Reading Numbers 12 : 1 with undergraduate students at Makerere University”, K. Holter (ed.), *Let My People Stay! Researching the Old Testament in Africa*. Nairobi : Acton Publishers, pp. 191-201.

Loader, J.A. 1985 : “‘Theologia religionum’ from the perspective of Israelite religion – an argument”, *Missionalia* 13, pp. 14-32.

Ludwig, F. 2011 : “‘Just like Joseph in the Bible’: The Liberian Christian Presence in Minnesota”, F. Ludwig & J.K. Asamoah-Gyadu (eds.), *African Christian Presence in the West : New Immigrant Congregations and Transnational Networks in North America and Europe*. Trenton : Africa World Press (Religion in Contemporary Africa Series), pp. 357-380.

Ludwig, F. & J.K. Asamoah-Gyadu (eds.) 2011 : *African Christian Presence in the West: New Immigrant Congregations and Transnational Networks in North America and Europe*. Trenton : Africa World Press (Religion in Contemporary Africa Series).

- Lulat, Y.G.-M. 2003 : “The development of higher education in Africa : A historical survey”, D. Teferra & P.G. Altbach (eds.), *African Higher Education : An International Reference Handbook*. Bloomington & Indianapolis : Indiana University Press, pp. 15-31.
- Mafico, T.J.L. 1979 : “The contribution of the Old Testament to missionary effectiveness in Africa”, *Missiology* 7, pp. 110-111.
- Mafico, T.J.L. 1986 : “The Old Testament and effective evangelism in Africa”, *International Review of Mission* 75, pp. 400-409.
- Malamat, A. 1973 : “Tribal societies : Biblical genealogies and African lineage systems”, *Archives Européennes de Sociologie* 14, pp. 126-136.
- Manus, C.U. (ed.) 2009 : *Biblical Studies and Environmental Issues in Africa*. Ibadan : Nigerian Association of Biblical Studies (Nabis West Biblical Studies, 1).
- Martin-Archard, R. 1962 : *A Light to the Nations: A Study of the Old Testament Conception of Israel's Mission to the World*. Edinburgh and London: Oliver and Boyd.
- Mbiti, J.S. 1969 : *African Religions and Philosophy*. Nairobi: East African Educational Publishers Ltd.
- Mbiti, J.S. 1978 : “The biblical basis in present trends of African theology”, *Africa Theological Journal* 7, pp. 72-85.
- Mbiti, J.S. 1986 : *Bible and Theology in African Christianity*, Nairobi : Oxford University Press.
- McCray, W.A. 1990a : *The Black Presence in the Bible: Discovering the BLACK and African Identity of Biblical Persons and Nations*. Chicago : Black Light Fellowship.
- McCray, W.A. 1990b : *The Black Presence in the Bible and the Table of Nations, Genesis 10 :1-32*. Chicago : Black Light Fellowship.

McFall, E.A. 1970 : *Approaching the Nuer of Africa Through the Old Testament*, South Pasadena : William Carey Library).

Mojola, A.O. 1988 : “Peasant studies and biblical exegesis : A review with some implications for biblical translation”, *Africa Theological Journal* 17, pp. 162-173.

Mojola, A.O. 1999 : “The Chagga scapegoat purification ritual and another re-reading of the goat of Azazel/azazel in Leviticus 16 : Some preliminary obsevations”, *Melita Theologica* 50, pp. 57-83.

Mojola, A.O. 2001 : “The social sciences and the study of the Old Testament in Africa : Some methodological considerations”, M. Getui & al. (eds.), *Interpreting the Old Testament in Africa : Papers from the International Symposium on Africa and the Old Testament in Nairobi, October 1999* (Bible and Theology in Africa, 2) New York : Peter Lang Publishing, pp. 89-99.

Monteil, V. 1986 : *L'Islam noir : Une religion à la conquête de l'Afrique*. Paris : Éditions de seuil. 4. rev. edition.

Mtata, K. 2011 : ““How shall we sing the Lord’s song in a foreign land?”: African Diaspora Christianity as space and place of imagination”, F. Ludwig & J.K. Asamoah-Gyadu (eds.). *African Christian Presence in the West : New Immigrant Congregations and Transnational Networks in North America and Europe*. Trenton : Africa World Press (Religion in Contemporary Africa Series), pp. 335-355.

Mugambi, J.N.K. 1989 : *The Biblical Basis for Evangelization : Theological reflections Based on an African Experience*. Nairobi : Oxford University Press.

Mugambi, J.N.K. 2001 : “Africa and the Old Testament”, M.N. Getui, K. Holter & V. Zinkuratire (eds.) : *Interpreting the Old Testament in Africa : Papers from the International Symposium on Africa and the Old Testament in Nairobi, October 1999*. Nairobi : Acton, pp. 7-26.

Musk, B.A. 1984 : “Popular Islam : An investigation into the phenomenology and ethnotheological bases of popular Islamic belief and practice”, Ph.D. thesis, University of South Africa, Pretoria.

Naré, L. 1986 : *Proverbes salomoniens et proverbes mossi: Etude comparative à partir d'une nouvelle analyse de Pr 25-29*, (Publications universitaires européennes, xxiii:283) Frankfurt a.M.: Peter Lang.

Nyeme Tese, J. 1980 : “Continuite et discontinuite entre l’Ancien Testament et les religions africaine”, D. Atal Sa Angang & al. (eds.), *Christianisme et identité africaine*, Kinshasa: Faculté de théologie catholique de Kinshasa, pp. 83-112.

Nzambi, N. 1992 : *Proverbes bibliques et proverbes kongo : Étude comparative de Proverbia 25-29 et de quelques proverbes kongo*, (Religionswissenschaft, 5) Frankfurt a.M.: Peter Lang.

Ogden, G.S. 1978 : The Cyrus Song (Isaiah 44 : 24-45 : 13) and Moses : Some implications for mission”, *South East Asia Journal of Theology*. 18, pp. 41-45.

Okeke, G.E. 1988 : “Concepts of future life”, *Neue Zeitschrift für Missionswissenschaft* 44, pp. 178–196.

Okoye, J.C. 2006 : *Israel and the Nations : A Mission Theology of the Old Testament*. Maryknoll, New York : Orbis.

Onibere, S.G.A. 1988: “Old Testament sacrifice in African tradition : A case of scapegoatism”, M. Augustin & K.-D. Schunk (eds.), *Wünschet Jerusalem Frieden : Collected Communications to the XIIth Congress of the International Organization for the Study of the Old Testament*, (Beiträge zur Erforschung des Alten Testaments und des antiken Judentums, 13) Frankfurt a.M.: Peter Lang, pp. 193-203.

Onwu, N. 1985 : “The current state of biblical studies in Africa”, *Journal of Religious Thought* 41, pp. 35-46.

- Peskett H. & V. Ramachandra 2003 : *The Message of Mission : The Glory of Christ in All Time and Space*. Leicester : Inter-Varsity Press.
- Pinto, P. 1993 : “Election and mission”, J. & F. Kavunkal Hrangkhuma (eds.), *The Bible and Mission in India Today*, Bombay : St Pauls, pp. 53-63.
- Prior, M. 1997 : *The Bible and Colonialism : A Moral Critique*. Sheffield: Sheffield Academic Press (The Biblical seminar, 48).
- Razafindrakoto, G.A. 2006a : “Old Testament texts in Malagasy contexts : An analysis of the use of the Old Testament in three religious contexts in Madagascar”, D.Th. thesis, University of South Africa, Pretoria.
- Razafindrakoto, G.A. 2006b : “The Old Testament and the Malagasy *famadihana* ritual”, *Old Testament Essays* 19, pp. 455-472.
- Razafindrakoto, G.A. 2006c : “The Old Testament outside the realm of the church : A case from Madagascar”, *Old Testament Essays* 19, pp. 473-485.
- Rowley, H.H. 1944 : *The Missionary Message of the Old Testament*. London: Carey.
- Rugwiji, T. 2013 : “Appropriating Judea postexilic literature in a postcolonial discourse : A case for Zimbabwe”, Ph.D. thesis, University of South Africa.
- Sanneh, L. 1989 : *Translating the Message : The Missionary Impact on Culture*. Maryknoll, New York: Orbis.
- Sanneh, L. 2008 : *Disciples of All Nations: Pillars of World Christianity*. Oxford : Oxford University Press (Oxford Studies in World Christianity).
- Sempore, S. 1993 : “Le Noir et le salut dans la Bible”, P. Adeso al. (eds.) : *Universalism et Mission dans la Bible: Actes des Congrès you Cinquième Biblistes Africaine*, Nairobi : Bicam, pp. 17-29.

- Senior, D. & C. Stuhlmueller 1983 : *The Biblical Foundations for Mission*. London : SCM Press.
- Sundkler, B. 1936 : “Jésus et les païens”, *Revue d'histoire et de philosophie religieuses* 16/6, pp. 462-499.
- Sundkler, B. 1961 : *Bantu Prophets in South Africa*. London : Oxford University Press, 2. ed.
- Taber, C.R. 1983 : “Missiology and the Bible”, *Missiology* 11, pp. 229-245.
- Thaver, B. 2003 : “Private higher education in Africa: Six country studies”, D. Teferra & P.G. Altbach (eds.) : *African Higher Education : An International Reference Handbook*. Bloomington & Indianapolis : Indiana University Press, pp. 53-60.
- Trimingham, J.S. 1986 : *The Influence of Islam upon Africa*. London and New York : Longman.
- Unseth, P. 1999 : “Hebrew Kush : Sudan, Ethiopia, or where?”, *Africa Journal of Evangelical Theology* 18, pp. 143-159.
- Ukpong, J.S. 1987 : *Sacrifice – African and Biblical : A Comparative Study of Ibibo and Levitical Sacrifices*, Rome : Urbaniana University Press.
- Ukpong, J.S. 1999 : “Developments in biblical interpretation in modern Africa”, *Missionalia* 27, pp. 313-329.
- Ullendorff, E. 1968 : *Ethiopia and the Bible*. Oxford : Oxford University Press.
- Van Binsbergen, W. (ed.) 2011 : *Black Athena Comes of Age : Towards a Constructive Re-Assessment*. Berlin : Lit Verlag.
- Verkuyl, J. 1978 : *Contemporary Missiology : An Introduction*. Grand Rapids : Eerdmans.

- Vig, L. 1913 : *Offertanken i den madagassiske folkereligion*. Stavanger : Det Norske Missionsselskabs Bogtrykkeri.
- Wafawanaka, R. 1997 : “Perspectives on the problem of poverty in traditional Africa and in ancient Israel”. Th.D. thesis, School of Theology, Boston University.
- Wafawanaka, R. 2000 : “African perspectives on poverty in the Hebrew law codes”, G.O. West & M.W. Dube (eds.): *The Bible in Africa : Transactions, Trajectories and Trends*. Leiden : Brill, pp. 490-497.
- Wafawanaka, R. 2003 : “Amos’ attitude towards poverty: An African perspective”, *African Journal of Biblical Studies* 19, pp. 97-109.
- Wafawanaka, R. 2006 : “Poverty in the Old Testament in African perspectives”, D.T. Adamo (ed.) : *Biblical Interpretation in African Perspective*. Lanham : University Press of America, pp. 223-258.
- Wafawanaka, R. 2012 : *Am I Still my Brother’s Keeper? Biblical Perspectives on Poverty*. Lanham : University Press of America.
- Walls, A.F. 2011 : “Towards a theology of migration”, F. Ludwig & J.K. Asamoah-Gyadu (eds.), *African Christian Presence in the West: New Immigrant Congregations and Transnational Networks in North America and Europe*. Trenton: Africa World Press, (Religion in Contemporary Africa Series), pp. 407-417.
- Wambutda, D.N. 1987 : “Hebrewisms of West Africa”, *Ogbomoso Journal of Theology* 2, pp. 33-41.
- Warneck, G. 1897 : *Evangelische Missionslehre : Ein missionstheoretischer Versuch*. Gotha : Herthes.
- Warrior, R.A. 2006 : “A Native American perspective: Canaanites, Cowboys, and Indians”, R.S. Sugirtharajah (ed.), *Voices from the Margin : Interpreting the Bible in the Third World*. Rev. and exp. 3. ed., Maryknoll, New York: Orbis, pp. 235-241.

- West, G.O. 1999 : *The Academy of the Poor: Towards a Dialogical Reading of the Bible*. Sheffield : Sheffield Academic Press (Interventions, 2).
- West, G.O. 2000 : “Mapping African biblical interpretation: A tentative sketch”, G.O. West & M.W. Dube (eds.), *The Bible in Africa : Transactions, Trajectories and Trends*. Leiden : Brill, pp. 29-53.
- Williams, J.J. 1930 : *Hebrewisms of West Africa : From Nile to Niger with the Jews*. London : Allen & Unwin.
- Wimbush, W.L. 1991 : “The Bible and African Americans : An outline of an interpretive history”, C.H. Felder (ed.), *Stony the Road We Trod : African American Biblical Interpretation*. Minneapolis : Fortress, pp. 81-97.
- Wimbush, W.L. (ed.) 2000 : *African Americans and the Bible: Sacred Texts and Social Textures*. New York : Continuum.
- Zehnder, M. 2005 : *Umgang mit Fremden in Israel und Assyrien : Ein Beitrag zur Anthropologie des “Fremden” im Licht antiker Quellen*. Stuttgart : W. Kohlhammer (Beiträge zur Wissenschaft vom Alten und Neuen Testament, 8).

Dr Knut Holter dia profesora mpampianatra ny Testamenta Taloha ao amin'ny Universite VID, any Stavanger, Norvezy.

Nisy fotoana efa nampianarany tao amin'ny SALT, amin'ny maha profesora azy, raha nivahiny tao Fianarantsoa izy.

Amin'ny maha mpanao asa fikarohana azy, dia maro ireo boky efa nosoratany sy navoakany mikasika ny hevitinen'ny Testamenta Taloha sy ny hermeneotika biblika Afrikana.

Tasta Academic Press, ISBN 978-82-691289-1-8

